

17 -24 Martsa 2018

HERINANDRO
FIARAHAMIVAVAKA
HO AN'NY TANORA



Ny FITARIHANA sy IREO OLONA AO AMIN'NY BAIBOLY ary ny Fihaonan'izy ireo tamin' Andriamanitra



Departementan'ny Asa Fanompoana ny Tanora
Fivondronamben'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito
Ranomasimbe Indianina



HERINANDRO FIARAHAMIVAVAKA HO AN'NY TANORA 2018

Lohateny: **Mpitarika**

Lohahevitra: **Mampita ireo soatoavina ho any amin'ny taranaka ariana**

Toriteny isan'andro mandritra ny 8 andro (Sabata– Sabata)

Daty ôfisialy
17 – 24 Martsa, 2018

Andron'ny Tanora Maneran-tany: 17 Martsa 2018

Sabatan'ny Fiverenana ao an-trano: 24 Martsa 2018

Andron'ny Mpisantatra: 16 Jona 2018

Andron'ny Fanolorantenan'ny Tanora 01 Septambra 2018

Andron'ny Mpisavalàlana: 15 Septambra 2018

Week- end PCM : 19-21 Oktôbra 2018

(ho an'ny mpianatra eny amin'ny Ambaratonga ambony)

Andron'ny Ambasadaoro: 17 Nôvambra 2018

IREO MPANDRAY ANJARA:

Ireo Mpanoratra:

Abner De la Santos

Baraka Muganda

Ella Simmons

Galina Stele

Gary Blanchard

Gilbert Cangy

Pako Mokgwane

Ted Wilson

Tonian'ny Fanoratana: Maria Manderson

Ireo mpiara-miasa amin'ny Tonia: Gary Blanchard / Pako Mokgwane

Tonian'ny Fanoratana voalohany: Sophia Boswell

Mpanara-maso: Biblical Research Institute

• **Mpandika teny:** ELITRANSATION

DL. lh 0185-B/01.18

Ny natonta: 10 400 isa



Pasitora Gary Blanchard,

Talen'ny Asa Fanompoana ny Tanora ao amin'
ny Fianganona Advantista Mitandrina ny andro fahafito.
Azonao ifandraisana amin'ny Blanchardg@gc.adventist.org.
na arahinao ao amin'ny
Instagram@garyblanchardgc.



ANDR01

IREO TOETRA 7 MAMPIAVAKA NY MPITARIKA ARAKA AN'ANDRIAMANITRA

*L*ehilahy iray antsoina hoe Josoa no iray amin'ireo mpitarika lehibe indrindra izay nitarika tamin-kerim-po ny firenen'Isirael ho any amin'ny tany Kanana, fanjakan'ny fahavalox, ary naharesy firenena fito (Asa 13:19). Afaka mianatra, fara fahakeliny, toetra 7 mampiavaka ny Mpitarika araka an'Andriamanitra isika avy amin'io lehilahy iray io.

1]. Matahotra ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Indray andro, nisy filoha lehibe anankiray izay naniry ny hitady vady ho an'ny zanany vavy koa dia nasainy hisefaninana avokoa ireo mpiady mpitovo tao amin'ny foko nisy azy. Nanamboatra farihy iray lehibe izy izaynofenoibiby anaty rano masiaka toy ny voay, antsantsa ary Piranha (azonao an-tsaina ilay hevitra). Rehefa tonga avokoa ireo mpiady dia nampanantena ilay filoha fa ny olona voalohany sahy miampita ilay farihy ary velona no hampakatra ny zanany vavy ary ho Filohan'ny foko hanarakaraka azy! Mialoha ny hahataperan'ny kabariny dia nisy tanora anankiray nitsoboka tao anaty rano, ary nilomano haingana sy tamim-pitebitrebena fatratra nankeny am-pita. Rehefa tonga izy dia nosihinin'ilay Filoha ary hoy izy: "Arahabaina ry zanako, azonao ampiakarina ny zanako vavy sy ny toerana ho Filoha amin'ny ho avy". Avy eo dia nanontany ilay tovolahy izy raha manana teny holazaina amin'ireo mpiady namany. "Eny", hoy izy sady nisefosefo. "Tiako ho fantatra izay nanosika ahy teo!"

Efa mba nasain'Andriamanitra hanao zavatra izay nampatahotra anao ve ianao? Hitory teny, hampianatra Baiboly, hizara ny finoanao, hanao asa fanompoana, hanaiky ny toerana haha mpitarika, handeha hanao dia misiônera, hanome amim-panolorantena amin'ny asa anankiray, hiteny ho ari'ny olona anankiray, hijoro amin'ny marina na hanohitra fakam-panahy, sns. Angamba mety hahatsapa toy ilay tovolahy tao amin'ny tantarantsika ianao. Mety ho mahatsapa fa hodidinin'ny loza sy ny fihaikana ary ny tahotra! Angamba manontany tena ianao raha toa ka manao sangisangy Andriamanitra manusika anao ho ao anaty rano.

Toa natahotra i Josoa, iray amin'ireo mpitarika lehibe indrindra ao amin'ny Baiboly, rehefa nandre fa maty i Mosesy ary izy no nafidin'Andriamanitra ho mpitarika vaovao ny Isirael.

Raha ny tena marina, inefatra ao amin'ny toko voalohany amin'ny bokin'i Josoa ary eo ho eo amin'ny impolo amin'ny boky manontolo, no nandidian'i Jehôvah azy sy nampirisihan'ireo Israelita namany hoe "Mahereza sy matanjaha."

Hitako nandritra ny taona maro fa izany no fomba fiasan'ny Tompo! Rehefa miantso lehilahy na vehivavy iray, zazalahy na zazavavy ho amin'ny zavatra anankiray Izy dia mazâna no fihaikana izany ary mitaky mandrakariva satran'ny hery sy tanjaka vaovao. Manao izany Izy mba hianteherantsika Aminy, ary raha manao izany isika dia tsy misy na inona na inona, na iza na iza atahorantsika. Raha ny tena marina, mariho izay nolazainy tamin'i Josoa ao amin'ny toko voalohany andininy fahadimy: "*Tsy hisy olona hahajanona eo anoloaao amin'ny andro rehetra hiainanao.*"

Raha 16 taona aho ary nipetraka tao Midlothian, Texas, dia nandre mazava tsara ny antson'Andriamanitra ny ho Pasitora. Izay no voalohany sady farany nahenoako an'Andriamanitra niteny mivantana. Matetika Izy no miteny amiko amin'ny fahatsapana sy faharesen-dahatra ary don-kiho malefaka. Na izany aza, nampatahotra ahy ny fieritreretana hoe hitory teny ary nandritra ny taona maro taorian'izay dia nifototra tamin'ny diploma hafa ankoatra ny teôlôjia aho. Farany, tamin'ny fahatanorako dia nilefitra tamin'ny antson'Andriamanitra aho ary niova taranja tao amin'ny Oniversiten'ny Southern nianatra ny momba ny fivavahana ary nanantena fa tsy hisy mihitsy hiantso ahy hitory teny. Azonao novinavinaina.... tao anatin'ny andro vitsivitsy, dia nahazo fanasana aho ny hiteny tao amin'ny fiangonana kôreanina nandritra ny favoriana tao amin'ny toeram-pianarana. Tena natahotra aho ary novakiko haingana ny toriteniko ary nangozohozo ny lohaliko nandritra ny fotoana rehetra. Kanefa rehefa vita izany dia nisy zavatra mahafinaritra niseho. Nanasa ahy hiara-misakafo ireo olona tao amin'ny fiangonana ary nisaotra ahy foana noho ilay hafatra (angamba noho ilay izy fohy kely). Mbola nanasa ahy indray izy ireo hiverina kanefa tsy afaka nanao izany intsony aho fa tena tsy hadinoko mihitsy ny hatsaram-panahin'izy ireo. Ho feno fankasitrahaha mandrakizay aho tamin'ny fomba nandraisan'izy ireo ahy nandritra iny toriteniko voalohany nampatahotra ahy iny.

2]. Tsy manana izay ilaina ny Mpitarika araka an'Andriamanitra.

Nisy olona iray nilaza fa: "Ny herim-po dia ny tahotra avy nivavaka". Ny iray amin'ireo tombontsoan'ny maha mpitarika dia ny firaosana amin'i Jesôsy. Azo antoka fa rehefa nanatona ny tanànan'i Jeriko i Josoa dia nanontany tena ny fomba handreseny io tanàna lehibe io. Niseho taminy amin'ny maha Kômandin'ny miaramilan'i Jehôvah azy i Jesôsy; ary nandritra izany fihaonana akaiky izany no nandraisan'i Josoa ny paikady tsotra nefà mihoatra ny maha olombelona hanafihana ilay tanàna. Ny antso ho amin'ny fitarihama dia antso hiara-mandeha akaiky amin'Andriamanitra. Antso ny hiantehitra Aminy... ny hahatsapana fa tsy manana izay ilaina isika. Ny fahombiazana sy ny tsy fahombiazana lehibe indrindra ao amin'ny bokin'i Josoa dia vokatry ny fiankinana amin'Andriamanitra na fiankinana amin'ny olona. Mahazendana fa mendrika ny ho mpitarika kokoa isika rehefa mahatsapa indrindra ny filântsika ny fanampian'Andriamanitra.

Angamba efa renao ny tantaran'ny fifaninanana nataon'ny môtôsikileta iray sy ny môtô Harley. Nitsangana teo akaikin'ny lahy antitra iray mitaingina môtôsikileta ny mpitaingina môtô Harley anankiray ary nanao vazivazy raha te hifaninanana aminy. Eny hoy ilay antidahy ary raha vao nirehitra maintso ny jiro dia nitrena ilay mpitaingina môtô sady nihomehy irery raha nieritreritra ny momba ilay lahy antitra mikohaky ny faharesena. Avy eo nivarahontsana izy raha nahita fa naharaka azy foana ilay antidahy teo ambony môtôsikileta ary afaka segôndra vitsivitsy dia nidona tamin'ilay môtô

Harley ary dia niara-lavo izy roalahy. Nalahelo ilay mpitaingina môtô fa simba ny Harley nananany kanefa mbola taitra kokoa izy fa tratran'ilay antidahy. "Fa ahoana no nahavitanao izany?" hoy izy nanontany. Namaly ilay antidahy nanao hoe: "Vahao kely azafady fa mifatotra amin'ny gidaonao (guidon) ny beriteloko (bretelle)." Afaka manao zava-mahagaga isika amin'ny maha mpitarika ary mampivarahontsana an'i Satana mihitsy raha toa ka mifandray sy mifamatotra amin'Andriamanitra.

Tena lehilahin'Andriamanitra tokoa i Josoa kanefa nanao fahadisoana lehibe izy. Nanana fironana hiantehitra amin'ny hery sy ny fahendren'olombelona tahaka antsika izy toy izay hiankina amin'Andriamanitra amim-panefren-tena hitari-dalana. Na dia nikatsaka an'Andriamanitra aza izy ny amin'ny paikady handravana an'i Jeriko dia tsy nitady an'Andriamanitra mialoha mahakasika ny tanànan'i Ay na rehefa namitaka azy ny Gibeonita tamin'ny fiheverana fa avy any amin'ny firenena lavitra izy ireo fa tsy avy amin'ny tanàna manodidina. Milaza ny Baiboly fa i Josoa sy ireo mpitarika dia "*Tsy nanontany tamin'ny vavan'i Jehovah.*" (Josoa 9:14).

Ny mahatsikaiky, ny fahombiazana dia mety ho lasa tsy fahombiazan'ny tena, raha avelantsika izany haka amintsika ny fiateherantsika amin'Andriamanitra isan'andro. Mino aho fa i Martin Luther no niteny hoe: Tena sahirana be aho androany ka handany adiny telo amim-bavaka. Soa ihany fa nitombo tamin'ny fahatakarana i Josoa fa ny fahombiazany amin'ny maha mpitarika azy dia miankina tanteraka amin'ny fiateherany amin'ny Tompo.

3). Harry fitaovana ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Isaorana Andriamanitra fa tsy maniraka ny mpitarika Izy raha tsy miaraka amin'ny teny fikasana. Tonga miaraka amin'ny teny fikasana mahafinaritra avy amin'Andriamanitra i Josoa. "*Tsy hisy olona hahajanona eo anoloanao amin'ny andro rehetra hiainanao; tahaka ny nombako an'i Mosesy no hombako anao koa; tsy handao anao na hahafoy anao Aho.*" - Josoa 1:5. Ny zavatra mahafinaritra amin'Andriamanitra dia mitana mandrakariva ny teny fikasany Izy. Izy no mpitana ny teny fikasana fara tampony. Raha ny marina, dia «*tsy hain'Andriamanitra ny mandainga*» (Heb 6:18). Noho izany, rehefa manao teny fikasana Izy, dia mihzona izany. Hatramin'ny fiasfaran'ny fiainany, i Josoa dia nampiasa ireto teny mahafinaritra ireto mba hilazana an'Andriamanitra sy ny Fahatokiany. "Tsy nisy latsaka na dia kely akory aza ny zavatsoa rehetra izay nolazain'i Jehovah tamin'ny taranak'Isirael; fa tanteraka avokoa izany rehetra izany." (Josoa 21:45). Arakaraka ny hivelomantsika sy hanompoantsika Azy no ahafahantsika manamarina misimisy kokoa ny Fahatokiany!

Pasitora Advantista nihoatra ny 20 taona aho ankehitriny ary nandritra izany fotoana rehetra izany Andriamanitra dia nanome ahy mandrakariva hafatra hotorina. Omeny, matetika, ora vitsivitsy raha tsy minitra mialoha fa dia tonga mandrakariva. Nisy olona iray niteny hoe: "Andriamanitra tsy mba tratra aoriana na lasa aloha na oviana na oviana, fa tonga ara-potoana mandrakariva." Tahaka an'i Josoa, Izaho koa dia afaka manamarina fa mahatoky amin'ny fanatanterahana izay nampantanenainy Andriamanitra!

Amin'ny maha mpitarika antsika ao an-tokantrano, ao am-piagonana, ao amin'ny klioba sy ny fiaraha-monina dia tokony hanangona ireny teny fikasan'Andriamanitra ireny isika, takio izy ireny ary antenao amim-pahatokiana fa hanatanteraka izany amin'ny fotoany Andriamanitra.

Mitandrema fa na dia izany aza, i Satana izay miezaka mandrakariva ny hitady ny fahadisoana dia haka fanahy tsy handraisanao ny teny fikasan'Andriamanitra. Hilaza aminao

izy fa tsy mendrika ianao na tsy tanterakao ireo fepetran'ny teny fikasana. Koa mamela ahy hanome anao toko sy andininy iray izay nanampy ahy hamiliana ireo tsipikan'ny tsy finoana. Ny 2 Kôrintianina 1:20 dia milaza *“Fa na firy na firy ny teny fikasan’ Andriamanitra, dia ao aminy ny eny, ary amin’ny alalany koa ny Amena, ho voninahitr’ Andriamanitra amin’ny ataoanay.”* Amin’ny teny hafa dia tanteratsika ao amin’i Jesôsy ireo fepetran’ny teny fikasana rehetra nomen’Andriamanitra. Hilaza mandrakariva Andriamanitra hoe “eny” amin’ny fanatanterahana azy ireny, tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho ny fahamendrehana sy ny fahamarinan’i Jesôsy Tompontsika, Mpamony sarobidy. Koa aoka isika tsy hijery ny tenantsika fa hibanjina an’i Kristy sy handray ireo fitaovam-piadiana dia ireo teny fikasana azo antoka avy amin’Andriamanitra Tsitoha.

4). Mpanaraka ireo Mpitarika araka an’Andriamanitra

Tahaka an’i Josoa, manara-dia ny Tompo amim-pankatoavana feno fitiavana ireo Mpitarika araka an’Andriamanitra. Taona maro lasa izay, nandinika ny tarika misiônera iray raha toa ka mety na tsia ny hanombohana ny asa fitoriana ny filazantsara tao amin’ny faritra manokan’ny firenena anankiray izay heverina ho manohitra ny fivavahana kristianina, eny mety hampidi-doza mihitsy aza. Voamarik’izy ireo fa nisy mpitari-tafika jeneraly teo aloha nипetraka teo amin’ny manodidina ary nanapa-kevitra izy ireo ny hila hevitra aminy. “Inona no tokony hataonay tompoko?” hoy izy ireo nanontany. Nitraka izy sady nitsiky no nanontany hoe: “Inona no baiko azonareo?”

Tsity ireo mpitarika izay nahazo baiko ho amin’ny toerana mampidi-doza noho ny an’i Josoa. Voalohany, nasaina hitarika firenena iray, izay ara-tantara dia, tsy miraharaha tsara ireo mpitarika azy (Ohatra: Josefa, Mosesy, Andriamanitra) izy. Mimonomonona, mitaraina, tsy mankatô, eny, niezaka ny hamono ny iray amin’ireo mpitarika mihitsy aza izy ireo. (Nomery 14:10) Faharoa, nirahina hanafika tany iray feno olona goavam-be sy tanàna mimanda izy. Tsy mahagaga raha nila herim-po izy.

Ny baiko nomen’Andriamanitra an’i Josoa dia tena mitovy amin’ny baiko nomeny ny fiangonana amin’izao andro farany izao (izaho sy ianao). Nomena baiko koa isika ny hanafika izao tontolo izao - tsy amin’ny sabatra vy fa amin’ny sabatry ny filazantsara. Amin’ny teny hafa, natao history ny vaovao mahafalin’i Jesôsy isika “amin’ny firenena rehetra, sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra” ary hampianatra azy ireny ho tonga mpianany (Marka 16:15, Apôkalipsy 14:6, Matio 28:19-20). Hitan’ny tenako manokana fa arakaraka ny habetsahan’ny fizarantsika ny fahasoavan’Andriamanitra, ny hatsaram-panahiny tsy mendrika sy tsy sahaza no hitomboan’ny fanandraman’ny olona amin’ny fandresena ny fahotana. Manamafy izany ny Baiboly ao amin’ny Rômanina 6:14: *“Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin’ny lalàna hianareo, fa ambanin’ny fahasoavana.”* Io boky ao amin’ny Baiboly io ihany no milaza fa “...ny fahamoram-panahin’Andriamanitra dia mitaona anao hibebaka” -Rômanina 2:4.

Tsy kely noho izay nomena an’i Josoa ny fihaikana nomen’Andriamanitra ny fiangonana ao amin’ny iraka lehibe. Tena misy ireo zavatra mampidi-doza antsika ary saiky miharatsy isan-taona izany! Vao nandre aho androany fa nisy Advantista mitandrina ny andro fahafito anankiroa naiditra am-ponja ary miandry ny fitsarana azy any amin’ny firenena iray mankahala ny filazantsara. Eny, eo amin’ny tontolo manodidina antsika ny olona goavamben’ny paganisma (fiainana jentilisa), atheisma (Tsy mino ny fisian’Andriamanitra), Satanisma (fivavahana amin’i Satana), agnostisisma (tsy finoana ny zavatra fantatra), sekolarisma (tsy firaharahanana ny fivavahana), hiomanisma (fanandratana ny maha olona), liberalisma (ny fahalalahantsaina), Konservativsma (fifikirana amin’ny teo aloha), traditionalism (fifikirana

amin'ny nentin-drazana), laodikianisma (toe-tsain'i Laodikia) ary azo tohizana ny lisitra. Kanefa tsy ny tahotra ananantsika tahaka ireo misiōnera nolazaina teo aloha no hanontanantsika fa ny baikon'Andriamanitra. Afaka miaro antsika tsara sy mamoha ny varavarana ho an'ny filazantsara ao amin'ireo toerana izay heverin'olombelona ho tsy mety tratra Andriamanitra. Iza moa no nieritreritra fa misy Rahaba ao Jeriko? Na iza no nieritreritra fa hibebaka noho ny toritenin'i Jônà ny tanâna manontolo ao Ninive?

Raha mahazo dôlara iray (sahabo ho telo arivo ariary) isaky ny famaritana henoko mahakasika ny atao hoe mpianatra aho dia mety hitombo, fara fahakeliny, zato dôlara ny fananako. Fehezanteny tahaka ny hoe "Mpanara-dia mavitrika amin'ny fotoana feno an'i Jesôsy" na "Olona iray rakotry ny vovoky ny Tompony" ary azo tohizana ny lisitra feno hatsaran-tarehin'ireo famaritana. Kanefa ahoana hoy ny Baiboly? Nilaza i Jesôsy fa ny tena mpianatra dia ireo izay mankatô ny "zavatra rehetra izay nandidiako anareo." (Matio 28:20). Mety ho tsara tarehy izany fa araka izay voalazan'i Jesôsy, ny tena mpianatra sy mpitarika marina dia ny olona iray manara-dia an'i Jesôsy amin'ny fankatoavana feno izay nampianariny. Toy izao no filazany Azy: "Fankatoavana sy fanompoam-pitiavana no tena famantarana marina ny maha-mpianatr'i Kristy. "Dia ho eo amin'i Kristy p.47)

Ny zavatra feno herim-po indrindra azon'ny mpitarika araka an'Andriamanitra atao dia ny manaraka an'Andriamanitra amim-pankatoavana. Amin'izao vanimpotoan'ny marimaritra iraisana izao na ny Kristianina "anarana fotsiny", tsy masaka tsara, ny mpitarika anankiray izay mankatô an'Andriamanitra dia tena hijoro, ary amin'ny ankamaroan'ny toe-javatra dia lasa lasibatry ny fihetsika feno haratsiam-panahy sy fahasiahana.

Tsy mahagaga raha ampifandraisin'Andriamanitra ny herim-po sy ny fankatoavana ny Lalany rehefa niteny tamin'i Josoa izy hoe: "Koa mahereza sy matanjaha tsara hianao, hitandremao hanao araka ny lalana rehetra, izay nandidian'i Mosesy mpanompoko anao; aza miala aminy, na ho amin'ny ankavanana, na ho amin'ny ankavia, mba hambinina hianao amin'izay rehetra alehanao" - Josoa 1:7.

Amin'ny fiteny hafa, mila herim-po ny fankatoavana an'Andriamanitra. Tsy tokony ho latsaka ao amin'ny lavaky ny kônservatизма (ankavanana) - **toe-tsaina tsy tia fiovana fa mitana ny fanao teo aloha** - na ny liberalisma (ankavia) - **Misokatra malalaka amin'ny hevi-baovao hialana amin'ny fanao mahazatra** - amin'ny maha mpitarika kristianina antsika fa tokony handeha mahitsy sy marina ao amin'ny lalana misy marika hoe: "Izao no lazain'i Jehôvah". Manontany ahy ny olona manao hoe liberaly ve ianao sa kônservativa? Tiako ny mamaly hoe: "sady tsy an'ny atsy na an'ny aroa fa tiako ny biblikaly" – manaraka izay lazain'ny Baiboly.

Tena zava-dehibe ny mahatsiaro fa tsy voatery ho eo anilantsika i Jesôsy. Eny, marina izany famakianao azy izany! Nanontany i Josoa rehefa nihaona tamin'i Jesôsy Kômandin'ny miaramilan'Andriamanitra hoe: "Namanay va Hianao sa naman'ny jahavalonay?" Tena mahaliana ny mamaky ny fomba namalian'i Jesôsy azy: "Tsia; ja Izaho dia Komandin'ny miaramilan'i Jehovah ka tonga aty ankehitriny." (Josoa 5:13-14). Amin'ny fomba fiteny hafa, i Jesôsy dia eo anilan'ny Ray ary noho izany dia eo anilan'ireo izay manaraka an'Andriamanitra irery ihany izy.

Maro no manontany tena hoe aiza ary ireo fahagagan'Andriamanitra ankehitriny? Misy ny sasany aza manorina teolôjia manodidina ny hevitra hoe tsy miseho intsony ny zavatra mihoatra ny herin'olombelona na heverin'izy ireo fotsiny ho sarintsariny ny fahamarinan'izany. Kanefa tsy izany velively! Velona Jesôsy, manana ny fahefana rehetra Izy

ary mbola miahysy mikarakara ny vahoakany. Mbola misy fahagagana fa rehefa mikasika ny onin'i Jordana irery ihany ny tongotsika. Tsarovy fa rehefa nikasika ny onin'i Jordana ny tongotr'ireo mpisorona nankatô vao nisaraka roa ny rano. (Josoa 3:15)

Mifandraika amin'izany, rehefa mandroso amin'ny fankatoavana ny antson'Andriamanitra isika vao miseho ny zavatra mihoatra ny herin'olombelona. Ho lasa dongon-tany ny tendrombohitra ary ho lasa totozy kely ny biby mahatsiravina. Ireto manaraka ireto ireo fahagagana nandraman'i Josoa rehefa nanaraka amimpahatokiana ny Tompo izy!

- Nizara roa ny onin'i Jordana nisamboaravoara
- Nianjera ny manda mafin'i Jeriko
- Nijanona tsy nihetsika ny masoandro sy ny volana
- Azo ny tany Kanana
- Niova izy!

Angamba ny fahagagana lehibe indrindra tao amin'ny bokin'i Josoa dia ny fahagagana niseho teo amin'ny tenany. Tsy hafa fa ilay lehilahy izay nangovitry ny tahotra rehefa nasaina nitarika ny Israely no nanjary mpampahery ny hafa! Mariho ny zavatra nolazainy tamin'ireo Israelite namany ao amin'ny Josoa 10:25: “...Aza matahotra na mivadi-po; mahereza sy matanjaha; fa toy izao no hataon'i Jehovah amin'ny fahavalonareo rehetra izay iadianareo.”

5). Tanora ireo mpitarika araka an'Andriamanitra [Matetika]

Ny anisan'ny mampitebiteby ahy kokoa dia tsy ny “Fiangonana mipoitra” fa ny “Fiangonana milentika”, fiangonana izay, tahaka an'i Jônà - nantsoina history ny filazantsara any amin'ireo tanâna mampidi-doza eto amin'izao tontolo izao kanefa aleony milentika - nidina nankany Jôpa, nidina any amin'ny lakavin'ny sambo, nidina any an-kibon'ny trondro ary nilentika any anaty ranomasina. Mino aho fa izao taranaka tanora ankehitriny izao dia tsy ho tia ny hilentika fa hanomboka hipoitra any amin'ireo tanan-dehiben'izao tontolo izao miaraka amin'ny Hafatry ny Anjely telo.

Fantattro ankehitriny fa antitra i Josoa (angamba teo amin'ny faha-80 taonany) kanefa maro tamin'ireo mpitarika niaraka taminy no tanora! Fantatrao ve fa ireo olona navelan'Andriamanitra hiditra ny tany Kanana dia olona tanora kokoa? Ho tadininao fa ireo taranaka teo alohan'izy ireo (ireo ray aman-dreny sy ireo raibeny) dia nanda ny tsy hankatô an'Andriamanitra sy hanafika ny tany nampanantenaina. Noho izany dia nalefa hivezivezy sy ho faty tany amin'ny tany efitra izy ireo (Josoa 5:4-5) Amin'ny teny hafa, ireo taranaka tanora no nijoro tamin'ny andron'i Josoa mba hamita ny asa. Tsy haiko intsony, raha tsy izany, ny antso mazava alefa amin'ireo tanora Advantista mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao mba handray anjara amin'ny fanafihana fitoriana ny filazantsara.

Mba efa voamarikao ve ny ao amin'ny Salamo 127:4 fa ireo tanora dia nolazaina ho “*zana-tsipika eo an-tanan'ny mahery*”? Amin'ny fiteny hafa, amin'ny maha zana-tsipika azy ireo dia tsy natao ho harafesina fotsiny ao amin'ny tranon-jana-tsipikan'ny mpiady izy ireo, fa natao hanidina, hisantoka tsy amin-tahotra ho any amin'ny tanim-pahavaloo. Raha manontany ahy ianao hoe *inona no mampahomby ny Mpitarika tanora?* dia izao no holazaiko: tsy ny hoe firy ny zana-tsipika mipetraka eo amin'ny prôgrama sy ny hetsika ary ny fanompoam-pivawahana ataoao fa ny hoe firy ny zana-

tsipika “voaosana tsara” nalefanao ho any amin’ny saha fijinjana mba handravaravana ny fanjakan’ny fahamaizinana ary hanorina ny fanjakan’Andriamanitra.

Eritrereto anie, rehefa hiverina i Jesôsy, tapitra hatreо ny fifanandrinana lehibe, tianao ve ny fitoeran-jana-tsipikanao raha ho feno sa ho foana? Izaо no ilazan’ny mpanoratra anankiray izany: “ tsy ny fahafahanao mampipetraka olona fa ny fahafahanao maniraka” no mahatonga anao ho mpitarika tanora, talen’ny mpisavalalana, mpampianatra sekoly sabata, mpanabe, mpandrindra ny JA na ray amandreny mahomby. Manerana izao tontolo izao dia ilaintsika ny mandefa ny tanorantsika amin’ny alalan’ny tetikasa toy ny hoe: Mission Caleb, 1000 Mouvement Missionnaire, One Year in Mission (OYiM). Izaho manokana dia mino fa ilaina ny hanaovana ny varavarankely 10/40 ho lasibatry ny fiangonana satria ny ankamaroan’ny olona mipetraka any amin’ireny faritra ireny dia tsy mbola nandre mihitsy ny filazantsara. Hevero koa fa ao amin’ny Matio 24:14 dia nampanantena i Jesôsy fa hiverina raha toa ka tonga any amin’izao tontolo izao ny filazantsara. Noho izany dia mety ho ny varavarankely 10/40 no manelanelana antsika amin’ny flavian’i Kristy!

6] Hahomby ireo mpitarika

Tena marina ny fanambaran’ny olona anankiray manao hoe: Namaky ny fiasaran’ny Baiboly aho ary mandresy isika!” Kanefa tsy ilaintsika ny hiandry ny flavian’i Jesôsy Kristy fanindroany vao hanandrana fahombiazana ao amin’ny asa fanompoana. Hanandrana fahombiazana, eny fa na dia any amin’ny toerana izay heverina ho mikatona amin’ny zavatra ara-panahy isika raha mandeha any amin’ny toerana izay anirahan’Andriamanitra antsika, hanompo araka ny fomba izay nolazainy fa tokony hataontsika. Iray amin’ireo toko sy andininy tiako indrindra ao amin’ny bokin’i Josoа ny toko faha 23 andininy faha 10 manao hoe: “*Ny lehilahy iray aminareo manenjika ny arivo; fa Jehovah Andriamanitrareo, Izy no miady ho anareo, araka izay nolazainy taminareo.*”

Nilaza tantara mahatalanjona i Pasitora Mark Finley mahakasika ny vehivavy anankiray izay nandeha namakivaky firenena iray izay fantatra ho manohitra ny fivavahana. Nitondra baoritra iray misy boky *Hery Mifanandrina* 50 izy rehefa nijanona noho ny fitohanany’ny fifamoivoizana. Tena naharitra izany ka nivoaka ny fierakodia ny olona ary niala vonkona sy niresaka tamin’ny olona tsy mbola fantatra. Nisy tanora iray nahamarika fa namaky ny lesson’ny sekoly sabata izy mba hamenoany ny fotoana. Nanontany izay zavatra ianarany ilay tanora. Nanomboka nilaza taminy ny momba ny flavian’i Jesôsy fanindroany izy sy ireo toe-javatra hiseho amin’ny andro farany. Tena liana ilay tovolahy ary notolorany boky *Hery Mifanandrina* mialoha ny hiverenany tany amin’ny fierakodia. Minitra vitsivitsy taty aoriana dia tonga ny vadin’ilay lehilahy ary nangataka boky anankiray. Nomeny boky iray ilay vehivavy ary nanomboka niresaka ny amin’ny flavian’i Jesôsy fanindroany izy ireo. Tsy ela, ireo olon-kafa tratrty ny fitohanany’ny fiara, dia nanomboka nitangorona nihaino ary dia afaka nizara ny filazantsara sy ireo toe-javatra hiseho amin’ny andro farany tamin’izy rehetra izy. Nalain’izy ireo avokoa ny boky *Hery Mifanandrina* afa-tsy anankitelo sisa. Tampoka teo nisy helikôptera nanidina teo amboniny ary nipetraka teo akaikiny. Nihazakazaka nankeo aminy ny mpanamory ary nanontany hoe fa misy inona. Hitan’izy ireo tamin’ny radara mantsy ireo olona nitangorona teo amin’ny toerana anankiray. Koa dia nanomboka nilaza ny amin’i Jesôsy sy ny flaviany fanindroany izy. Avy eo dia nanome azy ny boky *Hery mifanandrina* izy kanefa mialoha ny hiverenany tany amin’ny helikôptera dia nanontany izy raha mbola afaka mahazo boky anankiroa ho entiny ho an’ireo namany roalahy. Mety hiteny ny olombelona hoe tsy mety ho vita

ny hanatratra karazan'olona any amin'ny toerana anankiray, fa i Jesôsy dia nilaza hoe:
“*Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin’izany mangataha amin’ny Tompon’ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.*” - Matio 9:37-38

7) Manandratra an'i Jesôsy ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Tsy fisanandrifian-javatra fa ny bokin'i Joso dia feno mpanondro an'i Kristy. Ireny mpanondro ireny dia mampiseho an'i Jesôsy sy ny asany amin'ny maha Mpanavotra antsika Azy. Tokony hahatsiaro ny andraikitra lehibe amin'ny maha mpitarika an'Andriamanitra antsika isika rehefa mamaky ireny mpanondro ireny, ny hitarika ny hafa ho eo amin'i Jesôsy sy ny hampianatra azy ireo ny fomba hahatonga azy ireo ho mpianany. Indreto ampahany vitsivitsy amin'ireny mpanondro ireny.

Mpanondro voalohany: *Josoa izy tenany.* Raha ny tena marina, ny anarana hoe Joso dia teny hebreo mitovy amin'ny anarana grika hoe Jesôsy! Ary tahaka an'i Joso, i Jesosy dia nitarika ny vahoakany ho ao amin'ny tany nampanantenaina ary manome azy ireo fitsaharana amin'ny fahavalon'izy ireo.

Mpanondro faharaoa: *Ny kofehy Jaky izay nafehin'i Rahaba teo ivelan'ny varavarankeliny* (2:18) dia mampahatsiahy antsika ny rân'i Jesôsy izay mamonyj antsika rehefa mametraka ny fahatokantsika Aminy isika.

Mpanondro fahatelo: Araka izay voalazan'i Ellen White, tena i Jesôsy tokoa no ilay “*Komandin'ny miaramilan'i Jehovah* ” izay nihaona tamin'i Joso dia ivelan'i Jeriko. (*Patriarka sy Mpaminany*, p. 487, 488)

Mpanondro fahefatra: Ireo tanàna fialofana dia toerana izay azon'ireo olona nampangaina tsy an-drariny ho namono olona handosirana mba hitady fiarovana. I Jesôsy no tanàna fialofana ho antsika ary afaka mihazakazaka mankany Aminy isika na dia meloka aza ary hahita famelan-keloka sy fanafahana.

Mpanondro fahadimy: Ny Anjomara vita tamin'ny *Tandrok'osy* dia tandindona maneho ny hazo fijalian'i Kristy. Mba ahafahana maka ny tandrok'osy dia tsy maintsy mamono osy. I Jesôsy no ilay “*Zanak'ondrin'Andriamanitra* izay novonoina talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Tena mahaliana fa ny fitosofana ny anjomara vita tamin'ny tandrok'osy no nampirodana ny mandan'i Jeriko. Raha tiantsika ny hanatratra ireo tanan-dehibe eto amin'izao tontolo izao ary hahita ny mandan'ny fanoheran'i Satana hirodana, dia tokony hanambara mafy ny “*Fahafatesan'ny Tompo mandra-piaviny*” isika.

Anananareo ary ireo toetra fito mampiavaka ny mpitarika araka an'Andriamanitra. Raha eo am-pianaranana ny fainan'ireo lehilahy sy vehivavy lehibe tahaka an'i Joso ianao, sy mikatsaka isan'andro ny fahendrena sy ny tanjaka dia aoka koa ho fantatra amin'ny maha mpitarika araka an'Andriamanitra.

ANTSO

Ry tanora, miantso anao Andriamanitra mba ho tonga mpitarika tahaka an'i Joso! Mety hieritreritra ao anatinao ao ianao hanao hoe “tsy misy hevitra! Tsy ho mpitarika izany aho.” Kanefa mba fantatrao ve fa mitovy tsy misy valaka amin'izany ny navalin'ny ankamaroan'ireo mpitarika lehibe ao amin'ny Baiboly? Ohatra Mosesy, Jeremia, Isaia, Sôlômôna ary mazava ho azy i Joso.

Eritrereto izao, mpitarika avokoa isika rehetra amin'ny sehatra samihafa. Marina izany! Na tianao na tsy tianao misy mpanaraka ianao. Tsy miresaka mikasika ireo mpanaraka anao ao amin'ny Facebook, Snapchat, Instagram, Twitter, sns, fotsiny aho fa manara-maso anao isan'andro isan'andro ireo iray tam-po aminao, ankizy mpiaramiasa, mpiasa, mpampiasa, mpanabe, havana, mpino, tsy mpino eny na dia ireo olona tsy mahalala anao aza.

Koa mandefa antso aminao aho ny hanekeno ny antso avo izay nomen'Andriamanitra anao ny hitarika ary tsarovy fa milaza aminao koa Izy tahaka izay nolazainy tamin'i Josoa an-jato taona maro lasa izay: "Homba anao tahaka izay nombako an'i Mosesy, tsy handao anao Aho na hahafoy anao."

Koa ankehitriny izao aho dia mihaika anao ny hijoro amin'ny tongotrao ary hanaiky ny antso napetrak'Andriamanitra aminao ny ho tonga mpitarika araka an'Andriamanitra. Ary aza hadinoina na oviana na oviana fa....

Matahotra ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Tsy manana izay ilaina ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Hary fitaovana ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Mpanaraka ireo Mpitarika araka an'Andriamanitra

Tanora ireo Mpitarika araka an'Andriamanitra (Matetika)

Hahomby ireo Mpitarika araka an'Andriamanitra

Manandratra an'i Jesôsy ny Mpitarika araka an'Andriamanitra

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1. I Josoa sy i Kaleba no hany mpisafotany niverina nitondra tatitra tsara (Jereo Nomery 14:6-8). Ny fananana finoana an'Andriamanitra no hanampy antsika hahita mihoatra izay hita mazava. Manao ahoana ny lanjan'ny hevitry ny hafa aminao? Moa ve ianao olona izay manaraka ny vahoaka sa afaka mandini-javatra ary mandray fanapahan-kevitra tsy miankina amin'ny hafa?

2. Vakio ny tantaran'ny mandan'i Jeriko ao amin'ny Josoa toko fahadimy sy fahenina rehefa tonga any an-trano ianao. Nahoana, araka ny hevitrao, no nahafahan'i Josoa njoro ho marina sy mahatoky na dia toa hafahafa aza izay zavatra nolazain'Andriamanitra taminy?

3. 16 taona ny mpanoratra ity toriteny ity raha nandre ny feon'Andriamanitra niantso azy ho pasitora. Fantatrao ve ny feon'Andriamanitra miteny aminao? Mivavaha sy mangataha amin'Andriamanitra hanokatra ny fo sy ny sainao amin'ny antsony eo amn'ny fiaiananao. Angataho Izy mba hanome anao ny herin'ny fahaizana manavaka.

4. Nandritra ny tantaran'i Josoa, dia milaza mandrakariva ny Baiboly hoe: "Niteny tamin'i Josoa Andriamanitra". Amin'ny alàlan'ny fankatoavana irery ihany no hisian'izany karazana fifandraisana izany. Mora sa sarotra ho anao izany mankatò 100% an'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra izany?



Dr. Gilbert Cangy,

dia talen'ny departemantan'ny tanora
teo anivon'ny foiben'ny Fianganana Adventista Manerantany
nandritra ny taona 2010-2016. Ankehitriny izy dia Pasitora
ao amin'ny Sanitarium Health & Wellbeing Company
any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo.
Azo atao ny mifandray aminy ato amin'ity rohy ity:
cangygilbert@gmail.com.



ANDRO FAHA-2

SAMOELA ZAZA ... ILAY MPITARIKA TSY NAMPOIZINA

*F*anontaniana matetika mipetraka eo amin'ny tontolon'ny fanatanjahan-tena ny hoe: "moa ve ny fisian'ny olona iray mety hanova ny zava-bitan'ny ekipa iray?" Marina fa amin'ny kapobeny, ny vokatry ny lalao iray dia miankina amin'ny zava-bitan'ny ekipa rehetra miaraka, kanefa tsy diso koa ny filazana fa misy ireo mpilalao sangany fantatra fa nitondra fandresena ho an'ny ekipany sy ny fireneny. Ireto misy anaran'olona maromaro toa an'i Pele, Franz Beckenbauer, Michael Jordan, Coby Bryant, Lionel Messi, Paul Pogba, sy Neimar da Silva Santos.

Toy izany koa eo amin'ny sehatra pôlitika, olona nitondra fiovana teo amin'ny fiainan'ny firenena iray manontolo mihitsy, toa an'i Mahatma Gandhi, Winston Churchill, Martin Luther King Jr., sy Nelson Mandela.

Tahaka izany koa, rehefa mijery ny tantaran'ireo vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly ianao dia hifanatrika amin'ireo mpitarika izay nahavita be tamin'ny asan'Andriamanitra kanefa dia misy fahasamihafana lehibe amin'izy ireo. Raha te hitondra fiovana ianao eo amin'ny sehatry ny fanatanjahan-tena na ny sehatra pôlitika dia tsy maintsy ho mpitarika manana sahaiza-manao mamiratra. Mahagaga fa mahafinaritra an'Andriamanitra ny mampiasa olona tsy ampoizina, olona izay tsy mbola noeritreretintsika mihitsy.

Nitady mpitarika izay hiteraka firenena manana vahoaka maro be toy ny fasika eny amin'ny ranomasina Andriamanitra; mety tovolahy tanora herotrerony no fidintsika, kanefa Andriamanitra kosa dia nify lehilahy iray efa 99 taona ary raha ny filazan'ny Baiboly azy amintsika dia *izay efa toy ny maty nynofony*. (Hebreo 11:12).

Nitady mpitarika izay afaka nifanehatra tamin'olona goavana izay nampihorohoro ny firenen'Isiraeli Andriamanitra. Niafina ireo mpiady be traikefa sy ny mpanjaka tamin'izay. Niantso zatovolahy iray Andriamanitra izay tsy mbola tokony ho miaramila akory raha ny taonany, ilay tovolahy mpiandry ondry nijoro niaraka tamin'ny vato sy ny antsamotady mba hanavotra ny fireneny.

Taorian'ny fitsanganana tamin'ny maty, Andriamanitra dia nitady vondrona mpitarika maromaro mba hanankinany hafatra miezinezina izay hamaritra ny hoavin'ny olombelona rehetra; andian'olona tsy nahita fianarana nonofidiny tamin'izay. (Asa 4:13)

Nitady mpitarika izay hitondra ny filazantsara any amin'ny firenena jentilisa rehetra Andriamanitra. Nifidy ilay fahavalon'ny kristianina rehetra Izzy, ilay nitarika ny fanenjehana an'I Stefana maritiora, ilay namolavola hevitra mba hamongorana ny fiangonana voalohany. Raha iny teny an-dalana ho any Damaskosy iny izy dia niseho tampoka taminy Andriamanitra, nanova tanteraka ny fiainany ary i Saoly ilay mpamono olona dia lasa evanjelisitra.

Raha mihevitra ianao fa antitra loatra, eritrereto ny momba an'i Abrahama;

Raha mihevitra ianao fa mbola tanora loatra, eritrereto i Davida;

Raha mihevitra ianao fa tsy dia manan-talenta loatra, eritrereto ireo mpianatra voalohany;

Raha mihevitra ianao fa olona tsy mivaky loha loatra, eritrereto ny momba an'i Saoly.

Manao fotoana aminao androany Ilay Andriamanitra izay tia mampiasa olona tsy ampoizina. Te hampiasa anao Andriamanitra mba hitondra fiovana satria hoy Izzy: “*Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena*” - 2 Kôrintianina 12:9.

Andeha isika hifantoka amin'ny iray amin'ireo mpitarika tsy nampoizina ireo izay nitondra fiovana goavana tao anatin'ny toe-javatra sarotra indrindra.

Diniho ny amin'i samoela – Sokafy ny Baiboly ary andeha hodinihintsika Lalina ny 1 Samoela 3:1-10.

1 Samoela 3:1a:

“*Ary Samoela zaza nanao fanompoam-pivavahana tamin'i Jehovah teo anatrehan'i Ely.*”

Mariho fa izao no lazainy: “Samoela zaza”, fa tsy Samoela fotsiny. Ny tena marina dia izao: hatreto amin'io fotoana io, rehefa miresaka momba ny tantarany isika dia antsoina hoe “zaza” foana izy.

1 Samoela 2:11 – “fa ny zaza nanao fanompoam-pivavahana”

1 Samoela 2:18 – “nisalotra efoda rongony fotsy ny zaza”

1 Samoela 2:21 – “ary Samoela zaza nitombo”

1 Samoela 2:26 – “ary Samoela zaza”

Ny tanjon'ny famerimberenana dia fomba hanantiranterana na hanamasiana zavatra iray. Te hampifantoka antsika amin'ny fahatanoran'i Samoela ny mpanoratra. Mbola zaza izy kanefa nitombo sy nanompo teo anivon'ny olondehibe. Zaza narefo izy sady tsy niara-nipetraka tamin'ny ray aman-dreniny ary olona tsy dia nanana ny maha izy azy loatra.

TOE-JAVATRA NITRANGA

Izao isika dia hijery ireo toe-javatra nitranga izay nandraisanty “zazalahy” ity fiofanana momba ny fitarihana:

1 Samoela 3:1b

“Ary tamin’izany andro izany efa nahalana ny tenin’i Jehovah: tsy nisy fahitana niseho loatra”.

Mariho fa tsy milaza izy hoe tsy nisy asa fanompoana tao amin’ny tempoly na koa hoe tsy nisy mpisorona, na koa hoe tsy nisy fanatitra na ireo asa hafa misandray amin’ny tempoly. Raha ny fahitana azy dia nandeha tsara daholo toy ny mahazatra ihany ny asa rehetra tao amin’ny tempoly KANEFA dia nisy fahasamihafana lehibe izany satria “Nahalana ny tenin’i Jehovah” - Tsy niseho intsony Jehovah - Tena tsy nanatrika teo mihitsy Andriamanitra - nangina Andriamanitra.

Izao no lazain’ny Baiboly: *“Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo raha tsy milaza ny heviny amin’ny mpaminany mpanompony.”* - Amosa 3:7. *“Raha tsy misy fahitana, dia atondraka hanaram-po amin’izay tsy mety ny olona”* - Ohabolana 29:18.

Nahazo fiofanana momba ny fitarihana ara-panahy i Samoela zaza kanefa Andriamanitra ilay Mpanofana ambony dia zara raha teo, mampieritreritra antsika tokoa ny zava-nisy.

Mety ve izany hoe mankany am-piagonana kanefa Andriamanitra tsy ao?

Misy faharimanana mampieritreritra voatsipika tsara eto: mety ve izany hoe mankany am-piagonana kanefa tsy ao Andriamanitra. Azo atao ve ny manatanteraka hetsika ara-pivavahana iarahana na isam-batan’olona na dia tsy eo aza Andriamanitra? Azo atao ve ny manana ny endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra kanefa mandà ny heriny? (2 Timoty 3:5).

Tena tsy fahita ary mahagaga ilay hoe manalavitra ny olony Andriamanitra. Andriamanitra dia fitiavana ary ny atao hoe fitiavana dia miaraka na mifanakaiky satria tsy manaiky ny fisarahan-toerana ny fitiavana.

Miresaka ny amin’Ilay Andriamanitra izay tena tia ny olona izaynoforoniny ny Baiboly ary ao anatin’izany tantara izany, Andriamanitra dia manao dingana foana mba hanakaiky kokoa antsika madra-pahatonga ilay andro hihonantsika tanteraka Aminy.

1. Raha vao nanota ireo ray aman-drenintsika voalohany dia nitady azy ireo Andriamanitra: Aiza moa ianao? (Genesisy 3:9).
2. Raha teny an-dalana ho any amin’ilay tany nampanantenaina ny zanak’Isirael dia nibaiko an’i Mosesy Andriamanitra mba hanao fitoerana masina ho Azy satria ny faniriany dia ny “Honina eo aminy”. (Eks 25:8).
3. Rehefa tonga ny fotoana dia naniraka ny zanany ho ety an-tany Andriamanitra, Izay nantsoina hoe Imanoela, midika hoe amintsika Andriamanitra. (Matio 1:23).
4. Iray amin’ireo sary tsara indrindra maneho an’Andriamanitra ny fanoharana momba ny farantsa kely very, ilay ondry very ary ilay zanaka adala very. Ao amin’ireo tantara ireo isika dia mahita Azy tsy mitsahatra mitady mandra-pahita izay very ary tafaraka amin’ny tompony indray. (Lioka 15).

5. Ny hiaina miaraka amintsika mandrakizay no tena planina sy fanirian'Andriamanitra ambony indrindra. (Jao. 14:1-3; Apôk. 21:1-4)

Azoko antoka fa azonao atao ny mizara ny fanandramanao manokana ny amin'ny "tantaram-ptiavanao". Maniry fatratra ny ho eo akaikin'ilay olon-tianao foana ianao.

Mipetraka ny fanontaniana hoe: Fa nahoana ilay Andriamanitra izay tia antsika ary maniry mandrakariva ny hiaraka amintsika no te hanalavitra ny olony tamin'ny andron'i Samoela? Nahoana no nahalana ny tenin'i Jehôvah?

Mampangina ny feon'Andriamanitra ny faniniana tsy hankatô Azy.

Isaia 59:1,2:

"Indro ny tanan'ny Jehovah tsy fohy fa mahavonjy ary ny sofiny tsy lalodalovana fa mahare. Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitra, ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo".

Tsy miresaka ny amin'ireo hadisoana izay ataantsika rehetra mandritra ny diantsika miaraka amin'Andriamanitra isika eto. Tsy sitrapon'Andriamanitra ny hahatafintohina sy hahalavo antsika isam-potoana isam-potoana kanefa raha sanatria ka lavo isika ary miaiky ny fahotantsika dia vonona Izy hamela ny fahotantsika ary manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra (1 Jaona 1:9). Mijoro eo ambandy fahasoavan'Andriamanitra isika ny amin'ny lasa, ankehitriny ary ny ho avy mandra-pahitantsika maso Azy.

Ny fanoherana iniana sy ankitsirano an'Andriamanitra kosa no resahintsika eto.

Diniho ny zavatra nataon'ireo zanak'i Ely izay mpisorona ary mpiahy ara-panahy an'i Samoela.

A. 1 Samoela 2: 12,17.

12: *"Ary ny zanakalahin'i Ely dia tena ratsy fanahy, tsy nahalala an'i Jehovah".*

17: *"Ka dia lehibe indrindra ny helok'ireo zatovo ireo teo anatrehan'i Jehovah, satria halan'ny olona ny fanatitra ho an'i Jehovah."*

Vakio manontolo ny andininny 12-17 mba hahitantsika hoe ahoana no nanafintohinan'izy ireo an'Andriamanitra tamin'ny fanaovana tsinontsinona ny zava-masina.

B. 1 Samoela 2:22.

"Ary efa antitra indrindra Ely; ary izy nandre izay rehetra nataon'ny zananilahy tamin'ny Isiraely rehetra sy ny nandriany tamin'ireo vehivavy izay nanompo teo amin'ny varavarany'ny tranolay fihaoanana."

Tsy ny fainana feno faharatsiam-pitondrantena ihany nonofidin'izy ireo fa nampiditra ny fivavahana amin'ny sampy, fiangajangana teo amin'ny fivavahana amin'Andriamaniry ny lanitra izy ireo. Lasa fanao izany ka dia tafintohina Andriamanitra ary dia niala tsikelikely Izy. Lasa nahalana ny teniny.

Izany no zava-nisy tamin'i Samoela "zaza" nanao asa fanompoana teo anatrehan'i Jehôvah. Hijanona ao ve izy sa hiala? Handao ny fiagonana ve izy rehefa tonga taona? Ho lasa tahaka ireo zanak'i Ely ve izy, ireo antsoina hoe mpanoro hevitra azy? Ahoana no hahatonga azy ho velona ihany kanefa tsy ho kivy? Ahoana no hahatonga ny mpitarika iray ho tafavoaka amin'ireo toe-javatra ireo?

Any amin'ny toerana maro manerana izao tontolo izao dia ny teny hoe "fihemorana" no teny ampiasaina be indrindra raha vao miresaka momba ireo tanoran'ny fiangonana ankehitriny. Rentsika ny fanairana ny amin'ireo tanora izay mandao ny fiangonana ankehitriny; fantatry ny ankamaroan'ireo mpitarika sy ireo mpitantana ny fiangonana rehetra isan'ambaratonga izany.

Iray amin'ireo antony lehibe tanisaina ho mahatonga ny tanora hihemotra dia ny tsy fision'ny firindrana ny amin'izay ampianarina sy ny zavatra atao; samy hafa ny zavatra lazaintsika sy izay ataontsika. Fampaherezana amim-pahatsorana sy am-pahitsiana no tadiavin'ny tanora, fitiavana sy fangorahana; kanefa matetika ireo toetra tsara kristianina ireo dia tadiavina fatratra. Izany no zava-nisy tamin'ny andron'i Samoela zaza. Ahoana re no fihetsitsika manoloana izany?

ARAHO TSARA ARY NY AMIN'I SAMOELA, ILAY MPITARIKA VAO NISONDROTRA; TANDREMO TSARA NY TSIPIRIANY REHETRA.

1 Samoela 3:2

"Ary tamin'izany andro izany, raha nandry tao amin'ny fandriany Ely (efa pahina ny masonry, ka tsy nahita izy)."

Jereo tsara ireto voambolana notsongaina ireto – "alina," "efa pahina ny masonry", "tsy nahita izy" – sary ilazana aizina ireo, izay nandrakotra tsikelikely. Mpitarika am-panahy i Ely ary mahagaga fa efa nitsilopilopy ny jirony, efa ho faty mihitsy aza. Inona no nataoni'i Ely tamin'io fotoana io? Natory tao amin'ny toerana izay efa nahazatra azy izy. Toa efa nilavo lefona izy. Lasa nekeny ho zavatra efa mahazatra azy izay rehetra mitranga manodidina azy.

Kanefa mifanohitra tanteraka amin'izay, hijery sary roa maneho fanantenana isika izay nanova ny tantara.

1 Samoela 3:3

"Sady tsy mbola maty ny jiron'Andriamanitra, ary Samoela efa nandry tao amin'ny tempolin'i Jehovah, izay nisy ny fiaran'Andriamanitra".

1. Tsy mbola maty ny jiron'Andriamanitra.

Efa an-dalana ho faty ny jiron'Andriamanitra fa mbola tsy maty. Io jiro io no fanazavana izay maneho ny fanatrehan'Andriamanitra teo akaikin'ny fiaran'ny fanekena. Tsy tokony ho faty izany jiro izany. (Levitikosy 24:1-4). Tokony "hirehitra mandrakariva"; "hatramin'ny hariva ka hatramin'ny maraina"; "ho lalana mandrakizay izany." Na dia toa efa ho faty aza ny jiro satria Andriamanitra efa niala tanteraka tamin'ny olona dia mbola nisy fanantenana ihany satria mbola tsy maty tanteraka izany. Mbola fotoan'ny faharetana sy fandeferana ho an'Andriamanitra izany.

2. Ary Samoela nandry tao amin'ny tempolin'i Jehovah, izay nisy ny fiaran'Andriamanitra.

Nandry tao amin'ny toerana izay nahazatra azy i Ely mpisoronabe; tsy dia nisy loatra ny fanoritsoritana manokana izany *toerana nahazatra* izany, satria mazava tsara fa efa toerana nahazatra azy izany. Raha atao amin'ny teny hafa dia nanao ny zavatra izay efa fanaony hatramin'izay izy. Etsy ankilany kosa anefa ny mpanoratra dia nanome ny tsipiriany rehetra

momba ilay toerana izay nandrian'i Samoela zaza. Nandry tao amin'ny Tempoly izy izay nisy ny fiaran'Andriamanitra. Ny toerana masina indrindra io toerana io (Eksôdôsy 26:33-34). Ao Andriamanitra no mihaona amin'ny mpisoronabe rehefa manome tari-dalana ho an'ny olona. "Ary ao no hihona aminao Aho, ka ao ambonin'ny rakotra fanaovampanavotana no hitenenako aminao, dia ao anelanelan'ny kerobima roa, izay zo ambonin'ny fiaran'ny vavolombelona, ka holazaiko izay rehetra handidiako anao holazainao amin'ny Zanak'Isirael." -- Eksôdôsy 25:22. Tsy nisy trano fatoriana tao, ary tsy mpisoronabe ihany koa i Samoela; zazalahy fotsiny izy tamin'izay. Fa naninona izy no tsy natory tany amin'ny toerana mahazatra tahaka ny olona rehatra? Tovolahy iray vizaky ny asa mafy nandritra ny tontolo andro izy ary tokony hahazo fotoana ialana sasatra.

Fa naninona izy no natory teo akaikin'ny fiaran'ny vavolombelona?

Tamin'ny fotoana izay nampahalana ny tenin'i Jehôvah izany, ary tsy nisy fahitana firy. Toerana hisehoan'Andriamanitra ny fiara. Nihevitra i Samoela fa raha miala amin'ny fanginany Andriamanitra ary miverina miteny dia tsy maintsy eo akaikin'ny fiara Izy no hanao izany ka izany no nahatonga azy te ho eo amin'io toerana io.

Te handre mafy an'i Jehovah izy ka izay no antony natoriany teo akaikin'ny fiaran'ny fanekena. Nanao fotoana tamin'Andriamanitra izy.

Tsy nanaiky hipetraka amin'izao fivavahana feno fihatsarambelatsihy, tsy misy an'Andriamanitra, tsy misy dikany ary tsy misy aina izao i Samoela. Tsy niala izy akory fa tsy nekeny fotsiny ny hijanona amin'izao.

Izany no tsiambaratelon'ny fitarihana marina; tsy hoe miala fa tsy manaiky kosa hijanona amin'ny toe-javatra; mitady an'Andriamanitra ary mitondra eo Aminy ny nofinofinao, ny fanantenanao sy ny zavatra andrandrainao ho amin'ny fainana tsaratsara kokoa.

Ahoana no nahalalany fa tokony ho hafa kokoa ny zavatra niseho?

Tsotra ny valiny satria i Hana izay reniny dia nitantara taminy ny fomba nahaterahany. Tsy nanan-janaka i Hana. Tonga tao amin'ny tempoly izy ary namboraka ny tao ampony tamin'i Jehôvah ary nampanantena fa raha mahazo zaza izy dia hatolony hanompo an'Andriamanitra izany zaza izany. Nandre izany vavaka izany Andriamanitra ary dia teraka i Samoela. Nitombo i Samoela ary nino fa tena misy Andriamanitra, mandre ary mamaly vavaka. Mampiseho zavatra Izy ary mitari-dalana... kanefa ankehitriny dia lasa nangina Andriamanitra. Fantatr'i Samoela fa tsy tokony ho izao no zavatra mitranga. Te hahita izay zavatra tena marina izy. Natory teo akaikin'ny fiaran'ny fanekena izy ary hoy izy anakampo hoe raha hiteny Andriamanitra dia tsy maintsy eo amin'ny fiara izany ary rehefa miteny Izy dia te hanatrika eo aho.

Tsiambaratelo hafa amin'ny tena fahaiza-mitarika izay misy zavatra bebe kokoa mihoatra noho izay hitanao manodidina anao ny tena fivavahana. Aoka tsy havelanao hamaritra ny sary anananao mahakasika an'Andriamanitra sy ny sary anananao momba ny fiangonana ny tontolo manodidina anao.

Aza raisina araka izay ahitanao azy eo amin'ny manodidina anao ny sarin'Andriamanitra na ny fiangonana. Mety tsy izay mantsy no sary tena izy. Nahazo sary tsara kokoa avy tamin'i Hana i Samoela. Afaka mahazo sary avy ao amin'ny tenin'Andriamanitra ianao. Diniho ny sary voalohany maneho ny fiangonana izay nomena antsika ao amin'ny Asa

2:42-47. Teraka taorian'ny pentekôsta ny fiangonana. Aza mionona amin'ny zavatra latsadanja, aza mionona amin'ny zavatra tsy tsara. Ary rehefa hitanao ny endrik'i Jehôvah tena izy dia hajao ny fiangonana izay tian'Andriamanitra hitoerana. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ao anatinao ary hanome anao ny faniriana mba hahita ny tena marina ny amin'ny fiangonana ary mitadiava fotoana hihaonanao amin'Andriamanitra. Manaova zavatra izay tsy mahazatra; mitadiava dia hahita ianao.

Ny tohin'ny tantaran'i Samoela rehetra dia ahitana ny toetrary izay nitady an'i Jehôvah mandrakariva ary nitady izay tena zava-misy marina tokoa. Izany no fototry ny fitarihany.

1 Samoela 3:4

“Dia niantso an'i Samoela Jehovah, ary izy namaly hoe: “inty aho”.

Ny dikan'izany rehetra izany dia izao; Niandry olona izay nitady fihaonana taminy Andriamanitra; olona izay nazoto hihaino Azy. Ilay Andriamanitra izay manaramaso izao rehetra izao, Ilay Andriamanitra Tsitoha izay mahafantatra anao amin'ny anaranaao dia miandry te hiresaka aminao, ary te hampiasa anao mba ho fitaovana hahatonga ho zava-misy eo amin'ny fiangonana izay ilaina sy mahasoa eo amin'izao kolon-tsaina miovaova izao.

Azontsika atao ary ny mamintina eto, manonôna fitahiana ary aoka koa ianao mba ho voatahy; kanefa mila mampitandrina anao ny amin'ny mety ho fiantraikan'izany hoe mandre ny feon'Andriamanitra izany aho.

Vakio ny 1 Samoela: 3:5-7.

Nandre ny feon'Andriamanitra i Samoela, noheveriny fa miantso i Ely satria tamin'izany fotoana izany dia tsy fantany hoe manao ahoana izany feon'Andriamanitra izany. Tsy mbola nandre ny feony mihitsy izy hatramin'izay. Indroa nihazakazaka nankany amin'i Ely izy satria indroa nandre ilay feo; indroa koa i Ely no naniraka azy hiverina hatory.

Niala tamin'ny fanginany Andriamanitra; Nampiseho ny tenany tamin'i Samoela Izy tamin'ny fomba vaovao sy tsy nampoizina; nihazakazaka nankany amin'ny mpitarika azy izy mba hitady torohevitra INDROA i Ely no naniraka azy hiverina any am-pandriana. Mety nihevitra i Ely fa izy irery ihany no olona afaka mandre an'Andriamanitra ary tsy fantany fa te hampiseho ny tenany amin'ny tanora, amin'ny "zazalahy" Andriamanitra.

Eny, na dia amin'izao androntsika izao aza dia maro be ireo tanora no hirahina mba hiverina any am-pandriana kanefa Andriamanitra maniry hampiseho ny tenany amin'izy ireo amin'ny fomba vaovao, fomba izay tsy takatr'ireo mpitarika. Matetika loatra no diso ny fandraisana azy ireo. Hafatra mitovy no hinoan'izy ireo saingy fonosiny ao anaty fonony mifanaraka amin'ny kolontsaina ankehitriny kanefa tsy takatry ny hafa izany fa asainy miverina any am-pandriana izy ireo.

Kanefa tiako ny fikirizan'Andriamanitra, tiako koa ny fikirizan'ny tanora.

1 Samoela 3:8

“Ary Jehovah niantso an'i Samoela indray fanintelony. Dia nifoha izy ka nankao amin'i Ely ary nanao hoe “Inty aho, fa niantso ahy hianao”. Dia fantatr'i Ely fa Jehovah no niantso

my zaza. Ary hoy Ely tamin'i Samoela: Andeha mandry ihany; ary raha tahiny miantso anao Iz, dia valio hoe: Mitenena Jehovah ô, fa mihaino ny mpanomponao.”

Mahagaga ny tohin'ny tantara

1 Samoela 3:10

Ary avy Jehovah, dia nitsangana ka niantso toy ny teo ihany hoe: Ry Samoela, ry Samoela ô!

Dia namaly Samoela hoe: “Mitenena Jehovah ô, fa mihaino ny mpanomponao.”

Mahagaga fa ilay Andriamanitra Izay Mpamorona ny lanitra sy ny tany dia tsy hoe niteny fotsiny ihany fa tonga ary nitsangana teo. Nofenoindy fahasoavana tamin'ny fanatrehany masina i Samoela zaza. Satria vonona hihaino an'i Jehovah ilay zazalahy kely anankiray tsy nampoizina, nanomboka teo dia tsy nantsoina hoe zaza intsony izy.

Azo fintinina amin'ireto teny ireto ny antso izay natao tamin'i Samoela mba ho mpitarika mpanompo:

1 Samoela 3:21; 4:1.

“Dia niseho tao Silo indray Jehovah; fa niseho tamin'i Samoela tao Silo Jehovah tamin'ny teniny.”

“Ary tonga tany amin'ny Isiraely rehetra ny tenin'i Samoela.”

Nanomboka teo an-dalam-pialan'i Jehôvah ny tantara ary nifarana tamin'ny famerenana amin'ny laoniny ny trano tao Silo. Nanomboka tamin'ny hoe ary ny tenin'i Jehôvah dia nahalana ary niasara tamin'ny famerenan'Andriamanitra indray ny fanambarana mitohy.

Andro vaovao ho an'ny firenena rehetra izany.

I Samoela zaza no ilay mpitarika vaovao, ilay mpitarika tsy nampoizina.

Tsy nanaiky hijanona teo amin'izay zava-nisy izy;

Tsy niala izy anefa,

Notazominy ny fahitany,

Fahitana momba ny ho avy tsara kokoa,

Fahitana izay nanomboka teo amin'ny fahaterahany mahagaga

Nentiny teo amin'Andriamanitra ilay Mpitarika ambony indrindra ny fahitany.

Niantehitra tamin'Andriamanitra izy ny amin'ny fahatanterahan'izany.

Nanafaka Andriamanitra. Nahatoky izy.

Antsoina mba ho mpitarika ianao; efahitana momba ny ho avy tsara kokoa, fahitana izay nanomboka teo amin'ny fahaterahany mahagaga Nentiny teo amin'Andriamanitra ilay Mpitarika ambony indrindra ny fahitany. Niantehitra tamin'Andriamanitra izy ny amin'ny fahatanterahan'izany.

Antsoina mba ho mpitarika ianao; efahitana momba ny ho avy tsara kokoa, fahitana izay nanomboka teo amin'ny fahaterahany mahagaga Nentiny teo amin'Andriamanitra ilay Mpitarika ambony indrindra ny fahitany. Niantehitra tamin'Andriamanitra izy ny amin'ny fahatanterahan'izany.

Mahafinaritra an'Andriamanitra ny mampiasa mpitarika tsy ampoizina toa anao io mihitsy mba hitondra fiovana eo amin'ny fanjakany



Voafidy tamin'ny fivoriambe fiheverandrahaharan'ny Foibe Manerantany tamin'ny 2005 izay natao tany St. Louis, Missouri,

Dr. Ella Simmons

no vehivavy voalohany indrindra nisahana ny maha filoha mpanampy teo anivon'ny Foibe Manerantany.

Azontsika atao ny mifandray aminy amin'ity adiresy ity
SimmonsE@gc.adventist.org.



ANDRO FAHA-3

DEBORA: ILAY MPAMINANIVAVY NAHERY FO

Fampidirana sy tontolon-kevitra

Maro amin'ireo tononkira mōderina no manao tsinontsinona ny vehivavy amin'ny fomba tena ratsy tokoa. Fa ao amin'ny Baiboly dia misy tononkalo iray izay tena manandratra ny vehivavy ho ambony indrindra tokoa. Ao amin'ny Ohabolana 31 no ahitantsika izany. Miantomboka amin'ny fanontaniana izany: "Iza no mahita vehivavy tsara?" Mety mbola hieritreritra ianao fa mbola rima iray manambany ny vehivavy ihany koa ity. Kanefa tohizo ny vakiteninao dia hahita zavatra tena mahafinaritra ianao. Ao amin'ny tonony ao dia ahitana ny fiderana azy, miresaka ny ara-panahiny, ny faharanitan-tsainy, ny fanetren-tenany, ny herim-pony ary ny fivavahany. Voalaza ao fa ny tombany dia mihoatra lavitra noho ny voahangy.

Vehivavy manana fanapahan-kevitra mandrakariva izy ary manana foto-kevitra tsara sy mafy orina ary mijoro amin'izany. Tsy mba matahotra ireo fanamby eo amin'ny andraikitra sahaniny izy. Voalaza koa fa afaka manampy tsara ny vadiny izy. Vehivavy tsara toetra izy ary hery sy harena ihany koa. Voalaza fa vitsy ny vehivavy tsara; maro no mety heverina ho tsara kanefa tsy izany no zavatra hita.¹

Na izany aza anefa dia nisy foana ny vehivavy tsara sy namiratra. Mampahatsiah y izao tontolo izao ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra any amin'ny firenena mikambana fa: "Tsy hoe fototry ny zo maha olona fotsiny ihany ny miralenta fa fototra ilaina mba hananana tontolo milamina, manan-karena ary maharitra.² Kanefa ankehitriny dia tsy fahita firy ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fitarihana firenena sy iraisam-pirenena; eo amin'ny iray amin'ny dimy fotsiny izany.³ Hiverenantsika kely ny tamin'ny taonjato faha-12 izay nahitana vehivavy iray nitondra ny fireneny. Talohan'ny nisian'ny fanombanana ny lanjan'ny vehivavy izay niainga tsikelikely taorian'ny fahalavoan'i Eva, talohan'ny nisian'ny olona faka tahaka dia nisy vehivavy iray izayefa nomen'Andriamanitra talenta ary nantsoiny mba hitarika ny olony. Hitantsika ao amin'ny Genesys 1:26-28 ny famaritan'ny Baiboly ny atao hoe miralenta.

1 Henry, M. (1994). Matthew Henry's commentary on the whole Bible: complete and unabridged in one volume (p. 1026). Peabody: Hendrickson.

2 United Nations, 2016, Sustainable Development Goals: 17 Goals to Transform Our World, un.org.

3 UN Women, 2016, Facts and figures: Leadership and political participation, Women in parliaments. August. <http://www.unwomen.org/en/what-we-do/leadership-and-political-participation/facts-and-figures#sthash.jcbGUhC0.dpuf>

Kely ihany no fantatra momba ny fiainany teo aloha, ny ray aman-dreniny na ny taranany ary ny fomba nitaizana azy. Tsy fantatsika hoe ahoana no fomba nanabeazana azy sy nivelaran'ny talentany. Tsy fantatsika koa ny hoe tamin'izy firy taona no natsoin'Andriamanitra. Azontsika eritreretina anefa hoe mety mbola tanora herotrerony izy no nantsoin'Andriamanitra satria ny Soratra masina dia miresaka ny amin'ny fandresen'Israely ny Kananita: "Ary nilamina ny tany nandritra ny efa-polo taona."⁴ Ireo mpahay tantara jiosy dia milaza amintsika fa "Niaina tao anantin'ny fiadianana ny jiosy nandritra ny efa-polo taona teo ambany fitantanani'i Debora sy Baraka."⁵ Vao teraka ve izy dia efa nanana io talenta maha mpaminany io sa azony taty aoriana izany?

Ny hevitra iraisana dia izao, ity vehivavy miavaka sy tsy manam-paharoa ity dia vady, reny, mpitarika pôlitika, mpiady, mpibaiko ireo miaramila teo amin'ny fireneny, poëta, mpihira, mpaminany, ary mpanololon-tsaina ambony indrindra teo amin'ny fireneny manarakaraka an'Andriamanitra. Ny anarany dia midika hoe 'tantly na renintantly" izay mifanaraka tsara amin'ny toetrany mahiratra, be herim-po, mahatoky, matanjaka, manetry tena, mahaleo tena sns.... Ny tena manan-danja dia izao: nanolotena tanteraka ho an'Andriamanitra sy ny Asany izy.

Ireo manam-pahaizana momba ny Baiboly sy ireo mpahay tantara dia mahafantatra azy amin'ny maha Debora azy izay nitsara ny Israely ary nitarika ny miaramila Israelite mba handresy ny Kananita. Misy manombantombana fa nitondra ny anarana Debora hafa izy, izay mpampivelona an'i Rahely, efa maty kanefa noderaina fatratra kosa noho ny hatsaram-panahiny sy ny fikarakarany ny hafa. "Ny fiainany dia sary an'ohatra mahafinaritra maneho ny herin'ny vehivavy izay manana hery miasa mangina tsara eo amin'ny fiaraha-monina". Vehivavy tsy fahita firy tamin'ny androny sy amin'izao androntsika izao ihany koa izy. Izany angamba no mahatonga ny tantarany miverina indroa ao amin' ny Baiboly. Voalohany, ny Mpitsara toko fahefatra dia mitantara ny fiainany amin'ny maha tantara azy. Ary ny toko fahadimy kosa dia miresaka izany amin'ny endrika tononkalo ao amin'ny tonon-kira. Andeha ary isika hijery ny tantarany amin'ny ampahany fara fahakeliny.

Tantara ara-Baiboly: Mpitsara 4:4-8

⁴ Ary Debora mpaminanivavy, vadin'i Lapidota no nitsara ny Israely tamin'izany andro izany. ⁵ Ary izy nipetraka teo ambanin'ny hazo rofian'i Debora, teo anelanelan'i Rama sy Betela, tany amin'ny tany havoan'i Efraima; ary niakatra ho any aminy ny Zanak'Israely hotsaraina. ⁶ Ary Debora naniraka ka niantso an'i Baraka, zanak'i Abinoma, tany kadesi-naftaly, ka nanao taminy hoe: Moa tsy efa nandidy va Jehovah, Andriamaniry ny Israely, nanao hoe "Mandehana, ka mankanesa any antendrombohitra Tabara, ary mitondrà iray alin-dahy amin'ny taranak'i Naftaly sy Zebolona hiaraka aminao. Dia ho entiko ho eo aminao, eo amoron'ny ony Kisona, Sisera, komandin'ny miaramilan'i Jabina, mbamin'ny kalesiny sy ny vahoakany maro be; dia hanolotra azy eo an-tananao Aho." ⁸ Ary hoy Baraka taminy: Raha handeha hiaraka amiko hianao, dia handeha aho; fa raha tsy handeha hiaraka amiko kosa hianao, dia tsy handeha aho.

4 The New King James Version. (1982). (Judges 5:31). Nashville: Thomas Nelson.

5 Nissan Mindel, The Prophetess Deborah, (2654-2694), Published and copyrighted by Kehot Publication Society, Brooklyn, NY

Debora, Nitsara ny Isiraelly

Mpitsara fahefatra teo amin'ny Isiraelly talohan'ny nifidianan'izy ireo mpanjaka i Debora. Notendrena ho mpitsara izy tamin'ny fotoana izay nampahorian'i Jabina mpanjakan'ny Kananita azy ireo nandritra ny 20 taona. (Mpitsara 4:2,3). Izy irery no mpitsara ao amin'ny boky izay voalaza fa nanapa-kevitra teo amin'ny fitsarana.⁶ Ny teny hoe "mitsara" eto dia mihoatra lavitra noho ny hoe manao ny asan'ny fitsarana fotsiny ihany. Izany dia midika hoe "Lehibe/Filoha". Ny toerana nisy azy dia fitambaran'ny andraikitra mpaminany, praiminisitra na filoha; mpitsara fara tampony no toerana nisy azy ary izany rehetra izany dia niandraiketan'ny vehivavy iray. Azo antoka fa vehivavy natanjaka i Debora ary izany tanjany izany dia avy amin'ny fahendreny, fahasoavana, ary ny fahatahorana an'Andriamanitra. Ny teny izay hamaritana ny tanjany dia mitovy amin'izay hita ao amin'ny Eks 18: 21 izay manoritsoritra ny toetran'ny mpitsara marina, mahay, mahitsy ary matahotra an'Andriamanitra. Olon'ny saina izy ary voafehiiny tsara ny sainy ary hainy koa ny nitarika ny hafa. Ny famakafakana ny Baibolin'ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro Fahafito (SDABC) dia milaza fa nitsara tamin'ny maha mpaminany azy izy, nanitsy ny fanararaotana sy ny tsy mety teo amin'ny Isiraelly.⁷ Feno fihaikana ny asa niandraiketan'ny Debora nandritra ireo fotoan-tsarotra indrindra teo amin'ny Isiraely kanefa noho ny fanteherany tamin'Andriamanitra sy noho ny Fahasoaovany dia nohararaotiny ireny fotoana ireny. Izao no voalazan'ny boky iray:

Efa kivy sy natahotra ny olona rehetra, reraka ny fanahiny

Toa nanjavona ny fanantenana. Nanao zavatra mihoatra lavitra ny maminany fotsiny anefa i Debora. Nanaitra ny firenena izy mba tsy halaina ary tsy hamoy fo. Tsy nanan-tahotra izy ary nanolo-tena mba hanafaka ny olon'Andriamanitra, notairiny hiala amin'ny fanandevozan'ny fahoriana sy ny fitotonganana izy ireo. Niantso an'Andriamanitra izy ary nangataka ny fanampiany mba handresena ny fahavaloo. Isan'andro izy dia misarika ny sain'ireo olona izay mivory mba hihaino ny tenin-pahendrena avy any an-danitra entiny ary mampanantena fa hisy ny fanafahana avy any an-danitra raha toa izy ireo ka miala amin'ny ratsy fanaony sy ny tahotra ary mivoaka mba hiady.⁸

Hitanao ve izany sary izany? Jereo hoe iza marina moa izy ary nanao ahoana ny fomba fitondrany? Ary izy nipetraka teo ambanin'ny hazo rofian'i Debora (nantsoina hoe "hazon'ny fisaonana"; teo ambanin'io no nandevenana ny mpampivelona an'i Rahely, izay nantsoina hoe Debora. (Gen. 35:8).⁹ Teny amin'ny havoan'i Efraima teo anelanelan'i Rama sy Betela, izay toerana nahamay sy maina no nisy ny toeram-pitsarany. Nifandimby nitsoka teny ny rivotra mafana, rivotry ny toetr'andro sy ny rivotry ny fisandirana. Vehivavy hendry sy nanam-paharetana izy ary niarahaba ny olona tsirairay tamim-pitsikitsikiana na dia navesatra aza ny fony noho ny ahiahiny. Betsaka no mihevitra fa tsy nanan-janaka i Debora kanefa dia renin'ny Isiraely rehetra izy, reny ara-panahy. Nananany ny toetran'ny maha reny. Manatona azy ny olona maka torohevitra amin'ny maha reny be fitiavana sy amin'ny maha mpitsara marina

6 Dybdahl, J. L. (Ed.). (2010). Andrews Study Bible Notes (p. 301). Berrien Springs, MI: Andrews University Press.

7 Nichol, F. D. (Ed.). (1976). The Seventh-day Adventist Bible Commentary (Vol. 2, p. 330). Review and Herald Publishing Association.

8 Herbert Lockyer, All the Men of the Bible/All the Women of the Bible Compilation, 2005, Grand Rapids, MI: Harper Collins Christian Pub.

9 Nichol, F. D. (Ed.). (1976). The Seventh-day Adventist Bible Commentary (Vol. 2, p. 330). Review and Herald Publishing Association.

sy mahitsy azy hitsarany ny adiny ka hahitany na mety na tsy mety. Fantatr'izy ireo tsara fa marina sy ara-drariny ny fitsarany satria avy any amin'Andriamanitra ny fahendreny ary nanaiky ny fitondrany izy ireo.

Hainy ny namantatra ny olana teo amin'ny Israely noho ny tombontsoa nananany ara-batana sy ara-paminaniana. Mihoatra lavitra noho ny ady madinika an-davanandro izany toy ny resaka fananana, vidin-javatra na trosa tsy milamina. Hitany tamin'ny masonry ara-batana sy ara-panahy fa niharatsy ny fepetra ara-pôlitika. Noho izany dia nisy olana ny fireneny sy ny olony. Very ny fiainan'izy ireo ara-panahy ka nahatsiaro ho voababon'ny firenena fahavalony izy ireo. Nandreraka ireo tantsaha Israelita ny nahita ireo fitaovam-piadian'ny Kananita teny amin'ny lohasaha ambany teny. Tsy misy mandalo eo amin'io toerana io intsony ireo mpanao dia lavitra. Natahotra handeha amin'ny lanala izay mandalo eo amin'io toerana io ny olona.

Nampalahelo tokoa izany satria dia antom-piveloman'ireo vahoakan'i Debora ny varotra tamin'ireo olona mpanao dia lavitra mandalo eo. Ratsy loatra izany fotoana izany satria feno korontana ary tena nilana fitarihana matanjaka. Namaly ny antson'Andriamanitra i Debora mba hitarika fanoherana sy famongorana tanteraka ireo fandrahonana manimba ireo ary vokatr'izany dia banana toerana miavaka izy eo amin'ny tantaran'ny Baiboly. Lasa mpitari-tafika vehivavy izy.¹⁰

Misy milaza aminao fa natao ho an'ny lehilahy ihany ny asa fitarihana fa ny an'ny vehivavy kosa dia mifidy na asa eo anivon'ny tokantrano na asam-panjakana. Tsy maintsy manana ny toetran'i Marta sy Maria miaraka ireo rehetra izay miasa ho an'Andriamanitra. "Azon'Andriamanitra atao avokoa izay tiany hatao rehetra ary raha maniry hiasa amin'ny alalan'ny olona izay tsy miaramila akory Izy sady vehivavy dia azony atao izany."¹¹

Debora, mpiadin'ny Israely

Fotoanan'ny haizina ara-panahy sy korontana tamin'izany, taorian'ny nahafatesan'i Josoa, raha niady tamin'ny fampijalian'ny fitondrana kananita sy ny firodan'an'ny firenena ny Israelita. Farany, teo ambany fitondran'i Debora dia nibebaka izy ireo ary niantso fanafahana tamin'i Jehovah. Vonona izy ireo ankehitriny hiady hatramin'ny farany. Voaresaka amin'ny tsipiriany ao amin'ny Mpitsara 5 izany tantara iray manontolo izany izay maneho fa feno korontana izany mandra-pahatongan'i Debora hitsangana amin'ny maha renin'ny Israely azy." (5:7).¹²

Voalaza ao amin'ny Mpitsara 4:4 koa fa "vadin'i Lapidota i Debora ankoatra ny ahafantarana azy ho "mpaminany", "vehivavy". Toa mampiseho izany fa nanambady an'i Lapidota i Debora. Ny sasany anefa mandika izany teny izany hoe "vehivavy mirehitra" na raha adika ara-bakiteny dia hoe "vehivavy fanilo" izy."¹³ Toa milaza izany fa mpitarika banana fahefana tanteraka i Debora fa tsy vehivavy mpiady eo an-toerana fotsiny."¹⁴ Hitantsika ity vehivavy mirehidrehitra ity fa nifandray tamin'i Baraka izay kômandin'ny tafika avy amin'ny fokon'ny Naftaly.

10 Curry, Andrew. (2008) US News January 25, As a Military Leader, Deborah is a Rare Biblical Character, Facing down '900 chariots of iron'.

11 Curry, Andrew. (2008) US News January 25, As a Military Leader, Deborah is a Rare Biblical Character, Facing down '900 chariots of iron'.

12 Frymer-Kensky, Tikva. "Deborah: Bible." Jewish Women: A Comprehensive Historical Encyclopedia. 20 March 2009. Jewish Women's Archive. (Viewed on February 7, 2017) <<https://jwa.org/encyclopedia/article/deborah-bible>>.

13 Meyers, C. (2000). Deborah. In D. N. Freedman, A. C. Myers, & A. B. Beck (Eds.), Eerdmans dictionary of the Bible (pp. 331–332). Grand Rapids, MI: W.B. Eerdmans.

14 Susan Ackerman, Warrior, Dancer, Seductress, Queen: Women in Judges and Biblical Israel (The Anchor Yale Bible Reference Library) November 10, 1998

Voalohany indrindra, teo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina dia niantso an'i Baraka i Debora mba hamory ireo miaramila ary handeha hiady. Hita ao amin'ny Mpitsara 4:6,14 ny valintenin'i Baraka izay tsy nisalasala namaly an'i Debora. Kanefa nisy toe-javatra izay nitsapa ny finoany. Mpitarika miaramila matihanina, mahay ary be herim-po i Baraka. Fantany tsara anefa ny olony ary izany no nanozongozona ny toky tao aminy. Tsy voalamina ary tsy ampy fitaovam-piadiana toy ny miaramila iray izy ireo. Tsy nanana fahaiza-manao izy ireo, tsy nanana herim-po, fanantenana izay tena ilaina raha hisanandrina amin'ireo miaramila hary fomba toy ny kananita.

Ny tena marina, kivy izy ireo; angamba ketraky ny ady izy ireo kanefa i Debora nilaza fa tsy maintsy miady izy ireo ho amin'ny fanafahan'i Jehôvah.

Azo antoka fa nino i Baraka fa efa nifidy azy Andriamanitra mba hanafaka ny Isirael. Tsy nahagaga azy loatra izany. Nahazo antoka izy fa handeha hiady hiaraka aminy Jehôvah. Ho fanampin'izany rehetra izany dia nahatoky izy fa handresy ny fahavaloo Andriamanitra. Tampoka teo anefa, ilay Baraka mpiady nahery setra, dia toa tojo fisalasalana sy nalemy. Nekeny ho teny avy any amin'Andriamanitra ny hafatra nalefan'i Debora. Noho izany tsy misy antony tokony hatahorana sy hisalasalana. Saingy ireo mpiara-monina aminy tambanivohitra ireo no tsy nitokiany. Tsy natoky ny fahaizan'ny Isirael hivondrona ho iray izy, sy ny tsy fahampian'izay fahaizamaao handresena ny tafika kananita izay tena natanjaka tokoa. Toa tsy ampy izany, natahotra izy fa na dia mety handresy izany fahalemena izany izy ireo dia tsy hanaraka ny baikony ireo miaramilany ireo. Fantany anefa fa hankatô an'i Debora sy ny faminianiany ny amin'ny fandresena izy ireo. Noho izany dia niantehitra tamin'i Debora i Baraka mba hanome tanjaka, fanantenana, ary fanapahan-kevitra. Hentitra ny fanambarany fa raha handeha hiaraka amin'izy ireo any amin'ny ady i Debora dia handeha izy, raha tsy handeha kosa i Debora dia tsy handeha koa izy.

Tamim-pinoana no namoriany ny miaramila iray alina ary nitondra azy ireo nankany amin'ny tendrombohitra Tabara araka izay nandidian'i Jehôvah. Raiki-tahotra ny miaramilany teo amin'ny tobin'ny kananita izay feno fitaovam-piadiana niparitaka teny amin'ny tany lemaka rehetra teny. Naka toerana teny an-tendrombohitra izy ireo niandry ny fanafihana. Nentin'i Baraka nidina ny tany lemaka mba handeha hiady ny miaramila niaraka tamin'i Debora izay nanome toky azy. Niady ho an'ny Isirael Andriamanitra ary nandresy ny fahavaloo izy ireo tamin'izay fotoana izay araka ny faminianian'i Debora. (*The Signs of the Times*, June 16, 1881).¹⁵

Nilain'i Baraka ny tari-dalana avy tamin'ny faminianian'i Debora, nilainy koa ny toky avy amin'ny saharesen-dahany manokana. Eny, nilainy izy mba hiteny aminy hoe rahoviana izy no tokony hanomboka hiady. (Mpitsara 5:14). Nomen'i Debora azy avokoa izany ary nanome toky izy fa handresy. Fa mbola tsy nahafa-po an'i Baraka izany rehetra izany. Nilainy ny fanatrehan'i Debora mivantana tany anatin'ny ady. Ny teny hoe "hiakatra hanafika" na "hiakatra hamely" (ampiasaina koa ao amin'ny Mpitsara 6:3; 15:10; 18:9) dia maneho fa tena nandray anjara mivantana tamin'ny ady niaraka tamin'i Baraka i Debora.

Nampahery an'i Baraka mba handresy ny fahavalony ny herim-po nananan'i Debora. "Raha nisalasala ny amin'ny fanarahana ny sitrapon'Andriamanitra izy dia niverina nijaly indray ny firenena. Raha tsy tonga ho ohatry ny finoana velona sy ny fankatoavana tanteraka izy dia tsy nahazo fitahiana ny Isirael."¹⁶ Niara-niasa fatratra

15 White, E. G. (1985). Reflecting Christ (p. 329). Review and Herald Publishing Association.

16 John L. Kachelman, Jr., 1999, Bible Topics in the Christian Library, Personalities of The Old Testament, Deborah – Israel's Holy Lady, Judges 4, 5.

izy ireo teo amin'ny ady izay natao. Baraka izay midika hoe "tselatra" ny anarany ary Debora izay midika hoe "Tantely" ny anarany dia niara-niasa tahaka ny vondrona iray. Ny ekipan'izy ireo izany dia hamely tahaka ny tselatra ary hanindrona tahaka ny tantely."¹⁷ Mpandresy izy ireo.¹⁸

Famintinana

Nanaiky ary nahatoky tamin'ny antso izay natao taminy i Debora mba ho reny, mpaminany, mpitsara ary mpiady. Nohajaina izy satria vehivavy hendry, mahery fo, mahay mandray fanapanahan-kevitra ary sahy. Ny tenin'Andriamanitra sy ny teny fikasany no toky nananany. Tena olon'Andriamanitra tokoa izy.

Ankehitriny dia mila vehivavy tahaka an'i Debora izay afaka hamaly ny antson'Andriamanitra ny fiangonana sy ny fiaraha-monina. Sary mahafinaritra hanehoana ny herin'ny vehivavy izay tokony hitaona ny fiaraha-monina ho amin'ny tsara ny fiainany. Ohatra amin'ny hatsaran-toetra i Debora. Ity vehivavy "tsara toetra" ity dia adika arabakiteny hoe "vehivavy mahery". Natanjaka izy, nahery ary nanana toetra tena tsara tokoa. Azo adika toy izao ny teny hebreo nampiasaina: "vehivavy nanana toetra hentitra sy mafy orina". Ilay vehivavy idealy ao amin'ny Ohabolana 31 dia modely ho an'ireo vehivavy araka an'Andriamanitra ary i Debora dia mendrika ho modely. Manamafy ny andraikitry ny vehivavy eo amin'ny fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao ny lesona avy amin'ny fiainan'i Debora. Manan-danja lehibe eo amin'ny fandrosoan'ny fiangonana ny vehivavy. Miantso ny vehivavy rehetra Andriamanitra mba hitory ny filazantsara ary miantso ny vehivavy sasany koa Izzy mba ho tonga mpitarika. Ireo rehetra izay mahazo ny fitahian'Andriamanitra dia tokony hamaly ny antsony amin'ny fanaovana ny asa. Tsy maintsy ampiasain'ny olona rehetra ho fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra sy ho voninahitry ny anarany ireo talenta tsirairay izay nomeny.

Antso ho amin'ny asa

Debora ilay renin-tantely dia nitady hatsarana mandrakariva ary niezaka nitondra mamy teo amin'ny tontolo nisy azy, teo amin'ny raharaha-pirenena, teo amin'ireo olom-pirenena, teo amin'ny fianakaviana mavitrika ary teo amin'ny fiainany manokana. Fa afaka nanindrona koa izy rehefa nilaina izany. "Manamarina ny finoana tany aloha be tany ny siansa fa ny tantely no mahira-tsaina indrindra eo amin'ny fanjakan'ny biby."¹⁹ Izao no lazain'i Ellen White: "Te hanala tsiny ny tenany amin'ireo andraikitra izay mitaky fampiasana saina lalina ireo rahavavintsika. Izany anefa no fitsipika ilainy mba hanana fanandrama kristianina tsara."²⁰

Matetika dia misy toe-javatra izay mampiova hevitra ny vehivavy eo amin'ny famalianany antson'Andriamanitra ho amin'ny asa, indrindraeo amin'ny asa fanompoana sy ny asa fitarihana. Safot'iyo karazana andraikitra marobe eo amin'ny fiainana izy ireo na koa kivy noho ny tsy fanomezan-danja asetrin'ireo vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina, eny mety eo amin'ny fiangonana mihitsy aza. Izao no fampaherezan' i E. G. White: "Ry rahavavy isany, aza mba reraka amin'ny asa misiônera."²¹ Afaka mandray

17 Dybdahl, J. L. (Ed.). (2010). Andrews Study Bible Notes (p. 301). Berrien Springs, MI: Andrews University Press.

18 Grafius, B. (2016). Deborah the Judge. In J. D. Barry, D. Bomar, D. R. Brown, R. Klippenstein, D. Mangum, C. Sinclair Wolcott, ... W. Widder (Eds.), The Lexham Bible Dictionary. Bellingham, WA: Lexham Press.

19 Herbert Lockyer, All the Men of the Bible/All the Women of the Bible Compilation, 2005, Grand Rapids, MI: Harper Collins Christian Pub.

20 White, Ellen G., The Review and Herald, December 12, 1878. - {ChS 29.1}

21 White, Ellen, G., The Review and Herald, June 10, 1880. - {ChS 29.2}

ny toerany eo amin'ny sehatry ny asa ireo vehivavy amin'izao fotoan-tsaroatra izao ary Andriamanitra dia hiasa amin'ny alalan'izy ireo. Raha mahatsapa ny andraikiny izy ireo ary miasa eo ambany fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra dia hanana ireo toetra izay ilaina amin'izao andro izao. Handefa ny tara-pahazavany eo amin'ireo vehivavy izay manao sorona ny tenany ny Mpamony ary hanome azy ireo hery mihoatra lavitra noho ny lehilahy izany.²²

Miantso mpiasa vehivavy mafana fo Andriamanitra, mpiasa malina, be fitiavana, malefaka ary mijoro amin'ny foto-kevitra. Miantso vehivavy manam-paharetana ny Tompo izay hanala ny fisainana misantoka amin'ny tena ary hampifantoka izany eo amin'i Kristy,²³

Ataovy amim-pahatokiana ny andraikitrao. Miasà amin-kafanam-po, tadio fa eo anilanao foana i Kristy, manomana drafitra, mihevitra, ary miasa ho anao. "Afaka mampitombo ny fahasoavany rehetra aminao Andriamanitra mba hanananao ny ampy amin'ny zavatra rehetra ka hitomboanao amin'ny asa tsara rehetra." Raha manana fisandraisana ety amin'Andriamanitra ianao dia hanam-paniriana hanao sorona izay mety ilaina mba hitondrana fiainana mandrakizay eo amin'izay hahitana aloky ny fahafatesana.

Mampahatsiayh antsika i Lioka ao amin'ny Asa 2:17-18: "*Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, no handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra; Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany; Ary ny zatovonareo hahita fahitana; ary ny lahi-antitrareo hanonofy; Ary ny mpanompoko, na lahy na vavy, Dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany, ka dia haminany izy.*" Tafiditra ao anatin'izany ianao. Ny teny fikasana ny fandraisana ny fanahin'Andriamanitra dia ho an'ny olona rehetra. Ary ny tanora lahy sy vavy rehetra dia haminany. Tsy misy mampientantana mihoatra noho izany. Handrotsaka ny Fanahy Masina Andriamanitra amin'izao andro farany izao ary tsy manavaka na lahy na vavy, na taona, na koa fari-piaianana. Ny fanontaniana dia hoe moa ve ianao handray ny Fanahy Masina? Ekenao ve ny antson'Andriamanitra ho amin'ny asany? Manana asa natokana ho anao manokana Izy; ary nomeny talenta amin'izany ianao? Ekenao ve izany antsony izany androany?

❖ **Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:**

1. Ahoana no hahafantaranao ny talentanao?
2. Fa nahoana no manan-danja amin'Andriamanitra izay lalana fidinao eo amin'ny fiainanao, - fomba fiaina, ny tanjona kendrena, sns?
3. Ahoana no ahafantaranao ny asa izay iantsoan'Andriamanitra anao?
4. Inona no fomba tsara indrindra hampifanarahanao ny tenanao amin'ny asa izay omena iandraiketanao?
5. Mbola manao fahagagana eo amin'ny fiainan'ny tsirairay na eo amin'ny vondron'olona ve Andriamanitra ankehitriny?

22 White, Ellen G., Testimonies for the Church 9:128, 129. - {ChS 27.2}

23 White, Ellen G., Testimonies for the Church 6:118. - {ChS 27.3}



Pasitora Pako Mokgwane
dia manompo amin'ny maha Talen'
ny Departemantan'ny Tanora ao amin'
ny Fianganana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.
Azonao ifandraisana amin'ny MokgwaneP@gc.adventist.org
sy arahina amin'ny Instagram ary Twitter @PakoEdson izy.



ANDRO FAHA-4

JOSAFATA

“Dia natahotra Josafata ka nanatrika tsara hitady an'i Jehovah sady niantso andro fifadian-kanina ho an'ny tanin'ny Joda rehetra.” - 2 Tantara 20:3

Maro ireo fitarainana manerana izao tontolo izao. Ny anisan'ny lehibe indrindra amin'ireo fitarainana ireo dia ny tsy fahampian'ny mpitarika manana traikera betsaka. Ho an'ireo Kristianina mino ny Baiboly, dia maro ny zavatra azo raisina avy amin'ny fanandraman'ireo olona izay nantsoina hitarika eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina sy ny sehatry ny ara-panahy. Ny fitarihana teo amin'ny fiaraha-monina dia natokana manokana ho an'ny mpanjaka, ary ny fitarihana teo amin'ny fiainana ara-panahy dia ho an'ny mpisorona sy ny mpaminany.

Mpanjakan'ny tanin'ny Joda i Josafata. Andraikitra lehibe tokoa teo amin'ny kolontsaina hebreo ny fanomezana anarana ny zaza. Ireo ray aman-dreny manome anarana ny zanany dia manantena fa hanaraka ny dikan'ilay anarana tokoa ny zanany. Ny anarana Josafata dia fikamban'ny teny hebreo roa, Jeho (fanafohizana ny hoe Jehôvah) sy shaphat (Manjaka izy). Noho izany, ilay anarana dia midika hoe Jehôvah no manjaka. Nantenaina fa hamela an'Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainany ity zazalahy ity.

Avy amin'ity tantara ao amin'ny 2 Tantara 20:1-30 ity, dia mianatra isika fa ny fikatsahana an'Andriamanitra no fomba tokony hiatrehan'ny mpitarika ny tahotra.

Mpitarka feno fahatahorana an'Andriamanitra

Tohizantsika ny tantara, efa mpanjaka izao i Josafata - mpitarika ny fiaraha-monina izay mirona koa any amin'ny fitarihana ara-panahy. Ao amin'ny toko faha 17 ao amin'ny 2 Tantara, dia hitantsika fa rehefa avy nandray ny toerany amin'ny maha mpanjaka azy i Josafata, dia naniraka mpitarika voafidy sy Levita izy mba hampianatra ny lalân'Andriamanitra. Vokatr'izany dia nisy fahatahorana an'Andriamanitra ireo fanjakana nanodidina ny Joda ka tsy niady tamin'i Josafata izy ireo. Fanjakana maro no tonga nanome fanomezana an'i Josafata, nanolotra azy volafotsy sy biby fiompy. Noho izany, nanomboka nitombo ny hery sy ny fahefan'i Josafata nanerana ny firenena. Zavatra mandeha ho azy ny tombontsoan'ny fahatahorana an'Andriamanitra. Tsy nangataka fanajana na fahefana i Josafata. Kanefa nahazo izany izy satria hitan'ireo firenena hafa ny hatsaran'ny fitondrany ny fanjakana. Feno fitarihana sy fanapanahan'Andriamanitra izany. Tsapan'ny mpanjaka fa na dia mitantana ny serasera sy ny fiainan'ny vahoakany aza izy, dia misy fanjakana sy fahefana ambony kokoa

noho ny azy. Ambonin'ny andraikiny amin'ny maha mpanjaka azy, dia misy fanjakana ambony noho ny azy, ny fanjakan'Andriamanitra izay tokony hiankohofan'ny mpanjaka sy ny mpanapaka rehetra. Ny fahaizana mitantana fanjakana miampy ny fahatakarana tsara fa Andriamanitra no tena mpanapaka, izany no tena fahendrena. Nanana herin'ny finoana sy toetra araka an'Andriamanitra i Josafata, hery izay tsy mikatsaka ny ho an'ny tenany. Lehilahy tahaka izany ity mpanjaka ity, navelany hanjaka teo amin'ny fiaiany Andriamanitra. Ary nampitainy tamin'ny vahoaka teo ambanin'ny fitantanany izany fomba fiaina izany. Ka noho izany, rehefa nantsoin'i Ahaba i Josafata hanampy azy hiady amin'ny Ramota Gileada, dia hoy izy hoe, "Anontario aloha ny tenin'i Jehovah." Fantatr'i Josafata fa miankina amin'ny Tompo ny fahombiazan'zy ireo. Indrisy anefa fa tsy nankatò i Josafata sy Ahaba. Fantany ny sitrapon'Andriamanitra kanefa menatra izy ny hanaisotra amim-panetren-tena ilay fanampiana nampanantenainy. Maro ireo lesona manan-danja aseho eto, ary misongadina indrindra amin'izany ny hoe tokony hankatò ny tenin'Andriamanitra mandrakariva, na dia misy vidiny lehibe amin'ny tenantsika manokana aza izany fankatoavana izany. Tokony ho vonona ny hampilefitra ny hambom-po sy ny hevity ny tenany eo ambanin'ny fahendren'Andriamanitra ny mpitarika. Tsy tokony havelantsika hitarika antsika hanao safidy misfanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra ny hevity ny hafa. Fomban'i Josafata ny mamela an'Andriamanitra hanjaka hatrany rehefa misy fanapanahan-kevitra tokony horaisina.

"Niroborobo tokoa ny fanjakan'i Josafata, ary ny anton'izany amin'ny ampahany betsaka dia ny fikarakarany ny ara-panahin'ny vahoakany. Misy tombontsoa lehibe hatrany ny fankatoavana ny lalan'Andriamanitra. Rehefa misfanaraka amin'ny fitakiana avy any an-danitra dia misy hery manova izay mitondra fiadanana sy faniriana tsara eo amin'ny olombelona. Raha toa ka ny fampianaran'ny Tenin'Andriamanitra no atao mpifehy ny fiainan'ny lehilahy sy vehivavy rehetra, raha toa ka hampileferina eo ambaniny ny saina sy ny fo, dia tsy hahita toerana intsony ireo ratsy izay misy eo amin'ny firenena sy ny fiaraha-monina. Hisy hery miasa mangina avy amin'ny tokantrano tsirairay avy izay hahatonga ny lehilahy sy vehivavy hatanjaka amin'ny fahatakarana ara-panahy sy ny hery ara-môraly, ary noho izany dia hivoatra kokoa ny firenena tsirairay avy." (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 192 teny anglisy)

Mpitarika feno vavaka

Fotoana fohy taty aorianana, dia nikambana hanafika an'i Josafata ny Moabita sy ny Amonita ary ny Meonita. Nahazo ity tatitra ity i Josafata: "Indreo misy olona betsaka avy any an-dafin'ny ranomasina, dia avy any Syria, ho avy hiady aminao. Tsy misy fotoana tokony holanilanina fa indreo izy ireo ao amin'ny Hazezon-tamara."

Natahotra i Josafata ka nivavaka izy. Nanatona an'Andriamanitra izy mba hahazo fanampiana ary niantso andro fisadian-kanina nanerana ny fanjakana. Niray tamin'ny fikatsahana ny fanampian'Andriamanitra ny firenen'ny Joda - tonga avy amin'ny tamânânan'ny Joda rehetra izy ireo mba hivavaka. (2 Tantara 20:1-4)

Nitranga izany indray andro; niakatra hanafika an'i Josafata ny tafik'i Moaba sy Amona. Nitodika tany amin'Andriamanitra izy, araka ny fahazarany. Fantany fa avy any no hisy ny famonjena azy. Niantso ireo mponina rehetra tao Joda hivavaka ao amin'ny Tempoly ny mpanjaka. Nisy andro fisadian-kanina napetraka manerana ny tany sy ny fanjakana. Nankatò ny vahoaka satria nampitaina tany amin'izy ireo izany fomba fiaina izany. Fantatr'izy ireo ny hery sy ny dikan'izany, ka dia nanaiky ny hiara-

hiasa izy ireo. Karazana mpitarika inona izany? Tsy naka fotoana hametrahana tetika ho an'ny tafika izy fa naleony niantso ny olona hankao amin'ny tranon'Andriamanitra, hitady an'Andriamanitra. Azony natao ny nifady hanina irery, kanefa dia nisafidy ny hametraka fifadian-kanina ho an'ny olona rehetra izy. Izany angamba no fifadian-kanina voalohany napetraky ny mpanjaka. Ankehitriny dia miara-milanja ny entamavesatra ny rehetra fa tsy ny mpanjaka ihany. Mitondra vokatra tsara sy fiarahana mahafinairitra hatrany ny fiaraha-miasa.

Ny fitarihana araka ny sitrapon'Andriamanitra dia mikatsaka ny hitondra hafaliana ho an'ny rehetra sy fahatsapana fa nandray anjara amin'ny fanatanterahana ny asa ny rehetra. Ny mahavariana amin'ilay tantara, rehefa niala tao Egipa ny zanak'Isiraely dia tsy navelan'Andriamanitra hanafika ny Amonita sy ny Moabita. Vetivety tahaka ny ahoana no hivadihan'ny namana ho fahavalao? Andro hamirapiratan'ny masoandro no mivadika ho antoandro mandrahona. Miova ao anatin'ny indray mipy maso ny zavatra. Tonga tsy nampoizina ny olana. Rehefa tonga ny olana, ilay mpitarika izay mametraka an'Andriamanitra ho lohany mandrakariva ao an-tsainy dia tsy hitebiteby fa hivavaka. Teo anivon'ny vahoakany, dia nofaranan'i Josafata ny vavaka nataony: “*Nefy indreo izy mamaly ratsy anay ka avy handroaka anay amin'ny lova nomenao anay. Ry Andriamanitray ô, tsy hitsara azy va Hianao? Fa izahay dia tsy manan-kery hanohitra ireo olona betsaka ireo, izay avy hamely anay, koa tsy hitanay izay hataonay, fa Hianao no andrandrain'ny masonay.*” (2 Tantara 20:11-12)

Manana Andriamanitra izay maheno ny vavaka ataontsika isika. Mampirisika antsika Izy ny “Hiantso Azy mba hanehoany antsika zavatra lehibe sy saro-pantarina” (Jeremia 33:3). Io Andriamanitra io ihany no milaza hoe, “*Mangataha dia homena hianareo*” (Matio 7:7). Mbola fanampin'izany, “*Tokony hitsahatra istika, aoka ho fantatsika fa Izy no Andriamanitra*” (Salamo 46:10). “*Ny tangan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavony, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare ...*” (Isaia 59:1). Mila manatona ny sezà fiandrianan'Andriamanitra amim-pahatokiana ny mpitarika satria, “*Raha tsy mbola miantso aza isika dia hamaly Izy*” (Isaià 65:24).

“Miandry hanome antsika ny fahafenoan’ny fitahiany ny Raintsika Izay any andanitra. Tombon-tsoa ho antsika ny higoka amin’ny loharanon’ny fitiavana tsy hita lany. Mahagaga loatra ny hakelin’ny fivavahantsika! Andriamanitra dia vonona sady mankasitraka hihaino ny fivavahana marina ataon’ny zanany, na dia izay mahantre indrindra aza, nefy na izany aza, dia tsy marisika ny hilaza ny mahory antsika amin'Andriamanitra isika.” (Ny dia ho eo amin'i Kristy, p. 86)

Mpitrika feno finoana

Namaly ny vavaka nataon'i Josafata sy ny vahoakany Andriamanitra. Avy amin'ny alalan'i Jahaziela no nitenen'an'Andriamanitra, “*Aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady fa an'Andriamanitra ... Tsy hianareo anefa no hiady amin'ity; mijanona tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo*” (2 Tantara 20:15,17). Niankohoka tamin'ny tany i Josafata ka nidera an'Andriamanitra. Nino ny tenin'ilay mpaminany izy. Nanaiky ny fandresena alohan'ny ady izy. Ny finoana dia ny fanekena ankehitriny ny vokatra ho avy. Ny zavatra ninoana dia ny fandresena ary ny porofo fa hisy izany dia ny teny avy amin'Andriamanitra. Ampy ho an'i Josafata ny manaiky ny Tenin'Andriamanitra, araka izay voalaza. Halaim-panahy ny mpitarika hitady fanazavana sy hampiasa lôjika satria mitady zavatra azo tsapain-tanana ireo mpanara-dia azy. Etsy andanin'izany anefa, tsy miandry finoana jamba avy amintsika Andriamanitra. Manana ny toerany ny fisainana sy ny lôjika, kanefa

tsy tokony haka toerana ambonin'ny tenin'Andriamanitra izy ireo. Ireo mpitarika araka an'Andriamanitra dia hampilefitra ny lôjika (siansa) eo ambanin'ny finoana (ao amin'ny tenin'Andriamanitra); ekeny fa ny "lalana izay atao ho mahitsy" dia mety hampidi-doza (Ohabolana 16:25).

Ny filaharana amin'ny kapoben'ny ady tamin'izany fotoana izany dia miralittra tahaka izao:

1. Ireo mpiady an-tongotra
2. Ireo mpitaingin-tsoavalys
3. Ireo miaramila manam-boninahitra
4. Ny mpanjaka

Eny aloha mandrakariva no ahitana ireo mpiady an-tongotra. Ao aorian'izy ireo no ahitana ny mpitaingin-tsaovaly ary avy eo dia ireo miaramila manam-boninahitra. Any amin'ny farany aoriana mandrakariva no misy ny mpanjaka mba ho fiarovana azy. Nino ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fony sy ny sainy manontolo i Josafata. Nisafidy olona tamin'ireo mphihira izy. Tsy nilaina ny tafika satria nanambara ny Tompo fa tsy mila miady i Joda satria Azy, an'ny Tompo, ny ady. Noho izany, dia ny Mpanjaka sy ny antoko mphihira no nizotra hiatrica ny fahavalos. Tsy sarotra ny nandresy lahatra ny vahoaka hanaraka izany planina izany satria henon'izy ireo mivantana ny Tenin'Andriamanitra ary hitan'izy ireo ny Mpanjaka niomana tamimpahatokiana fa marina izany teny izany. Nino koa izy ireo, ary izany ihany koa dia tena nilaina tamin'ny fahombiazana. Tsy nanana sabatra na lefona izy ireo fa nihira hira fiderana ho an'ny Tompo. Nihira izy ireo, "Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindrampony." Eny tokoa "*Tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy.*" - 2 Kôrintianina 10:4. Noho izany dia nidera ny firenen'ny Joda raha nanontany ny fahavalos izy. Tena nifanjevo tokoa ny sain'ireo fahavalos, hany ka lasa nifamono izy ireo. Eny, tonga tokoa ny Tompo ary nitâna ny teniny Izy, "Tsy mila miady ity ady ity ianareo."

Misy fotoana, ireo mpitarika, miady amin'ny alalan'ny hery sy ny fahaizan'ny tenany kanefa tsy misy na inona na inona azo avy amin'izany ady izany. Ny mpitarika dia tokony hamela an'Andriamanitra hanao ny zavatra amin'ny fombany na dia tsy mahazatra, hafahafa ary tsy dia tian'ny olona aza izany fomba izany. Iza no mandeha miady tsy misy sabatra na lefona akory? Iza no mandeha miady amim-piderana? Iza no manao izany? Ny mpitarika izay mandroso ao amin'ny Fanahin'Andriamanitra ihany. Ny mpanara-dia izay mandroso ao amin'ny Fanahin'Andriamanitra ihany. Misy andraikitra bebe kokoa ho an'ny mpitarika, kanefa ny mpanara-dia dia manana anjara asa koa. Moramora kokoa ny asan'ny mpitarika rehefa mifandray amin'ny Fanahin'Andriamanitra ny mpanara-dia.

"Matetika dia misy loza maro manantanona ny fiaianana kristianina, ary toa sarotra ny manatanteraka ny adidy. Tonga ao an-tsaina ny faharavana mitatao eo aloha sy ny fahababoana ary fahafatesana ao aoriana. Kanefa miteny mazava tsara ny feon'Andriamanitra, Mandrosoa. Aoka isika hankatô ny baiko, na dia tsy mahita mihoatra ny haizina eo anoloana aza ny masontsika. Tsy hanjavona ireo sakana izay manembantsembana ny fandrosoantsika raha toa ka manana fanahy be fanahiana sy fisalasalana isika. Ireo izay miandry ny hialan'ny fisalasalana rehetra, miandry ny hahazo antoka fa tsy hisy faharesena sy tsy fahombiazana izay vao hankatô, dia tsy hankatô mihitys. Ny finoana dia mijery mihoatra ny olana, ary mihazona ny tsy

hita, ny fahaizan'Andriamanitra manao ny zavatra rehetra, ka noho izany dia tsy voahozongozona mihitsy. Ny finoana dia ny fifikirana amin'ny tānan'Andriamanitra amin'ny ady sarotra rehetra." (*Gospel Workers*, p. 262)

Mpitarika feno fiderana

Nandresy an'ady i Josafata sy ny olony. Maro tokoa ireo harena nobaboiny ka hateloana no lanin'izy ireo hanonganana izany, ary mbola nisy ambiny aza (jereo ny 2 Tantara 20:25,26). Tao amin'ny lohasahan'ny Beraka (izay midika hoe "fitahiana"), no nitarihan'i Josafata ny Joda tamin'ny fotoam-piderana sy fivavahana iray hafa indray. Tao amin'ny "Lohasahan'ny Fiderana," dia nidera ny anaran'ny Tompo izy ireo. Nidera ny anarany masina izy ireo. Izany tokoa! Ireo fahavaloo (Moaba sy Amona) dia mety hiezaka ny handrombaka ny fitahiana kanefa homen'Andriamanitra ny zanany mandrakariva izany, raha toa ka mijanona ho mahatoky hatrany izy ireo. Ireo izay feno finoana dia ho mahatoky. Tsy tokony handanilany foana ireo fitahiana noraisina isika, tokony ho mpitantana izany fitahiana izany aza isika! Rehefa mitombo ny finoantsika an'Andriamanitra sy ny fiderantsika Azy noho izay zavatra hotanterahiny, dia mihena ny fiheverantsika ny tenantsika ary mitombo ny fifantohantsika amin'Andriamanitra. Zava-dehibe ho an'ny mpitarika ny midera an'Andriamanitra noho ny fandresena sy ny fahombiazana. Izany dia hitazona ny mpitarika hanana fanetren-tena ary ho lasa fampirisihana ao amin'ny fiainan'ny mpanara-dia izany toe-tsaina izany. Ny fieboeboana sy ny fishehosehoana ho be fahefana eo amin'ny mpitarika dia mamboly fanahim-pifandirana sy ady, kanefa rehefa ny Tompo no omena ny voninahitra rehetra dia mora kokoa ny mahazo ny fahatokian'ny olona.

Famaranana

"Andriamanitra no herin'ny Joda tao anatin'io ady sarotra io, ary Izy koa no herin'ny olony ankehitriny. Tsy tokony hatoky mpanjaka isika, na hametraka olona eo amin'ny toeran'Andriamanitra. Tokony ho tadinintsika hatrany fa mety diso ny olombelona, ary Izy izay manana ny hery rehetra no tilikambo mafy fiarovana antsika. Amin'ny ady sarotra rehetra, dia tokony ho fantatsika fa Azy ny ady. Tsy misy fetra ny zavatra azony atao, ary vao mainka hahatonga ny fandresena ho lehibe ireo zava-mahagaga ataony." (*Mpaminany sy Mpanjaka* p. 202 – teny anglisy)

Tokony hatahotra an'Andriamanitra ny mpitarika – ataovy izany!

Tokony hivavaka ny mpitarika – tiavo izany!

Tokony hino ny mpitarika – asehoy izany!

Tokony hidera an'Andriamanitra ny mpitarika – ambarao izany!

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Tamin'ny fomba ahoana no nanehoan'i Josafata ny tokony hataon'ny mpanompo mahatokin'Andriamanitra manoloana ny toe-javatra mandrahona? (2 Tantara 20:12; Salamo. 25:15; 62:1)
2. Rehefa avy novakinao ireto andininny eto ambany ireto dia nahoana, araka ny eritreritrapa, no nasain'Andriamanitra handefa mpihira hitari-dalana izy ireo?

And. 20, 21: "Ary nifoha maraina koa izy, dia niainga nankany an-efitr' i Tekoa; ary nony nivoaka izy, dia nitsangana teo Josafata ka nanao hoe: Mihainoa ahy, ry Joda,

sy hianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra hianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina hianareo.

Ary rehefa niara-nihevitra tamin' ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin' ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindrampony."

And 22, 23: "Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.

Dia nitsangana ny taranak'i Amona sy Moaba namely ny avy any an-tendrombohitra Seira ka namono sy nandringana azy; ary nony voaringany ny mponina tany Seira, dia nifandringana kosa izy samy izy ihany."

3. Amin'ny fomba ahoana no hisandrais'an'Andriamanitra amin'ny olony ankehitriny? Moa ve mbola mampiasa mpaminaniny izy?
4. Inona no tokony hataontsika rehefa halaim-panahy hanahy sy tsy hankatò ny tenin'Andriamanitra isika?
5. Inona no eritreretinao fa hitranga raha toa ka maka tahaka ireo levita mpamaky lay, sy misiôneran'ny fiangonana ankehitriny isika?
6. Inona no dikan'ny 2 Tantara 20:20 manokana aminao ary amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mampihatra izany eo amin'ny fiaianao sy eo amin'ny fandraisanao fanapaha-kevitra isan'andro?

"Dia nitsangana ny Levita, taranaky ny Kehatita sy taranaky ny Koraita, mba hidera an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isirael, tamin'ny seo mahery indrindra.

Ary nifoha maraina koa izy, dia niainga nankany an-efitr'i Tekoa; ary nony nivoaka izy, dia nitsangana teo Josafata ka nanao hoe: Mihainoa ahy, ry Joda, sy hianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra hianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina hianareo.

Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin' ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindrampony."



Dr. Abner De Los Santos

dia Filoha Lefitra any amin'ny Foibe Adventista Maneran-Tany.
Filoha lefitra mpanolo-tsaina koa ao amin'
ny Departemantan'ny Tanora izy.
Azo atao ny mifandray aminy any amin'ny
DeLosSantosA@gc.adventist.org.



ANDRO FAHA-5

MIALA AMIN'NY ANGADIN'OMBY MANKANY AMIN'NY FITARIHANA ARA-PANAHY

Fampidirana:

Raisiko ho tombontsoa manokana ny miara-mivavaka sy midera aminareo, mandritra ity herinandro izay nianarantsika momba ny fitarihana ity. Ilaina tokoa ny fitarihana ara-panahy ho an'ny olon'Andriamanitra, nandritra ny Tantara, hitaomana sy hanovana ny fainan'ny hafa mba ahafahan'ny rehetra ho vonona hanaraka ny baikon'ny Tompo, satria Izy no Mpitarika Ambony Indrindra.

*D*eo amin'ny sehatra tsirairay teo amin'ny fainako dia nisy hatrany mpitarika izay nanana hery miasa mangina teo amiko. Nomen'Andriamanitra tombontsoa aho ny hitombo voahodidina mpitarika tahaka ny ray amandreniko, mpampianatra, mpitandrina, namako sy mpiara-miasa amiko, izay nampirisika ahy, nampianatra ahy, ary nampahery ahy mba ho tonga olona araka ny sitrapony. Mino aho fa marina koa izany raha ny mikasika anao.

Maneho ny tantara fa banana mpitarika nanan-talenta, azo nitokiana sy tena sarobidy tokoa ny fiangonana, nandritra ireo taranaka nifandimby. Kanefa, na dia manan-talenta manao ahoana aza, na dia manan-kaja sy tiana tokoa aza ny mpitarika teo aloha, indray andro any tsy maintsy ampitaina amin'ny hafa ny fanilo, satria manangana mpitarika vaovao hatrany Andriamanitra.

Hoy i Ellen White: "Miantso tanora lahy sy vavy mahery, vonona, sy feno fanoloranta Andriamanitra, izay hiroso eny am-bava ady, izay, rehefa avy nandalo fianarana nandritra ny fotoana fohy, dia handrosy vonona ny hizara ny hafatra amin'izao tontolo izao."²⁴ Tadidinao ve ny tantaran'i Elisa? "Nantsoin'i Elia hiala tamin'ny angadin'omby Elisa mba hanao ny irak'Andriamanitra,"²⁵.

Raha jerentsika ny antso sy ny fanandraman'i Elisa, dia hahita dingana telo lehibe isika amin'ny fialana amin'ny angadin'omby mankany amin'ny fitarihana ara-panahy.

24 Ellen G. White, Christian Service, p. 64.

25 Ibid, p. 60

1. Aseho ny fanirianao handray ny palitaon'ny fitarihana, hanome voninahitra an'Andriamanitra, hanao tsara ireo zavatra omen'Andriamanitra ataonao.

Mba hialana amin'ny angadin'omby ary handraisana ny palitao (na tehina) ho amin'ny fitarihana dia mila maniry ny hanome voninahitra an'Andriamanitra ianao. Ataovy tsara ny asa, na inona na inona asa omen'Andriamanitra ataonao.

Milaza ny 1 Mpanjaka 19:19-21 fa rehefa avy niteny an'i Elia hanosotra an'i Elisa mba handimby azy Andriamanitra, teo amin'ilay tendrombohitra nisehoan'Andriamanitra taminy dia naniraka azy hanohy ny asa fanompoany. "Ary niala teo Elia ka nahita an'i Elisa, zanak'i Safata, izay nampiasa omby efatra amby roa-polo mikambana tsiroaroa avy, fa izy teo amin' ny roa farany indrindra; ary Elia nandroso nanatona azy, dia nanipy ny kapötiny hanarona azy. Dia nandao ny omby izy ka nihazakazaka nanaraka an'i Elia ary niteny hoe: Masina hianao, avelao aho aloha hanoroka an'ikaky sy ineny vao manaraka anao. Ary hoy izy taminy: Mandehana miverina, fa naninona anao moa aho?

Dia niverina niala taminy indray izy ka naka ny omby roa mikambana, dia namono azy, ary nandrahoiny tamin'ny hazo fiasan'ny omby ny henony ka nomeny ny olona, dia nihinana ireo; ary niainga izy ka nanaraka an'i Elia, dia nanompo azy."²⁶

Talohan'i fotoana io dia tsy nisy nahafantatra mihitsy i Elisa. Mpamboly tsy misy mpahafantatra izy, kanefa olona nanaraka an'Andriamanitra sy nijanona ho mahatoky taminy. Iray tamin'ireo fito arivo nolazain'Andriamanitra tamin'i Elia fa mahatoky Aminy izy. "Vonona ny hanao izay rehetra angatahin'Andriamanitra aminy i Elisa."²⁷ Milaza i Ellen White: "Rehefa nandalo ny saha niasan'i Elisa i Elia, tarihin'Andriamanitra amin'ny fitadiavana mpandimby, dia natsipiny teo an-tsorok'ilay tovolahy ny akanjoben'ny fanoloranta. Lasa nifankazatra tamin'ny asa sy ny irak'i Elia ny fianakavian'i Safata nandritra ny mosary, ary ankehitriny dia nosoratan'ny Fanahin'Andriamanitra tao amin'ny fon'i Elisa ny dikan'ny asan'ilay mpaminany. Famantarana ho azy io fa nantsoin'Andriamanitra handimby an'i Elia izy."²⁸

Tamin'ny fomba ahoana no nanehoan'i Elisa fa vonona ny handray ny akanjom-panompoana izy? Najanony avy hatrany ny fiasana ny sahany. Novonoiny ny ombiny ary nanamboatra alitara fandoroana avy amin'ny hazon'ny angadin'omby izy, nahandroiny ny hena ary nomeny ny olona, ka nihinana izy ireo. Ary avy eo dia niainga izy ka nanaraka an'i Elia dia nanompo azy. Tamin'izany fomba izany no nanehoan'i Elisa fa tena vonona tokoa handray ny akanjon'i Elia izy.

Ilay Andriamanitra izay nitarika an'i Elia hanofana an'i Elisa ho mpitarika vaovao ihany, no miantso ny mpitarika esa ampy fanandramana mba hanofana antsika ankehitriny. Tonga ny fotoana tokony hisfindran'ny filamatra. Vonona ny hanangana mpitarika vaovao Andriamanitra. Andeha hoentintsika am-bavaka izany. Angamba tsy henontsika izy ireo, angamba tsy hitantsika izy ireo kanefa "esa ao amin'ny efitra izy ireo miandry antsika handray azy".²⁹

Iray amin'izy ireo ve ianao ry tanora malala? Amin'ny fomba ahoana no anehoanao ny fahavononana handray ny akanjobe ary hanandratra ny tehina?

26 Nalaina avy tao amin'ny Baiboly Protestanta.

27 John C Maxwell, Leaning From the Giants, (New York: Faith Words, 2014, p. 22).

28 Ellen White, Prophets and Kings, p. 219.

29 Maxwell, Intentional Living, p. 18.

2. Manàna faharetana ary tohizo ny fiandrasana ny akanjon'ny fitarihana.

Mba hialana amin'ny angadin'omby sy handraisana ny akanjon'ny fitarihana dia tadio fa manana ny fotoana mety ho anao Andriamanitra, ary tokony haharitra amin'ny fiandrasana ny fotoana tokony handraisanao ny akanjon'ny fitarihana ianao. "Ny planin'Andriamanitra dia mety amin'ny fotoan'Andriamanitra ihany."³⁰

Rehefa tonga ny fotoan'Andriamanitra, dia tamim-pifaliana no nanoloran'i Elia ny tehin'ny asa fanompoana tamin'i Elisa. Ary i Elisa, izay nanompo tamim-paharetana sy fifaliana an'i Elisa, dia vonona tokoa ny handray izany.

Hoy i Ellen White, "Tonga tamin'i Elisa ny antso ho amin'ny asa faminaniana raha mbola nangady ny saha niaraka tamin'ny mpanompon-drainy izy. Nandray ny asa izay akaiky taminy indrindra izy. Nananany avokoa na ny fahaizana mitarika olona na ny fahalemem-panahin'ny olona vonona ny hanompo. Nanana fanahy tony sy tsara izy, kanefa nanana fahavirihana sy fijoroana tsara koa. Fahamarinana, fahatokiana, sy fitiavana ary fisandraisana tamin'Andriamanitra, nananany avokoa izany, ary nahazo hery sy toetra mendrika izy tamin'ny asa aman-draharaha nataony isan'andro, nitombo hatrany ny fahatsarany sy ny fahaizany. Raha niara-niasa tamin'ny rainy tamin'ny raharaha-plainan'ny tokan-trano izy dia nianatra ny hiara-miasa amin'Andriamanitra."³¹

Tsy misy manambany mihitsy ny fanompoana; ny tsy fisian'ny faniriana sy fanapahan-kevitra horaisina fotsiny no misy. Tokony hanao ny tsara indrindra vitanao ianao amin'ny zavatra madinika, satria ny zavatra madinika vita tsara eo amin'ny fiainana no hanampy anao hamolavola fanahy sy toetra afaka mahavita zavatra lehibe sy feno fahasahiana kokoa. Rehefa nanaiky ny antson'Andriamanitra i Elisa, "...niainga izy ka nanaraka an' i Elia, dia nanompo azy." I Mpanjaka 19:21.

Izao no resahin'ny hafa momba izany. Milaza ny Baiboly fa fotoana vitsivitsy taorian'ny niakaran'i Elia nankany an-danitra, dia nanontany an'i Jorama zanak'i Ahaba i Josafata, "Tsy misy mpaminanin'i Jehovah va eto hanontaniantsika amin'i Jehovah? Ary nisy anankiray tamin'ny mpanompon'ny mpanjakan'ny Israely namaly ka nanao hoe: Ato ihany Elisa, zanak'i Safata, ilay mpanondra-drano ny tånan'i Elia." 2 Mpanjaka 3:11. Nasaina nanao ny asa ambany indrindra i Elisa, ary nanao izany tsara izy, niezaka hatrany ny hanome voninahitra an'Andriamanitra. Niasa niaraka tamin'i Elia izy, niomana ary niandry ny planin'Andriamanitra sy ny fotoan'Andriamanitra mba hanao asa lehibe kokoa.

Fotoana tahaka ny ahoana no nandalo teo anelanelan'ny fisafidanan'i Elia an'i Elisa tao amin'ny 1 Mpanjaka 19, sy ny fandraisan'i Elisa ny akanjon'i Elia ao amin'ny 2 Mpanjaka 8? Tsy fantatsika mazava tsara. Kanefa na lava tahaka ny ahoana izany fotoana izany, dia niandry hatrany ny fotoana napetrak'Andriamanitra handimbiasany an'i Elia sy hanombohany ny asa maha mpaminany azy i Elisa. Nahatoky hatrany tamin'ny antson'Andriamanitra izy ary nahatoky koa tamin'ny addidiny amin'ny maha mpanompon'i Elia azy. Tsy navelany nanakana azy ireo olana ary tsy nanaiky ny ho variana izy ka tsy hanao ny asamy. Nahatoky tamin'ny zavatra kely, isan'andro isan'andro, nanaraka an'i Elia sy nanondraka rano ny tanany i Elisa; tamin'izany no nianarany nanompo, ary tamin'izany koa no nianarany hitarika sy hampianatra ny hafa.

30 Maxwell, Intentional Living, p. 28.

31 Prophets and Kings, p. 218.

Ry tanora, tsy fantatrao ny planin'Andriamanitra ho anao amin'ny fifehezany. Kanefa araka ny nolazain'ny apôstôly Paoly, "Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana." 2 Timoty 2:15.

Fantatr'Andriamanitra ny fonao, mijery lalina kokoa noho ny ivelany fotsiny Izy. Fantany ny fanompoanao Azy amin'ny zavatra madinika. Miasa ho an'Andriamanitra ianao eo am-panaovana ireo asa mahazatra andavan'andro.

Hoy i Ellen White, "Ho an'ny rehetra ny antso ho amin'ny fametrahana ny zavatra rehetra eo amin'ny alitaran'ny fanompoana. Tsy takina amintsika ny hanompo tahaka ny nanompoan'i Elisa, na koa asaina mivarotra ny fananantsika rehetra isika; kanefa Andriamanitra dia mangataka antsika ny hametrahantsika ny fanompoana Azy ho loha laharana eo amin'ny fiainantsika, tsy hamela andro iray handalo tsy hanaovantsika zavatra hampandrosoana ny asany eto an-tany. Tsy miandry fanompoana mitovy avy amin'ny rehetra Izy. Ny sasany mety antsoina amin'ny asa fanompoana any amin'ny tany vahiny; ny hafa kosa angatahina hanome amin'ny fananany mba hanohanana ny asan'ny filazantsara. Manaiky ny fanatitra omen'ny rehetra Andriamanitra. Ny fanokanana ny fiainana manontolo no tena ilaina. Ireo izay manao izany fanokanana izany dia haheno sy hankatô ny antson'ny Lanitra."³² Manâna faharetana ary miandrâsa ny akanjon'ny fitarihana.

3. Mangataha anjaran-droan'ny Fanahy Masina ary raiso ny akanjon'ny fitarihana mba hanandratana ny herin'Andriamanitra.

Mba hialana avy amin'ny angadin'omby sy handraisana ny akanjon'ny fitarihana dia mila mangataka anjaran-droan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao ianao mba hanandratana ny herin'Andriamanitra.

Rehefa mampirisika ny tanora hiala amin'ny angadin'omby ho any amin'ny fitarihana ara-panahy dia tsy tokony hametraka fiftantohana betsaka amin'ny endrika ivelany isika. Tompo ô, ampio izahay hijery amin'ny fomba fijerinao, omeo fahendrena izahay handinika ny fo fa tsy ny endrika ivelany. Andriamanitra ô, fantatray fa tsy jerenao raha toa ka mandeha tsara ny zavatra na tsia, ny fitomboanay no mahaliana anao, sy ny fisokafan'ny fonay amin'ny hery manovan'ny Fanahy Masina.

Nantsoina handray ny toerany eo amin'ny laharana voalohany i Elisa rehefa avy nanompo tamim-panetren-tena ny tompony nandritra ny fotoana elaela, ary nandritra izany fotoana izany dia lasa lehilahy lehibe kokoa izy. Niasa amin'ny maha mpianatra teo ambany fitarihan'i Elia izy. Ary rehefa tonga ny fotoana nanesorana ilay mpitantana voalohany, dia vonona ny handimby azy ilay teo ambaniny. Vonona ny handimby an'i Elia i Elisa teo amin'ny asan'ny mpaminany.³³

Rehefa fantatr'i Elia fa akaiky ny fiafaran'ny fiainany, dia nilaza tamin'ilay lehilahy izay nanompo azy nandritra ny taona maro izy, "mijanona eto ianao fa naniraka ahy ho any Jordana ny Tompo". Kanefa i Elisa, izay niaritra fanompoana mahatoky sy ela ny tompony namaly ka nanao hoe: "*Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho.*"

Niaraka izy ireo nankany Jordana, ary nisy dimam-polo lahy tamin'ireo zanaky ny mpaminany nijanona tandrifiny teny amin'ny toerana nahafahan'izy ireo mahita tsara ary izy roa lahy kosa nitsangana teo amoron'i Jordana. Milaza ny Baiboly avy eo fa, "*Ary Elia nandray ny kapôtiny ka namalona azy, dia nikapoka ny rano, ary nisaraka roa ny rano, ka*

32 Ellen G. White, Prophet and Kings, p. 221.

33 Ellen G. White, The Youth Instructor, April 28, 1898.

dia nita tamin'ny tany maina izy roa lahy. Ary nony efa taftita izy roa lahy, dia hoy Elia tamin'i Elisa: Angataho izay hataoko ho anao, dieny tsy mbola misaraka aminao aho. Ary hoy Elisa: Masina hianao, aoka ny anjaran-droa amin'ny fanahinao mba ho ahy. Fa hoy izy: Sarotra ny nangatahinao; kanefa raha mahita ahy misaraka aminao hianao, dia ho anao ihany izany; fa raha tsy izany kosa, dia tsy ho anao izany. Ary raha mbola nandeha sy nireshaka izy roa lahy, dia, indro, nisy kalesy afo sy soavaly afo nampisaraka azy roa lahy; ary Elia niakatra tamin'ny tafio-drivotra ho any an-danitra. Ary raha nahita izany Elisa, dia niantso hoe: Ry ikaky ô, ry ikaky ô, e ny kalesin'ny Isiraely sy ny mpitaingin-tsoavaliny! Dia tsy nahita azy intsony izy. Ary noraisiny ny fitafiany ka notriariny roa. Ary nalaiby ny kapôtin'i Elia izay latsaka avy teny aminy, dia niverina izy ka nitsangana teo amoron'i Jordana. Dia noraisin'i Elisa ny kapôtin'i Elia, ilay latsaka avy teny aminy, ka nakapony ny rano, dia hoy izy: Aiza Jehovah, Andriamanitr'i Elia? Eny, Elisa koa nikapoka ny rano, dia nisaraka roa izany, ka dia nita izy."

2 Mpanjaka 2:8-14.

Tamin'ny alalan'ny asany sy ny vavaka nataony, dia niantso ny hery sy ny fanatrehan'Andriamanitra i Elisa raha nandray ny akanjo maha mpaminany azy. "Tsy nangataka ny voninahitir'iao tontolo izao izy, na toerana miaraka amin'ireo Maherin'iao tontolo izao. Ny faniriany dia anjara betsaka amin'ny fanahy izay nomen'Andriamanitra malalaka an'i Elia. Fantany fa tsy misy afa-tsy ny fanahy izay tao amin'i Elia no ahafahany mameno ny toerana niantsoan'Andriamanitra azy."³⁴

Rehefa lasa ilay lehilahy lehibe kokoa, ilay lohan'ny zanaky ny mpaminany, dia nanontany tena avokoa ny rehetra raha toa ka niaraka tamin'i Elisa tahaka ny tamin'i Elia Andriamanitra. Tian'izy ireo ho fantatra raha toa ka mbola eo anivon'izy ireo Andriamanitra. Te hahazo antoka izy ireo fa niantso mpitarika vaovao hitarika azy ireo Andriamanitra. Ary namaly izany antso izany i Elisa tamin'ny alalan'ny fanasarahana ny rano tahaka ny nataon'i Elia. Izany no nanehoan'Andriamanitra tamin'ireo mpaminany fa i Elisa no lehilahy hitarika azy ireo.

Famaranana:

Vonona hanangana mpitarika vaovao Andriamanitra. Tonga ny fotoana hamindrana ny tehina, hanomezana ny akanjon'ny fitarihana mba hanaovan'ny taranaka mpitarika vaovao. Fotoana izao hialan'ny tanora avy any ambadiky ny angadin'omby ka handraisany ny akanjon'ny fitarihana, ary angatahany anjaran-droa amin'ny Fanahy Masina hanandrata ny herin'Andriamanitra amin'ny fiainany.

Manana mpitarika Andriamanitra androany izay nantsoiny ho mpanoro hevitra, tahaka an'i Elia, ny taranaka mpitarika vaovao izay voaofana tsara hitarika ny hafa ho eo amin'i Jesosy. Ny antson'i Paoly ho antsika dia ao amin'ny 2 Timoty 2:2: "Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa." Ry tanora malala, tadio fa ny fitarihana kristianina dia midika fampivelarana hery miasa mangina kristianina ary miaina fiaianana ho ohatra ho an'ny manodidina antsika. Fotoana izao, hialantsika tanora avy ao ambadiky ny angadin'omby ho amin'ny fitarihana ara-panahy. Andeha isika hiaina fiaianana izay mendrika ny fiansoana antsika; amin'izay rehefa tonga ny fotoana hamindrana ny tehina dia ho vonona handray izany isika.

Ry namako, tahaka ny nataon'Andriamanitra tamin'i Elisa, mety manomana anao Izy hitarika ny hafa. Efa misy manoro hevitra ve ianao handraisanao ny toeranao amin'ny fitarihana? Tahaka an'i Elisa, tokony hanao ny tsara indrindra amin'ny zavatra kely ianao,

34 Ellen G. White, Prophets and Kings, p. 226.

ny zavatra kely vita tsara amin'ny fiainana no hanampy anao hampivelatra ny fanahy sy toetra hanao zavatra lehibe sy sahy kokoa. Angataho Andriamanitra hanome anao ny fanahin'ny fanetren-tena sy fankatoavana hanarahana, tahaka ny nataon'i Elisa tamin'i Elia, ary hanekena izay asa rehetra hitan'Andriamanitra fa sahaza omena anao, eny fa na dia ny hanondraka rano ny tanan'ny eo amin'ny fitarihana ankehitriny aza.

“Tsarovy ny mpitondra anareo, izay efa nitory ny tenin’Andriamanitra taminareo; hevero ny niasaran’ny fiainany, ka araho ny finoany ... Maneke ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon’ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin’ny fifaliana, fa tsy amin’ny fisentoana; fa tsy hasosoa anareo izany.” Hebreo 13:7,17.

Miala avy ao ambadiky ny angadin’omby ho amin’ny fitarihana ara-panahy: asehoy ny fanirianao ny akanjon’ny fitarihana, hanome voninahitra an’Andriamanitra, sady manao tsara ny zavatra izay omen’Andriamanitra ataoao. Manana faharetana ary mikiriza eo ampiandrasana ny fotoana napetrak’Andriamanitra handraisanao ny akanjon’ny fitarihana. Mangataha anjaran-droa amin’ny Fanahy Masina, ary raiso ny akanjon’ny fitarihana hanandratana ny herin’Andriamanitra. Tsy maintsy torinao amin’izao tontolo izao fa ho avy tsy ho ela i Jesôsy haka antsika ho any an-danitra.

Antso: Firy aminareo no te hilaza amin’ny Tompo hoe, manapa-kevitra aho androany handoro ny angadin’ombin’ny fanandramako taloha; handoro ny nofoko iray manontolo eo amin’ny alitaran’ny fanompoana ho Anao? Manatôna ny alitara ary lazao amin’i Jesôsy hoe: inty aho Tompo ô, te hampiasa ny fanomezam-pahasooavako aho ho mpiasa mpanompo ho Anao. Vonona aho hirotsaka hiasa ho Anao hahafahan’ny fanjakanao mitombo.

Hivavaka isika.

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Vakio ny 2 Mpanjaka 2:2.

Ary hoy Elia tamin'i Elisa: Masina hianao, mijanôna eto; fa Jehovah efa naniraka ahy hatrany Betela. Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ka dia nidina nankany Betela izy roa lahy

Resaho ny maha-zava-dehibe ny fisakaizana sy fanoroan-kevitra masina. Manao ahoana ny maha zava-dehibe ny fididianana tsara ny namanao, sy ny fanakaikezanao olona ara-panahy lehibe kokoa sy hendry kokoa izay afaka ny ho “mpitarika” anao?

2. Vakio ary resaho: 2 Mpanjaka 2:6,7

“Ary hoy Elia taminy: Masina hianao, mijanôna eto; fa Jehovah efa naniraka ahy ho any Jordana. Fa hoy Elisa: Raha velona koa Jehovah, ary raha velona koa ny ainao, tsy handao anao mihitsy aho. Ary dia lasa nandeha izy roa lahy. Ary nisy dimam-polo lahy, zanaky ny mpaminany, nandeha, dia nijanona tandrifiny teny lavitra eny; fa izy roa lahy kosa nitsangana teo amoron'i Jordana”.

a. Heverinao ve fa nitsapa an'i Elisa i Elia rehefa niteny taminy tsy hanarak azy?

b. Mino ve ianao fa nandray “anjaran-droa” tahaka an'i Elisa ireo mpaminany njery avy eny lavitra?



Dr. Galina Stele

dia tonian'ny tomban'ezaky ny Fikarohana
sy Fandaharana ao amin'ny Biraon'ny tahirin-kevitra
sy antontan'isa ary fikarohana any amin'ny Foibe Manerantany.

Ny tera mahaliana azy manokana dia
ny fikarohana sy ny fihazonana ny tanora.
Azonao atao ny mifandray aminy ao amin'ny
SteLeG@gc.adventist.org



ANDRO FAHA-6

JOSEFA: TARATASY AVY ANY EGIPTA

*A*nde ha halantsika sary an-tsaina hoe manao fikarohana ara-tantara ao amin'ny trano fitehirizam-boky iray ianao. Nijery antontan-taratasy maro samihafa misfandray amin'ny tantaran'i Egupta fahiny ianao. Tampotampoka teo, nahita taratasy manokana maro nosoratan'olona iray antsoina hoe Josefa ianao, ary hita mazava tsara fa tsy lasa tany amin'ny olona tokony handefasana azy ireo taratasy ireo. Teo am-pamakiana no hitanao fa nanao asa tena mahagaga i Josefa, avy amin'ny andevo ka lasa praiminisitri'Egupta. Na dia niaina taonjato maro talohantsika aza izy dia mety misy ihany ve lesona avy amin'ny fainany izay mbola tokony ampiharintsika amin'izao fotoana izao?

Taratasy voalohany avy any Egupta

Ry Jakoba Raiko,

Avy aty Egupta aho no manoratra ho anao. Andevo ao an-tranon'i Potifara, lehiben'ny sampam-piarovana ny japan'i Farao, aho izao. Tena malahelo anao aho. Tsy nieritreritra mihitsy aho hoe hiova tanteraka ny fainako. Tsy nieritreritra mihitsy aho hoe ho ratsy fanahy toa izany amiko ireo rahalahiko. Mbola henoko ao an-dohako ny feony tezitra rehefa nandeha njery azy tany Dotana aho. Fantatrao ry Dada, tiany hovonoina mihitsy aho. Ary raha tsy nandaloo teo ireo mpandranto sy mpivarotra, tamin'izay fotoana izay, dia mety efa nataony mihitsy izany.

Tsy fantattro hoe inona no nolazain'izy ireo taminao momba ahy. Angamba hoe very tany an'efitra aho dia tsy tonga njery azy mihitsy? Nentiny teo aminao ve ilay akanjoko tsara tarehy, ilay fanomezana avy taminao, izay nalainy an-keriny tety amiko? Norovitiny angamba ilay izy, sady nofafazany ran-janak'ondry ary nolazainy taminao fa nohanin'ny bibidia aho? Inona re no zavatra nataoko tamin'izy ireo? Nialona ahy ve izy satria tianao tokoa aho ka nokarakarainao tamin'ny fomba manokana rehefa maty i Neny? Nankahala ahy noho ireo nofy nahitako azy ireo niankohoka teo anatrehako ve izy ireo?

Namidiny tamin'ireo Midianita aho, ary ireo nitondra ahy taty Egupta ka nivarotra ahy tamin'i Potifara. Ny olona aty Egupta dia tsy mahafantatra Ilay tena Andriamanitra tokana izay nanao ny lanitra sy ny tany. Miankohoka amin'ny masoandro sy ny volana izy ireo, sady mihevitra ny reniranony ho masina sy i Farao ho zanak'andriamanitra, ary manana sampy maro. Hafahafa ny fiteniny ary tsy nisy teny azoko mihitsy tamin'ny voalohany. Mihihana sakafio maharikoriko izy ireo, nefo feno fankasitrahana aho noho ireo karazana voankazo sy vary. Na dia tsy omeny zavatra betsaka aza ny andevo, fara faharatsiny mba

madio ny sakafo haniko. Tena mafana tokoa ny toet'andro aty, nefà mangatsiatsiaka ihany amin'ny alina ary ampy tsara ny rano ao an-trano hisasana alohan'ny hatoriana, sy hanondrahana ny voly, ny hazo palma ary ny voninkazo. Manana dobo filomanosana ao an-tranony ny mpanankarena, sady manao akanjo fotsy lava vita avy amin'ny rongony madinika, ary mampiassa rasitra mahaliana hanamboarany ny tranony sy ny piramida. Hafa mihitsy ny fomba fanaovany zavatra, ary mety hihevitra antsika sy ny trano laintsika ary ny ondrintsika ho olona tsotra loatra izy ireo.

Tsy moramora ny andevo aty, kanefa tadiidiko izay nampianarinao ahy ary miezaka ny handray andraikitra, eny na dia amin'ny zavatra kely aza aho. Nanapa-kevitra ny hanao ny zava-drehetra ho toy ny ho an'ny Tompo aho. Miresaka Aminy matetika aho. Mivavaka aho mba hisian'ny fahagagana, kanefa toa mangina Andriamanitra. Tsy azoko hoe nahoana Andriamanitra no namela izao zavatra izao hitranga. Manasazy ahy noho ny zavatra izay mety nataoko ve Izy sa hoe mitsapa ahy fotsiny? Tsy azoko mihitsy. Miezaka ny mahatsiaro aho fa tsy hahafoy ahy mihitsy Izy, ary tsy nisy zavatra ratsy loatra vitako tamin'ny lasa na ankehitriny izay mety hatatonga Azy handao ahy. Kanefa misy ireo fotoana izay tena sarotra ny mino hoe eo anilako Izy.

Rehefa tsy mahita tory aho amin'ny alina dia mijery ny kintana ary mahatsiaro ny trano lainao, ny masonao feno hatsaram-panahy, ny feonao milaza amiko fa tena tia ahy ianao. Tsaroaka ireo tantara rehetra nolazainao tamiko momba ny fiahian'Andriamanitra ny fainananao. Miezaka ny mahatoky aho fa mitarika ahy Izao na dia sarotra aza indraindray ny mino izany. Na inona na inona nataon'ny rahalahiko tamiko, vonona aho hanakalo ny zava-drehetra ahafahako mody. Indraindray aho mahatsapa hoe mankahala azy ireo ary manahy raha voaro i Benjaminia zandriko rehefa eo akaikin'izy ireo. Tiako ianao ary malahelo anao mafy aho.

Ny zanakao Josefa

Taratasy faharoa avy any Egipa

Ry Jakoba Raiko,

Tsy haiko izay hilazana aminao ny fankasitrahako Ilay Andriamaniry ny raintsika, Izay niaro ahy taty an-tany fivahiniana aty Egipta aty. Ary tsy izany ihany, nomeny sitraka teo imason'i Potifara aho ary nitarika ahy ho eo amin'ny toerana izay tsy nonofinofisiko velively Izy. Nataon'i Potifara mpitantana ny tokantranony manontolo aho. Ny zava-drehetra dia napetrany amim-pahatokiana eo am-pelatanako ary ataony ho toy ny zanany aho. Miandraikitra asa maro samihafa sy olona maro samihafa isan'andro aho ary tadiidiko matetika ireo lesona rehetra nomenao. Misaotra betsaka noho izay rehetra nampianarinao ahy. Tsy ho vitako mihitsy ny hanapaka ity tokantrano lehibe ity raha tsy nanana izany fahalalana izany aho. Ny zava-drehetra dia ataoko ho toy ny ho an'ny Tompo, ary lazain'izy ireo fa izay zavatra rehetra kasihiko dia miroborobo avokoa! Kanefa fantattro fa ny fitahian'ny Tompo no mahatonga izany. Nanaiky izany koa i Potifara. Hoy izy hoe hitany fa notahin'ny Andriamaniro noho ny amiko ny tokantranony ary nitombo ny hareny sy ny fananany satria nitahy ny tokantranony noho ny amiko ny Andriamaniro. Amin'izao toerana maha tompon andraikitra ahy izao dia ataoko ho mitovy avokoa ny olona rehetra, na inona na inona sarangany. Tsy manala baraka ny andevo aho satria fantattro izao ny dikan'izany hoe lasa andevo izany. Mahaliana tokoa ny andro tsirairay, ary misy fahafahana sy fihaikana vaovao foana. Mahatsiaro ao an-trano kokoa aho izao, na dia mbola malahelo betsaka anao aza.

Misy zavatra iray anefa. Lehilahy tena mahafinaritra ny lehibeko ary araka ny voalazako teo dia matoky ahy tokoa izy. Manana vady tsara tarehy izy. Tena manintona izy, sady tena tia hatsaran-tarehy sy zavatra lafo vidy, ary mitady ahy izy. Mivavaka aho mba hahery sy ho mahatoky amin'Andriamanitra. Tsy afaka mandika ny didy na manala baraka ny lehibeko aho. Tsy mbola niresaka taminao momba izany mihitsy aho, nefo manantena aho fa afaka hijoro ho mahatoky amin'izay nolazain'Andriamanitra momba ny fahamasinan'ny fanambadiana ary tsy hanala baraka an'Andriamanitra sy ny Anarany. Raha toa ka miadaladala aminy aho mantsy dia hanimba sy hanapotika ny fisandraisana tsara ananako amin'ny tompoko izany. Tsaroako ny fitiavanao an'i Neny, ary koa ny zava-doza nitranga rehefa nankany Sekema i Dina. Tiako ny banana tokantrano feno fifaliana sy fianakaviana sambatra indray andro any. Tiako hatao tsara avokoa ny zava-drehetra. Tsy te hilaza zavatra izay mety hisakana ny fahasambarako amin'ny hoavy aho. Io zavatra kely io no manapoizina ny fiainako, ankoatra izay anefa dia tsara avokoa. Mivavaka amin'Andriamanitra aho hiarovany ahy amin'ilay ratsy fanahy ary hiarovany ahy amin'ity fakam-panahy ity.

Tiako tokoa ianao. Malahelo anao aho.

Ny zanakao Josefa

Taratasy fahatelo avy any Egipa

Ry Raiko malala,

Niova tanteraka indray ny fiainako. Aty am-pigadrana aho. Voampanga ho nitady hanolana ny vadin'i Potifara aho, heloka izay tsy nataoko mihitsy. Raha ny tena marina, nitsoaka niala tao amin'ny efitrano sy aho, sady navelako teo an-tanany ny akanjoko rehefa nisambatra ahy tamin'ny akanjoko izy. Nanontany indray aho hoe "Nahoana?" Nahoana no navelan'Andriamanitra hitranga izany nefo izaho nanolo-tena ho Azy tanteraka? Ahoana ny hanaovako izany eo imason'Andriamanitra? Teo alohan'ny masoko mandrakariva Izy. Niresaka taminy andro aman'alina aho, ary nanao ny zava-drehetra tamin'ny Anarany be voninahitra. Ny fanampiany sy ny fitahiany ihany no nahafahako niaina. Ahoana no hamadihako an'Andriamanitra sy ny fahatokian'ny lehibeko? Tsy afaka hanao izany aho.

Rehefa nalefa tao am-pigadrana aho dia nifaly ireo izay nialona ahy. Kanefa fantattro izay ninoako. Mitsapa ahy indray ve ny Tompo? Mila saharetana mihoatra noho izay efa nokolokoloiko ve aho? Tsy fantattro. Kanefa nisafidy ny hitadidy ireo zavatra tsara rehetra navelan'Andriamanitra hitranga tamiko taty Egipa aho. Nisafidy ny hatoky Azy indray aho, na inona na inona mitranga. Ary tsy diso fanantenana aho. Nampahitan'Andriamanitra sitraka teo imason'ny mpiambina fonja aho, ary nataony mpanampy azy. Nampiandraiketiny ireo gadra rehetra aho, ary izao aho miandraikitra ny zavatra rehetra ato. Ankehitriny dia mahatsapa kokoa ny olona aho, indrindra fa ireo izay tsy mendrika ny fijaliana iaretany. Miezaka ny ho tsara fanahy aminy aho. Telo andro lasa izay, nisy zavatra hafahafa nitranga. Nahita olona roa izay tena nalahelo sy very hevitra aho. Rehefa nanontaniako azy izay olana mahazo azy dia notantarainy tamiko nynofiny tamin'ny alina. Rehefa naheno ny tantarany aho dia nolazaiko taminy ny momba an'Andriamanitra Izay mahalala ny hoavy ary afaka manazava ny nofy. Nangatahiko tamin'Andriamanitra ny dikany ary nomeny ahy ny fahazoana sy fanazavana ireo nofy. Ary androany dia tanteraka avokoa ny zavatra rehetra araka izay nasehon'Andriamanitra tamiko: novonoina ilay mpanao moson'i Farao ary ilay mpitondra kapoak'i Farao kosa naverina tamin'ny toerany ary nentina niverina tany amin'ny lapa.

O ry Dada, nampahatsiaro ahy ilay nofiko tany an-trano izany, dia ny hoe indray andro any ireo rahalahiko ho avy ary hiankohoka eo anatrehako. Tsy fantattro hoe ahoana na

rahoviana izany no hitranga, kanefa toa mahatsapa aho fa nampahery ahy Andriamanitra tamin'io fotoana io sy amin'izao fotoana izao fa ho eo am-pelatanany mandrakariva ny hoaviko. Niangaviako ilay mpitonandra kapoak'i Farao mba hahatsiaro ahy rehefa mandeha tsara avokoa ny zava-drehetra ho azy ary hanampy ahy ho afaka amin'ny fonja satria tsy nisy zavatra nataoko izay mendrika ny nandefasana ahy tao. Manantena ny tsara kokoa aho, kanefa fantattro fa ny anjarako dia miankina amin'Andriamanitra fa tsy amin'ny olona. Tadidiko koa ilay nofinao momba ilay tohatra sy ireo anjely niaka-nidina teo. Fantattro fa Andriamanitra no mbola tompon'andraikitra. Izy no mifehy. Hiandry am-paharetana ny drafitra napetrany momba ny hoaviko aho.

Josefa

Taratasy fahefatra avy any Egiptra

Ry Raiko malala,

Marobe ireo zavatra nitranga taorian'ny taratasiko farany. Voalohany indrindra, nianantray aho fa tsy misy olona hadinon'Andriamanitra izany. Tena taitra aho rehefa nantsoina avy tao amin'ny fonja handeha hanazava ny nofin'i Farao. Roa taona izay no lasa hatramin'ny nanazavako ny nofin'ilay mpanao mofo sy mpitondra kapoaka. Tsy nisy zavatra nitranga nandritra izany fotoana izany. Izao aho nentina tao amin'ny lapan'i Farao, ary nolazainy tamiko fa nahita nofy hafahafa maro nisy ombivavy matavy fito sy ombivavy mahia fito ary koa salohim-bary feno fito sy salohim-bary maivam-boa fito izy. Tamin'ny tranga roa dia ireo ombivavy mahia sy ireo salohim-bary maivam-boa no nitelina ireo ombivavy matavy sy ireo salohim-bary feno. Tsy nisy afaka nanazava ireo nofy ireo, ary tadidin'ilay mpitonandra kapoaka aho ka nolazainy tamin'i Farao. Mazava ho azy, tsy izaho, fa ny Tompo no manome ny fahalalana momba ny nofy. Nomeny ahy koa ny dikan'ireo nofy ireo. Nolazaiko tamin'i Farao fa tamin'ny alalan'ireo nofy ireo Andriamanitra dia nilaza fa hisy fito taona zina ary fito taona mosarena. Taorian'izay dia napetrany ho mpiandraikitra ny tany rehetra aho hanangona ny vokatra rehetra mandritra ireo fito taona zina mba ho vonona ny firenena hiatrika ireo fito taona mosarena.

Ankoatra izay, nanambady aho! Nomeny tovovavy tena tsara tarehy taranak'andriana aho, ary tena tiako tokoa izy. Niteraka ny zanako roa lahy, Manase sy Efraima izy. Tena faly tokoa aho ary maniry ny hahitanao ireo zanako. Rehefa mitazona azy ireo eny an-tsandriko aho dia mahatsiaro ny fotoana nijerenao ahy sy Benjamin toy izany koa. Azoko bebe kokoa ankehitriny ny dikan'izany hoe ray izany: mikarakara, mitia, mitari-dalana, manahy mandrakariva, mirehareha ary koa te hiaro mandrakariva.

Heveriko fa manomboka mahazo kokoa ny fon'ny Ray any an-danitra koa aho. Nianatra ny niaina niaraka taminy nandritra izay taona maro izay tany amin'ny tanin'ny fahoriako aho. Teo anilako Izy tamin'ny fandalovako ny fanandevozana, tamin'ny fotoana tao an-tranon'i Potifara, tao am-pigadrana, ary teo amin'ny toerako vaovao. Lasa izao ireo taona zina sy vokatra, manomboka ireo taonan'ny mosary voalaza. Manontany tena aho hoe manao ahoana ianao sy ireo rahalahiko amin'izao fotoana izao. Manao ahoana ny ankohonan'izy ireo? Firy avy ny zanany? Maniry ny hahita anareo rehetra aho. Heveriko fa namela azy aho. Sarotra izany, kanefa Andriamanitra nanampy ahy. Mivavaka aho hitehirizany ny fiainanareo mandritra ny fotoan'ny mosary. Maniry ny mba hahita anareo indray mandeha farany aho fara faharatsiny. Maniry ny hahita ny tsikinao aho rehefa raisinao amin'ny sandriniao ireo zanako. Maniry aho ny hiavian'izany andro izany. Mivavaka ny amin'izany aho ary manantena fa tsara daholo ianareo rehetra.

Izaho ihany, Josefa

Taratasy fahadimy avy any Egipta

Ry Raiko izay any an-danitra,

Tsy mino aho hoe hiaina elabe ety amin'ity tany fivahiniako feno fahoriana ity! Tena nanjary trano ho ahy izany. Na izany aza, tsy hadinoko mihitsy fa mpivahiny aho ary maniry ny hiverina any amin'ilay Tany Nampanantenaina izay nampanantenaina ny rain'ny raibeko Abrahama. Izany no antony niangaviako ny rahalahiko hitondra ny taolako, ny vatum-patiko miaraka aminy rehefa hamangy azy aty Egipta Ianao ary hitarika azy hiala aty ho any amin'ilay Tany Nampanantenaina. Tsy tiako havelany aty aho (na dia maty aza) satria Anao aho.

Raha mijery ny fainako aho, ny hany azoko lazaina dia feno fankasitrahana aho noho ny fitarihanao sy fiarovanao tamin'ny fainako! Tsy nieritreritra mihitsy aho hoe rehefa nentina tany Egipta ho andevo dia ho afaka hanao ny zavatra rehetra ho tsara ho ahy, ho an'ny fianakaviako, ary koa ho an'ny Egiptianina Ianao. Kanefa nataonao izany! Novonjenao aho, novonjenao tamin'ny mosary ny olona tao Egipta, ary nentinao taty ny fianakaviako sy ny raiko ary ny rahalahiko. Voavonjy avokoa izy rehetra ireo satria nalefanao taty mialoha hanomana ny lalana aho. Izany no antony nilazako tamin'ny rahalahiko hoe: “*Ary ankehitriny, aza malahelo na tezitra amin'ny tenanareo noho ny nivarotanareo ahy ho aty; fa hamony aina no nampandehanan'Andriamanitra ahy hialoha anareo aty ... Ary Andriamanitra efa nampandeha ahy hialoha anareo, mba tsy halalany taranaka anareo amin'ny tany, fa hamelona anareo amin'ny famonjena lehibe. Ary amin'izany, tsy hianareo no nampandeha ahy ho aty, fa Andriamanitra; ary Izy nanao ahy ho rain'i Farao, sy ho tompon'ny ao an-tranony rehetra, ary ho mpanapaka ny tany Egypta rehetra.*” (Gen 45:5,7,8) “*Hianareo no nisaina hanisy ratsy ahy; fa Andriamanitra kosa nisaina izany ho soa, hanao tahaka ny amin'izao anio izao, hamelona olona betsaka.*” (Gen.50:20).

Tena Ray mahagaga Ianao! Navadikao ho soa ny ratsy nataon'ny rahalahiko tamiko. Tsy fantatro hoe inona no mety nitranga tamiko raha tsy nosarahina tamin'ny raiko aho. Tena mafy izany, nefà hitako izao ny fomba nanomananao ahy ho amin'ny asako. Ny fe-potoana rehetra tamin'ny fainako – tany an-trano, tao amin'ny tranon'i Potifara, tao amin'ny trano maizina – dia dingana nankany amin'ny drafitra napetrakao ho ahy. Feno fankasitrahana aho ny amin'ny nampiasanao ahy ho fitaovana harmonjena ny firenena Egiptianina iray manontolo sy hamonjena ny fianakaviako amin'ny mosary.

Feno fankasitrahana aho satria navelanao hahita ny raiko, Jakôba, ary navelanao hahita ny zanako ny raiko! Notsofiny rano izy ireo! Nahita ahy izy ary niara-niaina tamiko nandritra ny fito ambin'ny folo taona taty Egipta, fe-potoana mitovy tamin'ny niainako niaraka taminy tany an-trano talohan'ny nahalasa ahy ho andevo. Samy novanao avokoa izahay rehetra nandritra io dia io. Tsy fantattro hoe efa nomaninao ny fihaonako tamin'ny rahalahiko, nefà nataonao izany. Tsy nety nino aho hoe novainaao ny fony. Notsapaika imbetsaka izy ireo rehefa tonga hividy sakafo, ary hita mazava fa tsy rahalahy ratsy fanahy, tsy mamindra fo ary tia tena intsony izy ireo. Nifankatia izy ireo sady nifampikarakara, nikarakara an'i Benjamina ary nikarakara ny rainay. Ianao dia Andriamanitra manova ny fo. Misaotra satria novainaao koa ny foko. Ary amin'izao fotoana izao, tsy misy fankahalana sy valifaty ary fitiavan-tena intsony fa nofenoinao fitiavana, famelana ary famindrampo. Tiako hiaraka amin'ny vahoakanao ny hoavin'ny zanako satria Ianao no ilay tena Andriamanitra marina, izay nanao ny lanitra sy ny tany. Fantatrao ny anaran'ny tsirairay, ary Ianao no mitarika anay ho any amin'ny tany nampanantenainao. Afaka mandeha ampiadanana aho izao satria fantattro fa eo am-pelatananao ny hoavin'ny zanako sy ny oloko!

Ny zanakao Josefa

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Ahoana, araka ny eritreritrapo, no nahombiazan'i Josefa tany amin'ny toerana tsirairay nanompoany tany Egipta? Manorata antony maromaro.

2. Resaho ireto andinin-tSoratra Masina ireto:

"Ary Jehovah nomba an'i Josefa, dia lehilahy nambinina izy; ary nitoetra tao an-tranon'ilay Egyptiana tompony izy." (Gen 39:2)

"Ary hitan'ny tompony fa nomban'i Jehovah izy, ka izay rehetra nataony dia nambinin'i Jehovah avokoa teo aminy. Ary Josefa nahita fitia teo imason'ny tompony, ka dia nanompo azy; dia notendreny ho mpikarakara ny tao an-tranon, ary izay rehetra nananany dia natolony ho andraikiny. Ary hatramin'izay nanendreny azy ho mpikarakara ny tao an-tranon mbamin'izay rehetra nananany dia notahin'i Jehovah ny tranon'ilay Egyptiana noho ny amin'i Josefa; ary ny fitahian'i Jehovah nomba izay rehetra nananany, na ny tao an-trano, na ny tany an-tsaha." (Gen 39:3-5)

"Nefa Jehovah nomba an'i Josefa sy namindra fo taminy ka nampahita fitia azy teo imason'ny mpitandrina ny trano-maizina. Dia natolotry ny mpitandrina ny trano-maizina ho andraikitri Josefa ny mpifatotra rehetra izay tao an-trano-maizina; ary izay rehetra nataony tao dia izy no antony." (Gen 39:21-22)

"Dia hoy Farao tamin'ny mpanompony: Hahita lehilahy tahaka io, izay manana ny Fanahin'Andriamanitra ao anatinay, va isika?" (Gen 41:38)

3. Resaho ireto tenin'i Ellen G. White ireto:

"Ny fahombiazana hita maso teo amin' izay rehetra nokarakarain' i Josefa dia tsy vokatry ny fahagagana mivantana tsy akory; fa izay rehetra nataony dia nataony tamim-pahaizana sy fitandremana ary fahazotoana ka dia nisy vokany lehibe izany. Josefa dia nihevitra izany rehetra izany ho avy tamin'Andriamanitra, ary ilay tompony koa dia nahatsinjo fa izany no zava-miafin'ny fahombiazany mahagaga. Tsy niseho anefa izany fahombiazana izany raha tsy nampiseho fahamalinana sy fikendrena tsy ankijanona izy. Nahazo voninahitra Andriamanitra, noho ny toetra mahatoky nasehon'ilay mpanompony." (EGW, PM, 211.2)

"Vitsy ny olona no mahatakatra ny herin'ny zava-madinika eo amin'ny fiaianana amin'ny famolavolana ny toetra. Ny zavatra ataontsika, raha ny tena marina, dia tsy misy madinika. Ny toe-javatra samihafa izay lalovantsika dia samy izahana toetra antsika avokoa sy mba hahatonga antsika ho mendrika ny toerana ambonimbonky kokoa hatrany." (EGW, PM, 218.2)

4. Nendahana taminy indroa ny akanjon'i Josefa. Jereo tsara ny tandindona asehon'ny akanjontsika sy ny akanjo fotsy lava omen'i Jesôsy antsika, tandindon'ny Fahamarinany, inona no eritreritra tonga ao an-tsaina momba ireo fifandraisana ireo?

5. Inona no tena manan-danja amin'ny fiangaviana farany nataon'i Josefa dia ny hitondran'ny rahalahiny ny taolany ho any amin'ny tany nampantanantaina?

"Ilay vatam-paty nandevenana azy dia nampahatsiahy ny Zanak'Israely, nandritra ny taonjato maro nifandimby nanompoany, fa vahiny ihany izy ireo eo amin'ny tany Egypta, ka tsy tokony hanadino ilay tanin'ny teny fikasana izay azo antoka fa homena azy." (PM, 237.3)

6. Inona tamin'ireo lesona avy amin'ny fiaianan'i Josefa no tena manan-danja aminao?



Dr. Baraka Muganda

dia nanao ny asan'ny Filohan'ny Departemantan'ny Tanora
ao amin'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tamin'
ny 1995-2010. Manohy ny fitiavany ny asan'ny tanora izy amin'
ny maha Filoha lefitra amir'hya Asa Fanompoana ao amir'hya Washington
Adventist University, Takoma Park, Maryland, Etazonia.
Azonao atao ny mifandray aminy ao amin'ny
bmuganda@wau.edu.



ANDRO FAHA-7

ILAY MPAMONO GÖLIATA

Toko sy andininy: 1 Samoela 17:32-37

*M*y hafatra ho an'ny androany dia Davida "Ilay mpamono Göliata." Nahavariana ahy hatramin'ny fahazazako ny tantaran'i Davida sy Göliata. Iray tamin'ireo tantara nianarako tao amin'ny Sekoly Sabata ity tantara ity ary niraikitra tao an-tsaiko. Tantara efa mahazatra ho an'ny ankamaroan'ny Kristianina ity tantara ity. Vakintsika ilay tantara, resahintsika, ary hiraitsika koa. Tadidinareo ilay hira hoe "Davida kely hendry". Androany isika dia hijery ireo lesona izay ampianarin'i Davida momba ny fandresena ny olana lehibe sy ny Göliata amin'ny fainantsika ary ny fomba ahafahan'Andriamanitra mampiasa ny tanora hanao zavatra lehibe ho Azy.

Samy miatrika Göliata maro samihafa isika rehetra. Inona avy ireo Göliata izay eo anoloanao amin'izao fotoana izao? Mety ho aretina izany, fahaketrahana, fanararaotana, fijerena zavatra mamoafady, fandavana, fifandraisana tapaka, fakam-panahy, tahotra, tsy fahombiazana teo aloha, fahatezerana, firaisansara ara-nofo, na koa fahakiviana. Tsy tena ilay Göliata ny olanao, nefy misy ihany ireo Göliata atrehintsika isan'andro. Ny olana sy ny fanahiana dia toy ny Göliata. Ny olana ara-pahasalamana, ny olana arabolana, ary ny olana ara-panambadiana dia toy ny Göliata mihitsy indraindray. Ny olana amin'ny asa, ny olana amin'ny zanaka ary ny olana amin'ny fanjakana dia toa mitovy amin'i Göliata. Maro ireo anarana iantsoana azy ireo: Visa, Discover, MasterCard, Mortgage, sns. Anarana toy ny homamiadana, fahanterana, fahasolana, fahafatesana, tsy fahatokiana, tsy famelan-keloka, tsy fitiavana. Inona avy ireo Göliata atrehinao androany?

Maheno ireo Göliata ireo mihiakiaka ao an-tsainao ve ianao? Nitovy tamin'izany no nitranga tamin'ny zanak'Israely, ny vahoakan'Andriamanitra; ny Filistinina no fahavalony tamin'ny ady. Isa-maraina, nandritra ny 40 andro, i Göliata no nihiakiaka tamin'ny zanak'Israely. Henonao mihitsy izy miantsoantso hoe: "Nahoana no misahirana mampiasa ny tafikareo iray manontolo? Tsy Filistinina ampy ho anareo ve aho? Tena manolo-tena ho an'i Saoly mihitsy ianareo, sa tsy izany? Safidio ny mpiadinareo mahery indrindra ary ampiadio amiko. Raha mahery noho izaho izy ary mamono ahy dia ho lasa andevonareo avokoa ny Filistinina. Kanefa raha izaho no mahery noho izy ka mamono azy dia ho lasa andevonay sy hanompo anay ianareo

rehetra. Izaho efa nihaika ny miaramilan'ny Israely androany; amoahy lehilahy iray aho hiady amiko!" (1 Samoela 17:8-10).

Nampihorohoro mafy ny zanak'Israely ny feon'i Gôliata. Olona goavam-be tokoa i Gôliata, mirefy telo metatra eo ho eo. Nanao fiarovan-doha varahina izy ary akanjo fiarovana milanja efapolo kilao fara fahakeliny. Ny lelan'ny lefony dia vita avy amin'ny vy ary milanja dimy kilao fara fahakeliny. Nisy mpilanja ampinga nandeha teo akaikiny. Io olona goavam-be io dia tena voaro tsara ary toa tsy nanana lehilahy vonona hiady aminy ny zanak'Israely. Na ny fijery azy fotsiny aza dia nampipararetra ny zanak'Israely. Fantatr'i Gôliata izany, ary izany no nahatonga azy hanana fahasahiana hiantsoantso ny zanak'Israely.

Tamin'io andro manokana io, Nandroso i Gôliata - ilay olona goavam-be - ary nahita an'i Davida kely nijoro teo anoloany. Niantsoantso ny fihaikany mahazatra izy, ary ren'i Davida izany. Rehefa nahita azy ireo lehilahy Israelita dia nitsoaka nandositra. **Rehefa toa tsy misy fanantenana ny fainana, raha toa tsy misy lalana aleha, Andriamanitra dia afaka marmorona lalana avy amin'ny tsy misy.** Nandritra ny efapolo andro, nangataka mpiady i Gôliata. Nandritra ny efapolo andro, naneso ny vahoakan'Andriamanitra izy. Natahotra ny vahoakan'Andriamanitra. Avy eo, ny zavatra tena tsy nampoizina indrindra no nitranga - tovolahy iray antsoina hoe Davida no niseho. Tsy mba miaramila i Davida, tovolahy tsotra fotsiny izy. Tsy nanana fiarovan-doha izy, tsy nanana lefona, tovolahy tsotra fotsiny, kanefa ity tovolahy ity dia tsy natahotra ny hiady.

"Ary nony nijerijery an 'i Davida ilay Filistina ka nahita azy, dia nianjonanjona taminy, fa tanora izy sady mena volo no tsara tarehy. Ary hoy ilay Filistina tamin'i Davida: Alike angaha aho, no hatonin'ialahy amin'ny tehina? Ary nanozona an'i Davida tamin'ireo andriamaniny ilay Filistina sady nanao tamin'i Davida hoe: Avia ety amiko, dia homeko ny voro-manidina sy ny bibi-dia ny nofon'ialahy. Fa hoy kosa Davida tamin'ilay Filistina: Ianao manatona ahy amin'ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin'ny anaran'i Jehovah, Tompon'ny maro, Andriamaniry ny miaramilan'ny Israely, Izay efa nohaikainao". (1 Sam 17:42-45).

Nanao izay zavatra tokony nataony i Davida. Tsy nanao izay zavatra tokony nataony ny tafika.

Ny eritreritra tonga voalohany tao an-tsaiko dia izao: Aza matahotra. Nanatona ny mpanjaka i Davida ary nilaza taminy ao amin'ny andinininy faha-32: *"Aoka tsy ho ketraka amin'ilehio ny fon'ny olona; fa ny mpanomponao handeha hiady amin'io Filistina io."* Nilaza tamin'i Saoly mpanjaka izy mba tsy hanahy, fa izy no hiatrika ilay Filistina. Rehefa miatrika ny Gôliatantsika isika dia samy te handre vaovao tsara. Nahare vaovao tsara i Saoly, natahotra ny vahoaka, kanefa toa diso ny loharano nipoiran'ilay vaovao tsara; avy amin'ny tovolahy iray izay tsy manana fahalalana na fiofanana amin'ny ady akory. Andeha hanao zavatra mahagaga i Davida, kanefa ao amin'ny andinininy faha-28, ny zokiny lahimatoa dia niezaka hisakana azy.

Manana fomba fijery hafa ny mpitarika lehibe.

Rehefa andeha hanao zavatra ho an'ny Tompo ianao, zavatra izay toa tsy vitan'olombelona, dia aza misy avela hisakana anao. Amin'ny maha tanora anao, aza misy avela hisakana anao hanao izay marina. Amin'ny fainana, rehefa miatrika ny Gôliatanao

ianao, misy ireo olona, mety ho havanao mihitsy aza no hihomehy anao, kanefa aza avela hisakana anao izany. Hifosa anao izy ireo, kanefa aza avela hisakana anao izy. Mety hitranga ao amin'ny fianakavianaqao izany, ao amin'ny toeram-piasanao, eny na ao amin'ny fiangonanao aza. Matetika dia hamela anao ireo olona akaiky anao. Nifamaly tamin'ny zokiny lahimatoa izay nanambany azy i Davida. Mety nieritreritra i Davida hoe, marina fa zokiko ianao, kanefa misy olona goavana mila atrehina io. Mety nieritreritra izy hoe misy ady tsy maintsy resena, ary tsy misy avelany hisakana ny lalany. Rehefa eo anilanao ny Tompo dia tsy tokony hatahotra ianao, ary afaka hiatrika ny Gôliatanao sy hamotika izany. Tsarovy amin'ny maha tanora Kristianina anao fa hiady ho anao mandrakariva ny Tompo. Ny hany tokony ataonao dia ny mamela Azy hiady ny ady ho anao.

Mariho tsara fa, “Ny iray amin’ireo zavatra voalohany tokony hataontsika raha tiantsika ny hamono ny Gôliata amin’ny fiainantsika dia ny mandresy ny fanakiviana.” Hisy ireo olona akaiky anao, olona izay itokianao, hiezaka handresy lahatra anao hoe tsy ho vitanao izany. Fampitandremana ho an’ny rehetra ity, tandremo tsara ireo olona andraisanao torohevitra. Misy ireo olona izay hilaza aminao hoe tsy ho resinao mihitsy io olana io. Hilaza aminao izy hoe goavana loatra ilay Gôliata ary kely loatra ianao, kanefa faly aho satria miaraka amin’Andriamanitra dia azo atao ny zava-drehetra. Azon’Andriamanitra atao ny maka ireo zavatra tsy vita ireo ary mamadika azy ho zavatra azo atao. Mety nilaza taminao ny olona, ary mety mbola milaza aminao hoe tsy hahavita na inona na inona ianao, kanefa reko i Paoly milaza ao amin’ny Filipianina 4:13 hoe: “*Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin’ilay mampahery ahy*,” koa aza kivy.

Matetika dia fialan-tsiny ampy tsy hamelana ny tanora hanao zavatra maro ny hoe mbola kely loatra izy. Tsy tokony antenaina hahavita asan’olon-dehibe izy satria tsy ampy fahamatorana sy traikefa, tsy rariny aminy sy amin’ireo olona izay mety hiantehitra amin’ny zavatra ataony izany. Kanefa tsy nisy fiomanana ho amin’io fihalonana io ve i Davida? Ny fahaizantsika miatrika ny fahavalontsika dia miankina amin’ny fiomanana nataontsika. Ny fotoana fiomanana no mamaritra ny fandresena na faharesena amin’ny ady. Ho an’i Davida, ny toetra aloha no nampivelarina alohan’ny hiatrehana an’i Gôliata. Niresaka momba ny fiomanan’i Davida i Ellen G. White, “Ny fanandramany tamin’izany resaka izany no nanaporofo ny son’i Davida ary nampivelatra ny herim-po sy finoana tao aminy.” (*Patriarka sy Mpaminany*, p. 644). Amim-pifehezana ny saina sy ny toetra, miaraka amin’ny fahatokian-tena sy herim-po, ary finoana an’Andriamanitra izay miyahy ny zava-drehetra, dia tsy hisy Gôliata afaka hampihorohoro sy hampatahotra, na hanahiran-tsaina, na hanakivy antsika, tahaka ny nanjo ny ankamaroan’ny Israely rehefa nampifanoherina tamin’izay noheveriny fa manda tsy mety vaky (Gôliata). Fa ho tahaka an’i Davida isika. Na dia mitondra fitaovam-piadiana izay toa tsy mety sady tsy manao fiarovana namboarin’olombelona aza isika dia afaka ny hiady amin’ny Gôliatantsika sy hamono azy ireo. Mampahatsiayh antsika i E. G. White fa “talohan’ny nampiantsoana azy tao amin’ny lapan’i Saoly, dia efa nampiavaka ny tenany tamin’ny alalan’ny asa lehibe i Davida. Ilay manamboninahitra izay nitondra azy teo anoloan’ny mpanjaka dia nanambara fa izy dia “lehilahy mahery, sady lehilahy mpiady, ary manan-tsaina amin’ny raharaha,” ary nilaza izy fa “Jehovah no momba azy””(PM 644.3). Manampy i E. G. White hoe: “Niantehitra tamin’ny fitarihan’ny Fanahy Masina i Davida, ary Jehôvah tamin’ny fahendreny no nampifana azy ho amin’ny fanompoana, sady nanomana azy hanatanteraka ny asany. Kristy no Mpanorina Lehibe ny toetrary.” (*Manuscript 163*, 1902). Andriamanitra no nisafidy sy nanomana an’i Davida ho amin’ny asany.

Mandratra ny tsikera rehefa avy amin'ny olona ambonintsika izany. Tamin'ity fotoana ity dia i Eliaba no ambonin'i Davida. Mandratra ny tsikera rehefa miahayahy ny antony manusika antsika izany. Mandratra ny tsikera rehefa mitohy foana izany. Mandratra ny tsikera rehefa avy amin'ny olona izay fantatsika nandritra ny fe-potoana lava tamin'ny fainantsika izany. Haheno fitsikerana manondro ny tsy fahombiazanao ianao: Mbola tanora ianao, manatona ahy amin'ny tehina ianao, hamahanako ny voro-manidina sy ny bibidia ianao.

Ry tanora, mianara lesona avy amin'i Davida. Misy ireo olona izay sahiran-tsaina rehefa miatrika Gôliata. Sahiran-tsaina amin'ny Gôliata izay manana laza be; sahiran-tsaina rehefa mipoitra foana ireo; sahiran-tsaina rehefa matahotra ny hafa miaraka amintsika; sahiran-tsaina ka tsy sahy miady amin'ilay Gôliata. Tsy mba sahiran-tsaina i Davida, nanana finiavana hanome voninahitra an'Andriamanitra izy. Tezitra mafy tamin'ny fomba nanalana baraka an'Andriamanitra i Davida. Hoy Ellen G White, "Nirehitra ny hafanam-pon'i Davida hiaro ny voninahitr'Ilay Andriamanitra velona ary ny an'ny vahoakany" (*Patriarka sy Mpaminany*, p. 645). Tena natoky an'Andriamanitra izy. Tsy afaka namela an'i Gôliata ilay lehilahy goavam-be hanala baraka an'Andriamanitra izy!

Tsy niezaka ny ho tahaka an'i Saoly i Davida. Raha lazaina amin'ny teny hafa, ny mpamono Gôliata dia tsy miezaka ny ho toy ny olona na zavatra izay tsy izy mihitsy. (1 Samoela 17:38-40). Rehefa misy ny krizy dia hiezaka hanosika anao hanao sy hieritreritra toa azy ny olona. Tadio, ny fiarovana mavesatra loatra dia hampandeha mora anao. Tsy afaka ny handresy ny Gôliata amin'ny fainanao amin'ny alalan'ny fitaovam-piadian'ny nofo velively ianao. Amin'ny maha tanora antsika, ny hany ilain'Andriamanitra amintsika dia ny matoky Azy ary mampiasa izay nomeny antsika handresena ny Gôliata.

Nanao ahoana raha nihaino ny zavatra ratsy nolazain'ny olona ianao? Nanao ahoana raha nino ireo fanamarihana manakivy nolazaina ianao? Aiza no mety hisy anao androany?

Nihaino an'i Saoly mpanjaka i Davida, ary mino aho fa mety niteny i Davida hoe: Masina ianao ry Mpanjaka, misy zavatra tsy maintsy lazaiko anao. Avy eo, ao amin'ny andininhy faha 34 hatramin'ny faha-36, i Davida dia nanomboka nanazava izay nitranga taminy tamin' i Saoly. (vakio ny andininhy faha-34 hatramin'ny faha-36 ary hazavao.)

Ry Saoly mpanjaka, namono liona iray sy bera iray aho ary vonona izao hiatrika io Gôliata goavam-be io. Ry Saoly mpanjaka, manana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny namonjen'Andriamanitra ahy tamin'ny liona sy ny bera aho, ary io Andriamanitra izay namonjy ahy tamin'izany io no hanafaka ahy amin'io lehilahy goavam-be io. Ry Saoly mpanjaka, tsy kivy aho, naneso ny vahoakan'Andriamanitra io lehilahy goavam-be io, nanohitra ny tafik'Ilay Andriamanitra velona io lehilahy goavam-be io, koa fotoana amin'izay ankehitriny hiadiana.

Misy ny fotoana amin'ny fainantsika izay tsy maintsy hiatrehantsika Gôliata ary hilazantsika aminy hoe ampy izay. Misy ny fotoana amin'ny fainantsika izay tsy maintsy hijoroantsika ho an'ny fahamarinana. Misy ny fotoana amin'ny fainantsika izay tsy maintsy hiatrehantsika Gôliata ary hilazantsika aminy hoe fotoana hiadiana izao. Tsy fotoana hiresadreshana intsony izao, tsy fotoana hifosafosana intsony, fotoana hiadiana izao - kanefa amin'ny fepetran'ny *Tompo* ihany ary ho *Voninahiny*, fa tsy ho antsika.

Tsy natahotra mihitsy ny fon'i Davida; satria fantany izay itokiany. "Ianao manatona ahy," hoy izy, "fa izaho kosa manatona anao amin'ny anaran'i Jehovah, Tompon'ny maro, Andriamaniry ny miaramilan'ny Isiraely, Izay efa nohaikainao. Anio no hanoloran'i Jehovah anao amin'ny tanako," "mba ho fantatry ny tany rehetra fa manana Andriamanitra tokoa ny Isiraely. Ary ho fantatr'izao fiangonana rehetra izao fa tsy sabatra sy lefona no amonjen'i Jehovah; fa an'i Jehovah ny ady, ary hanolotra anareo ho eo an-tananay Izy." (*The Signs of the Times*-1886. 9. Lohatenin'ny lahatsoratra: *The Sin of Presumption*)

Ry tanora, aza kivy, andeha hatrehintsika ireo Gôliata ary hovonointsika. Ry tanoran'Andriamanitra, mety misy ireo izay tsy mahomby, kanefa andeha hatrehintsika ireo Gôliata ary hovonointsika. Ry tanora, mety misy ireo izay manaiky ho resy, kanefa andeha hatrehintsika ireo Gôliata.

Tsy io no farany, mbola misy zavatra mohoatra. Ry tanora, aza matahotra; aza kivy, ary ho azonao ny fandresena farany. Rehefa avy nihaino an'i Davida nitantara ny namonoany ny liona sy bera i Saoly; rehefa avy nihaino ny fikarakarana sy fiarovan'Andriamanitra an'i Davida izy, dia resy lahatra ny amin'izay hataon'Andriamanitra; noho izany, ao amin'ny tapany faharoa amin'ny andininy faha-37 dia hoy i Saoly tamin'i Davida: "Mandehana, ary homba anao anie Jehovah."

Fantatsika rehetra ny fiasaran'ny tantara sy izay nitranga tamin'i Gôliata, fantatsika izay nitranga tamin'ilay lehilahy goavam-be naneso ny vahoakan'Andriamanitra. Ao amin'ny 1 Samoela 17:49 no amakiantsika izao teny izao: "Ary natsofok'i Davida tao an-kitapo ny tanany, ka naka vato tao izy, ka dia nalesany tamin'ny antsamotady, ka nahavoa ilay Filistina tamin'ny handriny, ary nilentika tamin'ny handriny ny vato, dia potraka niankohoka tamin'ny tany izy."

Famaranana

Vakio ny Rômanina 8:32.

Rehefa naneso sy nampihorohoro ary nampitahotra ny vahoakan'Andriamanitra i Gôliata, dia tsy mba nitsoaka nandositra tamim-pahatahorana na nihozongozona i Davida; vao maika izy nihazakazaka ho ao an'ady. Nihetsika izy. Raha mamarana isika, inona avy ireo Gôliata atrehinao amin'izao fotoana izao? Voalaza fa, "Ireo Gôliata rehetra iadiansika dia natao hitondra antsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Tsy afaka ny handeha hiady hanangana rakitra fandresena mahagaga isika, na handeha am-pieritreretana hoe ny herintsika ihany no entintsika hiady."

Fantatr'i Davida tsara ny sitrapon'Andriamanitra ho an'Isiraely satria efa nambaran'i Mosesy mazava tsara izany - tokony haka ny tany Kanana ho azy izy ireo ary tsy hahatohitra azy ny fahavalony. **Vakio ny Lev 26:7,8.** Kanefa izany rehetra izany dia niankina tamin'ny fitandreman'ny Isiraely ny didin'Andriamanitra, ao anatin'izany ny Sabata, ary ny fanajany ny Fitoerany Masina (**vakio ny andininy 2,3**). Izany no tenin'Andriamanitra - Teny Fampanantenany lehibe. Teny fampanantenana izay tsy maintsy tanteraka satria marina ny teniny. Miorina mafy mandrakizay mandrakizay izany. "Maina ny ahitra, malazo ny voniny; Fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay" - Isa 40:8. Kanefa, raha tsy mankatô an'Andriamanitra sy mitandrina ny didiny kosa izy, dia hoy Andriamanitra: "Dia hanandrina anareo ny Tavako, ka ho resy eo anoloan'ny fahavalonareo hianareo; ary izay manakahala anareo no hanapaka anareo; dia handositra hianareo, na dia tsy misy manenjika aza." (Lev 26:17).

Androany, miantso antsika tanora Andriamanitra hiatrika ireo Gôliata amin'ny fainantsika. Miantso antsika mba ho marina Aminy amin'ny fainantsika Izy, ary mba ho mahatoky Aminy eo am-piadiana ny fakam-panahy sy fitsapana. Nilaza i Davida fa an'i Jehôvah ny ady. Nahoana? Satria Andriamanitra mihitsy no voaeso. Ny sitrapon'Andriamanitra no voasakana. Efa nomenao ny Tompo ve ny adinao, sa mbola miady ny Gôliata irery ianao?

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1. Nahoana, araka ny hevitrao, no niandry 40 andro ny Isiraelita izay vao nanomboka ny ady?
2. Ny finoan'i Davida an'Andriamanitra dia nahatonga azy hijery ilay lehilahy goavam-be tamin'ny fomba fiжry hafa. Mety hanao ahoana ny fahasamihafana eo amin'ny fainanao raha mijanona kely ianao ary mifantoka indray ka mijery ireo fihaikana isan'andro amin'ny fomba fiжry hafa?
3. Matoky ve ianao fa hiady ny ady ho anao Andriamanitra? Ny adinao ve Adiny sa ny Adiny no tokony ho adinao?
4. Samy nanana fahatokian-tena i Davida sy i Gôliata. Ny fahasamihafana dia ny naха tamin'Andriamanitra ny fahatokian'i Davida. Ahoana no ahafahanao miaro ny tenanao tsy hatoky tena loatra amin'ny fahaizanao amin'ny fanatanterahana ny asa?
5. Nahoana, araka ny hevitrao, no nila vato dimy fa tsy iray ihany i Davida?

TOP 700 (Juge 20:16)

- Technique
- Recyclage
- Organisation
- Unité
- Pass it On
- Evangélisation



Sahan'ny



Mpanompo
Vonona



PASS IT ON



TSY HO ELA



Dr. Ted N. C. Wilson

Filohan'ny Fianganana Advantista
mitandrina ny Andro Fahafito.
Azonao atao ny mifandray aminy ao amin'ny
president@gc.adventist.org.



ANDRO FAHA-8

MAHITA NY TSY HITA

Amin'ny alalan'ny mason'ny finoana

*J*lay zanak'andriana no tanora zazalahy manana tombony indrindra teo amin'ny fanjakana. Handova harena sy fananana be, nampianarina tamin'ireo sekoly tsara indrindra, marani-tsaina, tsara tarehy, matanjaka sy mavitrika ary manintonia, izy no olona malaza indrindra tao amin'ny lapa.

Mazava ho azy, fa ny sasany dia mahafantatra fa zaza natsangan'ny zanakavavin'ny mpanjaka ihany izy. Ren'izy ireo ny tantara momba ny namonjena azy tsy ho faty - nantsoiny hoe Mosesy satria "nalaina avy tao anaty renirano", nalainy ho toy ny zanany ary nanakaramany vehivavy hebreo hikarakara azy mandra-pahalehibe azy ka ho afaka mipetraka any an-dapa.

Nanjary reharehan'ny fanjakana i Mosesy rehefa tao an-dapa, voalahatra ho Farao - olona manana ny sahefana fara tampony tetra an-tany.

Tsy moramora ny ho lasa Farao. Mila manao fiofanana henjana ara-miaramila, manaramaso ny lafiny sosialy sy fisandraisana amin'ny ivelany ary fampianarana ara-pivavahana. Takina amin'ireo Farao rehetra ny ho mpikambana ao amin'ny sarangan'ny mpisorona Egiptianina.

Tsy azo atao ny mandimby ny sezà fiandrianan'i Farao, araka ny lalàna, raha tsy avy amin'ny fokon'ny mpisorona. Koa noho ny maha mpandova voatendry an'i Mosesy, dia tsy maintsy nampianarina ny fivavaham-pirenena izy. Nianarany tamin-kafanam-po satratra izany. Nefa na oviana na oviana dia tsy nety nitondra fanatitra ho an'ny Andriamanitra-tsy izy izy. Norahonana tsy hahazo ny fanjakana izy ary nampitandremana fa raha mbola mifikitra amin'ny fanekena ny fivavahana hebreo, dia havoakan'ny mpanjakavavy ny didy fanonganana azy. Nefa tsy azo nohozongozonina tamin'ny fanapahan-keviny hanomevoninahitra ilay Andriamanitra tokana Mpanao ny lanitra sy ny tany izy...³⁵

Ireo Leson'ny Finoana

Nandritra ny fahazazany, raha mbola teo amin'ny tena reniny, no nianaran'i Mosesy mahakasika ilay tena Andriamanitra marina - Ilay Andriamaniry ny razambeny. Nihaino ireo tantara mampiorina finoana nolazain-dreniny izy mahakasika an'i Abrahama teo ambanin'ireo kintana, ny fahavononan'i Isaka ny hankatò na inona na inona ho sandany,

³⁵ Ellen G. White, *Patriarka sy Mpaminany*, p. 227.

ary ny nofin'i Jakôba momba ilay tohatra ayy any an-danitra. Nianatra izy ny momba ny namadihan'ny rahalahimy an'i Josefa ho eo an-tanan'ny mpivarotra andevo, ny nisondrotany ho ambony tao an-tranon'i Potifara, kapitenin'ny mpiambina Egiptianina, sy ny fanagadrana tsy an-drariny azy satria nisafidy ny hitoetra ho mahatoky amin'Andriamanitra rehefa naka fanahy azy ny vadin'ny Potifara. Fantatr'i Mosesy koa fa nandeha tamin'io lapan'ny mpanjaka io teo alohany i Josefa sy ny fomba nampiasan'Andriamanitra ilay mpanjaka teo alohany, noho ny fahatokiany Azy, tsy ny hamonjy ny fireneny ihany fa ny tany manontolo nandritra ny fotoan'ny mosary.

Niraikitra tao an-tsain'i Mosesy ireo lesori'ny finoana izay nianarany tamin'ny fahazazany ary nanapa-kevitra izy fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia hijoro ho mahatoky koa izy. Tsy nisy fandrahonana, na valisoa izay hitaona azy handa ny finoany an'Andriamanitra.

Ao amin'ny boky *Patriarka sy Mpaminany*, no anomezana antsika ny indray mitopy maso amin'ny nahatonga ity tovolahy ity hiodina hiala amin'izay toa ho avy mamirapiratra tsy mampino.

Afaka nitana toerana ambony niaraka tamin'ireo mpitondra lehibe teto an-tany i Mosesy; nety ho tonga malaza teo amin'ny lapam-panjakana mamiratra indrindra izy ka hahatsara ny fitondram-panjakana. Nihoatra noho ny an'ny olo-malaza hattrizay ny fahambonian'ny fahaizany. Tsy nisy nitovy taminy tamin'ny fahaizana tantara sy tononkira sy filôzôfia ary ny maha mpitari-tafika sy mpanao lalâna azy. Kanefa na nivelatra teo anatrehany toy izany aza ny voninahit'izao tontolo izao, dia nolaviny tamin-kerim-po ny hoavy mamirapiratra ahazoan-karena sy fahalehibeazana teto an-tany, '*nifidy mantsy hiara-mitondra fahoriana amin'ny olon 'Andriamanitra toy izay hanana ffaliana vetivety amin'ny sahotana*' izy.³⁶

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia njery ny zavatra tsara kokoa mihoatra ny lapa tsara tarehin'ny Farao sy ny satroboninahitry ny mpanjaka i Mosesy. Tsapany ny fahamarinana tsy voafetran'ny fotoana, araka izay nolazain'ny apôstôly Paoly arivo taona sy tapany taty aoriania rehefa nanoratra izy: "... *raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay*" (2 Kôr. 4:18).³⁷

Velona any an-danitra ankehitriny i Mosesy (jereo Mat 17:3) satria nahita ny tsy hita kanefa tena zava-misy marina momba an'Andriamanitra tamin'ny mason'ny finoana izy, natoky ireo teny fikasany sy nanaraka ny fitarihany.

Nifanatri-tava tamin'ny Farao

Raha mitsidika an'i Egipta ianao ankehitriny dia hifanatri-tava amin'ireo Farao, ao amin'ny tranobe fampirantiana ny rakitry ny ela ao Caïre, Egipta. Ao no ahitana ny fatin'ireo mpanjaka nohosorana sy nofonosina manokana, ireo Farao malaza voatahiry tsara ny vatany. Ho hitanao ao ankoat'r'ireo hafa i Amenhotep II, Thutmose IV, Hatshepsut (izay inoan'ny maro fa ilay zanakavavin'ny mpanjaka nanangana an'i Mosesy), ary ilay Ramsesy II mahery, fantatra amin'ny anarana hoe Ramsesy Lehibe.

Efa noheverinao ve hoe ho aiza i Mosesy ankehitriny raha tsy nihaino ny antson'Andriamanitra ary tonga Farao? Azo inoana ny vatany voatahiry tsara anaty savoka dia mitsitra miaraka amin'ireo Farao hafa ao amin'ny tranobe fampirantiana ny rakitry ny ela an'ny mpanjaka.

Mazava ho azy, mora ny miteny hoe nanao ny safidy tsara i Mosesy raha mijery ny lasa. Kanefa tsy tena mazava izany tamin'izany fotoana izany. Raha nisafidy ny zava-drehetra hitany izy - ny famirapiratana manodidina azy, ny harena izay azy, ny fahefana izay

³⁶ Ibid.

³⁷ Ny dikantenin'ny Baiboly ampiasaina, raha tsy nomarihina manokana, dia dikanteny prôtestanta.

nampanantenaina - izy no ho ilay olona manan-karena sy manam-pahefana indrindra teto an-tany – kanefa ho mandalo ihany izany.

Tamin'izany fotoana izany, dia toa hadalana be dia be tokoa ny namoizany izany rehetra izany noho ny zavatra tsy hitany - afa-tsya tamin'ny alalan'ny mason'ny finoana. Fa ny Baiboly dia milaza amintsika fa: “*Finoana no nandavan'i Mosesy tsy hatao hoe zanaky ny zanakavavin'i Farao, rehefa lehibe izy, nifidy mantsy hiaramitondra fahoriana amin'ny olon'Andriamanitra toy izay hanana fisaliana vetivety amin'ny fahotana, nanao ny fanaratsiana an'i Kristy ho harena be lavitra noho ny zava-tsoan'i Egypta, satria njery ny famalian-tsoa izy. Finoana no nandaozany an'i Egypta, ka tsy natahorany ny fahatezeran'ny mpanjaka; fa naharitra toy ny mahita Izay tsy hita izy*” . (Hebreo 11:24-27).

Lesona hianaranana

Eny fa na dia avy nanao izany fanapahan-kevitra goavana sy manan-danja izany aza i Mosesy dia mbola nanana lesona maro izay hianaranana sy toe-tsaina hialana. Resy lahatra izy fa niantso azy hanafaka ny vahoakany Andriamanitra, nanapa-kevitra ny tsy hanao afa-tsya izay fotsiny i Mosesy, saingy tamin'ny herin'ny tenany.

“Ary tamin'izany andro izany, rehefa lehibe Mosesy, dia nivoaka nankany amin'ny rahalahiny izy ka njery ny fanompoany mafy, ary nahita lehilahy Egyptiana nanavokavoka ny anankiray tamin'ny Hebreo rahalahiny.

Dia niherikerika izy, ka nony hitany fa tsy nisy olona, dia novonooiny ilay Egyptiana, ary nasitriny tao amin'ny fasika ny faty.” (Eksôdôsy 2:11,12).

Tsy tokony ho maika loatra isika hitsaratsara an'i Mosesy. Izy anie nahazo fiofanana avo lenta tamin'ny ady e! Ary mety ho nino izy fa io fomba io no ahazoany manafaka ny vahoakany. Na izany aza fantatsika izay zava-nitrange taorian'izay. Tsy nahazo ny fanohanana'ny vahoakany i Mosesy, Fantatr'i Farao ilay vono olona, ary tsy maintsy nandositra hamonjy ny ainy ilay zanak'andrian'i Egipta teo aloha.

Avy eo tonga ny 40 taona lava be tany an'efitra - miandry ondry! Toa nihevitra i Mosesy fa nidaboka avokoa ny zava-drehetra. Niala avy eo amin'ny lapa izy nankany amin'ny kijana, avy amin'ilay lehilahy kinga amin'ny fiarovan-tena lasa mpandositra mahonena. Azo antoka fa nanontany tena izy hoe: “Inona no tsy nety?”

Saingy tsy very avokoa ny zava-drehetra. Manana drafitra ho an'i Mosesy Andriamanitra - tahaka ny ananany drafitra ho antsika tsirairay avy. “*Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany.*” (Jer. 29:11).

Vao nivoaka ny sekolin'i Farao, mbola tsy vonona ny hitarika ny vahoakan'Andriamanitra hiala tany Egipta ho any amin'ny tany nampanantenaina i Mosesy. Tsy maintsy nianatra izy aloha ny tsy hiantehitra amin'ny fahendreny na ny herin'ny tenany, fa hitoky kosa amin'ny herin'Andriamanitra amin'ny fanatanteraha ireo teny fikasany. Ilainy koa ny mianatra ny faharetana sy ny fandavan-tena - ireo lesona izay tsy ho hainy raha lavitra ireo izay azon'ny lapa omena.

Izao no vakintsika ao amin'ny *Patriarka sy Mpaminany*: “ Na ny fitiavan'ilay reny nanangana azy, na ny fanaranam-po amin'ny ratsy aseho eny rehetra eny amin'ny antoandrobenahary, na ny fahaizan-javatra na ny fanambakana na ny fandrebirebena amin'ny fivavahana tsy izy, na ny firentirentin'ny fanompoantsampy, na ny asa kanto amin'ny fahaizana mari-trano sy sokitra,— ireny rehetra

ireny dia samy tafaraikitra lalina tao am-pony sy tao amin'ny sainy vao herotrerony ka namolavola fahaizana ho azy sy nanefy ny toetrary. Ny fotoana sy ny fiovan-toerana ary ny firaiana amin'Andriamanitra ihany no hany mety hikosoka ireny fahaizana ireny. Tsy maintsy nitolona mafy tamim-pangirifiriana Mosesy, mba hahatomombana ny fanoloana ny hevi-diso tamin'ny marina. Andriamanitra anefa hamonjy sy hanohana azy rehefa mafy sy tsy tohan'ny heriny ny ady. (p 229,230).

Tsy very maina fotsiny, fa nampiasain'Andriamanitra ireo 40 taona tany an'efitra mba hanomana an'i Mosesy ho amin'ny asa lehibe amin'ny fitarohana ny vahoakany hiala amin'ny fanandevozana sy ny ao ambadik'izany. Nandritra ireo taona mangina ireo ihany koa, teo ambanin'ny tsindrimandry sy ny fitarahan'ny fanahy no nanoratan'i Mosesy ny bokin'ny *Genesisy*.³⁸

Antso tampoka

Tampoka teo, tapitra hatreo ny fiaianana maha mpiandry ondry azy! Matetika no toy izany ny antson'Andriamanitra - tampoka! Antso an-tariby, teny kely, mailaka, fanasana manokana. Raha ny amin'i Mosesy dia tonga tamin'ny alalan'ny roimemy nirehitra afo ny antso. Ary tsy vonona i Mosesy na fara faharatsiny nihevitra izy fa tsy vonona.

“*Koa avia ankehitriny hianao hirahiko ho any amin'i Farao hitondra ny zanak'Isiraely oloko hivoaka avy tany Egypta,*” hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy (Eks. 3:10).

Kanefa namaly i Mosesy: “*Iza moa aho no hankany amin'i Farao sy hitondra ny Zanak'Isiraely hivoaka avy any Egypta?*” (and. 11). Niaiky ny fahalemeny ilay zanak'andriana nahavita tena teo aloha ary tsy nahatsapa ho sahaza ny andraikitra omen'Andriamanitra azy ankehitriny, kanefa nanome toky azy Andriamanitra: “*Homba anao tokoa aho*” (and12). Tsy ho ela dia nianatra i Mosesy fa ny zavatra rehetra izay hotanterahina noho ny baikon'Andriamanitra dia tanterahina amin'ny Heriny. Misy ny fahafaha-manao ny Baikony rehetra.³⁹

Raha mbola nanohy naneho ny fialan-tsininy i Mosesy dia nolazain'Andriamanitra azy fa ny rahalahiny Arona no hiara-mandeha aminy “*Ary Izaho hanomana ny vavanao sy ny vavany ka hanoro anareo izay hataonareo.*” (Eks. 4:15). Koa nandeha niaraka izy miralahalihy hiatrika an'i Farao mahery, ary hanafaka ny vahoakan'Andriamanitra.

Nandritra ny fiaianany no nitondran'i Mosesy niaraka taminy ny fahafahana hanao safidy amim-pinoana feno misfototra amin'ny zava-misy maharitra mandrakizay fa tsy ny zavatra hita maso kanefa mandalo. Eny, na dia hatramin'ny fiasaran'ny fiaianany tetra antany aza, dia nampirisika ny zanak'Isiraely izy ho mahatoky an'Andriamanitra, nanao hoe: “Enga anie ka Hendry izy mba hahalala izao ka hahafantatra izay ho farany (ho aviny)!” (Deo. 32:29).

Ohatra maromaro

Mazava ho azy fa tsy i Mosesy irery ihany no olona ao amin'ny Baiboly izay njery tamin'ny finoana ny mandrakizay ao ambadiky ny ankehitriny. Ao amin'ny bokin'ny Hebreo toko faha 11 andininy voaloany no anomezana antsika ny famaritana tena mazava ny finoana: “Ny hoe mino dia mahazo antoka tsara ny zavatra antenaina ary matoky ny zavatra tsy hita.” (DIEM).

38 Jereo Patriarka sy Mpaminany, p. 251. (teny anglisy)

39 White, Henoinareo ny Fanoharana, p. 333. (teny Anglisy)

Mitohy io toko io amin'ny lisitra lavabe misy ireo lehilahy sy vehivavy izay nisafidy ny hankatô an'Andriamanitra, toy izay hanaraka ny tontolo nanodidina azy ireo: Abrahama sy Saraha, Isaka, Jakôba, Josefa, Mosesy, Rahaba, sy ny maro hafa. Ary milaza ny Baiboly fa "Tamim-pinoana no nahafatesan'ireo olona rehetra ireo. Tsy azony akory izay nampantanenain'Andriamanitra azy, kanefa notazanin'ireo sy noarahabainy avy lavitra; ary dia niaiky izy rehetra fa vahiny sy mpivahiny teto an-tany." (and. 13 DIEM).

Amin'ireo ohatra nasehon'ireo rehetra izay njery ny teny fikasana izay tsy hita ao ambadik'izay hita dia ny an'i Jesôsy no mafonja indrindra. Nijery tamim-pitiavana ny olombelona rehetra izy - tsy nanamarika fotsiny ny fiseho ivelan'izy ireo Izy fa nahita izay mety ho vitan'izy ireo noho ny Heriny. Rehefa teo amin'ny fantsakan'i Jakôba izy (Jereo Jaona 4:5-42) dia tsy nahita vehivavy samaritana fotsiny fa nahita vehivavy iray mila fanantenana sy famelan-keloka, ary nahita mpitoky ny filazantsara. Rehefa nitondra teo Aminy ny sakafon'ny zazalahikely teo amoron'ny ranomasin'i Galilia i Andrea dia tsy mofo dimy sy hazandrano roa no hitany fa ny fahafahana mamahana olona an'arivony - tsy arabatana fotsiny ihany fa ara-panahy koa (Jereo ny Jaona 6:8-13). Rehefa tao anaty lakana fanjonoana teo amin'ny ranomasina manonja Izy dia tsy nibanjina ny rivotra sy ny onja fa niala sasatra tamim-pahatokiana teo an-tsadrin'ny Rainy. (Jereo Marka 4:37-40). Ary rehefa nihantona teo amin'ny hazo fijaliana Izy, nitanjaka sy nokapohina, rehefa toa tsy misy fanantenana tanteraka ny zavatra rehetra, dia nampantanena ilay jiolahy niala aina, nibebeaka, manao hoe: "*Hinhaona amiko any am-paradisa hianao*" (Lioka 23:43). Nijery ny ao ambadik'izay hita maso mandalo ankehitriny Izy ary nahita ny maharitra mandrakizay.

Mijery ny ao ambadika

Ahoana ny momba anao? Aiza no mba jerenao? Moa ve ny masonao tena fenon'ireo zavatra hita maso - ireo zavatra izay manodidina anao, toe-javatra izay mandrakotra anao, olona izay mandresy lahatra anao - ka tsy mahita ny tsy hita ianao?

Mora loatra ny misantoka sy voaentan'ny eto sy ny anio fotsiny. Kanefa ireo zavatra izay toa manan-danja ankehitriny - ny laza, ny vola, ny fanatanjahan-tena, ny fialamboly, ny lamaody, ny fahombiazana araka izao tontolo izao, (_____), ianao no mamenno ny banga - dia tsy misy dikany any amin'ny mandrakizay?

Ao amin'ny bokin'ny Jaona voalohany toko faharoa dia mampirisika antsika ny Apôstôly: "Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao... fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao, dia ny filân'ny nofso sy ny filân'ny maso ary ny rehaka momba izao fainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray fa avy amin'izao tontolo izao ihany, ary mandalo izao tontolo izao sy ny filâny; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay." (and. 15-17, KJV).

Mety tsy nomena antsika avokoa ny fanofanana ny mpanjaka ho Farao tahaka an'i Mosesy, kanefa isika rehetra dia matrika safidy ny "hanana fifaliana vetivety amin'ny fahotana" (Heb. 11:25,), na hampifantoka ny masontsika any amin'ny valisoa maharitra mandrakizay, ary hiaina ny fainantsika araka ny teny fikasana.

Manasa anao aho ankehitriny hijery an'i Jesôsy Ilay Tompo sy Mpanefa ny finoantsika (Heb. 12:2). Hampivelatra ny fisandraisana ety Aminy. Handany fotoana miaraka Aminy. Hifandray akaiky Aminy amin'ny vavaka. Hihaino Azy miteny aminao amin'ny alàlan'ny Teniny - ny Baiboly. Hamaky ireo torohevitra omeny anao ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana.

Henoy ny feony mitarika anao amin'ireo hetsika mavitrika fitoriana hanatrarana ireo any ivelany ary hanetry tena amin'ny asa fanompoana ny hafatra

amin'ny firotsahana an-tsehatra amin'ny Mambra Rehetra Mandray Anjara - **TAnora RE**hetra **Mandray ANJA**ra. Nampanantena izy ny homba anao, ny hitari-dalana sy hampahery anao. Ary indray andro any, mino aho fa tsy ho ela intsony, dia hiverina Izy handray antsika hiara-miaina Aminy mandrakizay, ho any amin'ny toerana izay mahatalanjona kokoa noho izay eritreretintsika.

“Izay tsy mbola hitan’ny maso ary tsy mbola ren’ny sofina, na niditra tao ampon’ny olona, na inona na inona no efa namboarin’Andriamanitra ho an’izay tia Azy” (1 Kor. 2:9).

Tahaka an'i Mosesy, misafidiana anio ny hahita ny tsy hita maso.

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1. Tamin'ny fomba ahoana no nahafahan'i Mosesy njery ny ao ambadiky ny fanintonan'ny ankehitriny ary hifikitra am-pinoana ny hoavy?
2. Inona no dikan'ny hoe mahita “amin'ny alalan'ny mason'ny finoana?” Nahoana no zava-dehibe izany?
3. Inona ireo fomba azo tsapain-tanana izay azonao hampitomboana ny finoantsika?
4. Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika mandanjalanja ny fiainana amin'izao ankehitriny izao, sy ny fiomanana ho amin'ny mandrakizay?
5. Soritsorito izay hoheverina fa mety ho endriky ny lanitra? Inona no zavatra izay tena andrandrainao fatratra?

The poster features a large graphic of a man's legs and feet standing in shallow water, wearing sandals. To his right, a young boy in a white shirt and tie is kneeling with his hands clasped. The background is a green gradient. On the left, there is a vertical column of five blue and yellow circles, each containing the letters 'JAT'. To the right of this column, the word 'IMPACT MADA' is written vertically. Below it, four purple boxes contain the letters 'M', 'A', 'D', and 'A' respectively, followed by their corresponding French definitions: 'ission', 'art', 'éveloppement', and 'mitié'. At the bottom, a quote in yellow reads: "Je faus qu'il croisse et que je diminue". The overall theme is social impact and development.

I Lead

Congrès &

Rallye de l'

Océan

Indien

Transmets-le

MISSION

ART

DÉVELOPPEMENT

SOLIDARITÉ

IMPACT MADA

BIENTÔT

PASS IT ON
IMPACT MADA

**KONGRESIN'NY TANORA ADVANTISTA ETO AMIN'NY
FIVONDRONAMBEN'NY FIANGONANA ADVANTISTA ETO AMIN'NY
RANOMASIMBE INDIANA:
02-11 NOVAMBRA 2018**